**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe: "Izy" dia maneho an'i Jesosy.

**izay narary rehetra na misy demonia**

Eto ny teny hoe: "rehetra" dia filaza masaka ary ampiasaina mba hanasongadinana fa olona maro be no tonga. "olona maro izay narary na misy demonia"

**Tafavory niaraka teo am-baravarana ny tao an-tanàna rehetra**

Eto ny teny hoe: "rehetra" dia sarin-teny ampiasaina mba hanasongadinana olona marobe mitady an'i Jesosy. "Olona maro avy amin'io tanàna io no niangona tao ivelan'ny varavarana"

### **Mark 1:35**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia naka fotoana mba hivavaka teo antenantenan'ny fotoanan'ny fanasitrana olona. Nankany amin'ny tanàn-dehibe nanerana an'i Galilia Izy mba hitory, hanasitrana, ary handroaka ireo demonia.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "Izy" dia maneho an'i Jesosy.

**toerana mangina**

"toerana izay hahafahany mitokana."

**Simona sy ireo izay niaraka tamin'ny**

Eto ny "izy" dia maneho an'i Simona. Ary koa, tafiditra tamin'ireo izay niaraka tamin'ny i: Andrea, Jakoba, Jaona, ary mety nisy olona hafa ihany koa.

**Mitady Anao ny olona rehetra**

Ny teny hoe: "Rehetra" dia filaza masaka ampiasaina mba hanasongadinana fa olona maro no mitady an'i Jesosy. "Olona maro no mitady anao"

### **Mark 1:38**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "Izy" sy "Izaho" dia maneho an'i Jesosy.

**Andeha isika ho any amin'ny toeran-kafa**

"Mila mandeha mankany amin'ny toeran-kafa isika." Eto Jesosy dia mampiasa ny teny hoe "isika" mba hanehoana ny tenany, miaraka amin'i Simona, Andrea, Jakoba, ary i Jaona.

**Nitety an'i Galilia manontolo Izy**

Ny teny hoe: "manontolo" dia filaza tafahoatra ampiasaina mba hampisongadina fa Jesosy dia nandeha tamin'ny toerana maro nandritra ny asa

fanompoany. "Izy dia nandeha tamin'ny toerana maro tao Galilia"

### Mark 1:40

**Nisy boka iray tonga teo aminy. Nitalaho taminy izy; nandohalika teo Aminy ary nilaza taminy hoe:**  
"Nisy boka nanatona an'i Jesosy. Nandohalika sy nitalaho tamin'i Jesosy ary niteny hoe: "

**Raha sitrakao, dia afaka manadio ahy ianao**  
Ny fehezanteny hoe: "hampadio ahy" dia fantatra avy amin'ny fehezanteny manaraka. "Raha sitrakao" ny hanadio ahy, dia afaka manadio ahy ianao."

**raha sitrakao**  
"te-" na "maniry"

**afaka manadio ahy ianao**  
Tamin'ny vanim-potoana ara-baiboly, ny olona izay nanana aretin-koditra dia natao hoe: maloto mandra-pahasitrana tsara ny hoditra sy tsy hifindrany intsony. "afaka manadio ahy ianao"

**Onena azy, i Jesosy**  
Eto ny teny hoe: "onena" dia fomba fiteny midika fihetsem-po momba izay ilain'ny hafa. "Onena azy" na "Jesosy dia onena an'ilay lehilahy"

**Sitrako**  
Mety hanampy be kokoa ny filazana izay sitrak'i Jesosy atao. "Sitrako ny hanadio anao"

### Mark 1:43

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny teny hoe:"izy" eto dia ampiasaina mba haneho an'ilay boka izay nositrarin'i Jesosy.

**Tandremo tsy hilaza na inona na inona amin'iza na amin'iza**  
"Tandremo tsy hilaza na inona na inona amin'iza na amin'iza ianao"

**asehoy amin'ny mpisorona ny tenanao**  
Jesosy niteny an'ilay lehilahy mba hampiseho ny tenany amin'ny mpisorona mba hahafahan'ny mpisorona mijery ny hodiny ka hahita fa afaka

tanteraka ny habokany. Notakiana tao amin'ny lalàn'i Mosesy fa tokony hampiseho ny tenany eo amin'ny mpisorona ny olona iray raha voadio izy.

**asehoy ny tenanao**  
Ny teny hoe: "tenanao" eto dia maneho ny hodi-tr'ily boka. "asehoy ny hodi-trao"

**fijoroana vavolombelona ho azy ireo**  
Tsara kokoa ny mampiasa ny mpisolo tena hoe "izy ireo." Ireo mety ho dikany hafa dia: 1) "fijoroana vavolombelona amin'ireo mpisorona" na " 2) "fijoroana vavolombelona amin'ny olona."

### Mark 1:45

**Fa nandeha izy**  
Ny teny hoe: "izy" dia maneho an'ilay lehilahy nositrarin'i Jesosy.

**nilaza tamin'ny olona rehetra ... nampielany ny teny**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika ary ampiasaina miaraka ireo mba hanasongadinana fa olona marobe no resahan'ilay lehilahy.

**olona rehetra**  
Ny teny hoe: "olona rehetra" dia filaza masaka tafahoatra hanasongadinana isan'olona maro be. "olona marobe nihaonany"

**tsy afaka niditra an-kalahana tany amin'ny tanàna rehetra intsony Jesosy.**  
Izany dia midika fa vahoaka marobe no nanakana an'i Jesosy tsy hiditra ny tanàna satria ireo vahoaka ireo no nanasarotra ny fandehanany teny amin'ny manodidina teny. "ireo vahoaka nanakana an'i Jesosy tsy handeha an-kalahalahana tao amin'ireo tanàna"

**toerana mitokana**  
"ireo toerana mitokana" na "ireo toerana izay tsy misy olona mipetraka"

**avy amin'ny toerana rehetra**  
Ny teny hoe: "toerana rehetra" dia filaza masaka ampiasaina mba hanasongadinana fa ny olona dia tonga avy any amin'ny toerana maro. DH: "avy any amin'ny faritra rehetra"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Rehefa niverina tao Kapernaomy Izy afaka andro vitsivitsy, dia re fa tao an-trano Izy. <sup>2</sup> Maro tokoa ny olona nitangorona teo hany ka tsy nisy toerana intsony, na dia ny teo am-baravarana aza, ary nanambara ny teny tamin'izy ireo Jesosy. <sup>3</sup> Dia nisy lehilahy maromaro nanatona Azy izay nitondra lehilahy malemy iray; izay nolanjain'olona efa-dahy. <sup>4</sup> Rehefa tsy afaka nanatona Azy akaiky izy ireo nohon'ny habetsaky ny vahoaka, dia nesorin'izy ireo ny tafon-trano izay teo ambonin'i Jesosy, ary rehefa voasokatr'izy ireo, dia nampidin'izy ireo ny fandriana izay nandrian'ilay lehilahy malemy. <sup>5</sup> Nony nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy malemy hoe: "Anaka, voavela ny helokao." <sup>6</sup> Ary nisy sasany tamin'ireo mpanora-dalàna nipetraka teo, ka nimonomonona tao am-pon'izy ireo hoe: <sup>7</sup> "Ahoana no ahafahan'io lehilahy io miteny tahaka izany? Miteny ratsy Izy! Fa tsy Andriamanitra irery ihany va no afaka mamela heloka?" <sup>8</sup> Fa Jesosy nahafantatra avy hatrany tao amin'ny fanahiny ny zavatra noeritreretin'izy ireo. Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo?" <sup>9</sup> Inona no moramora kokoa ny miteny amin'ilay lehilahy malemy hoe: 'Voavela ny helokao' sa ny hoe: 'Mitsangàna, batao ny fandrianao, dia mandehana?' <sup>10</sup> Fa mba hahafantaranareo fa manana fahefana hamela heloka ety an-tany ny Zanak'Olona," hoy Izy tamin'ilay malemy hoe: <sup>11</sup> "Lazaiko aminao, mitsangàna, batao ny fandrianao, dia mandehana any an-tranonao". <sup>12</sup> Dia nitsangana izy ka nibata ny fandriany avy hatrany, ary nivoaka an'ilay trano manoloana ny rehetra, ka dia talanjona izy rehetra ka nanome voninahitra an'Andriamanitra, ary hoy izy ireo hoe: "Tsy mbola nahita zavatra tahaka ity izahay." <sup>13</sup> Avy eo nivoaka teo amoron-dranomasina indray Izy, ary nanatona azy avokoa ny vahoaka, ka nampianariny izy ireo. <sup>14</sup> Ary rehefa nandalo Izy, dia nahita an'i Levi zanak'i Alfeo nipetraka teo amin'ny toerana fanangonana hetra ka hoy Izy taminy hoe: "Manaraha Ahy." Dia nitsangana izy ka nanaraka Azy. <sup>15</sup> Nisakafo tao an-tranon'i Levy Jesosy ary mpamory hetra sy olona mpanota maro no niara-nihinana taminy sy ireo mpianany, fa maro izy ireo no tao ary nanaraka Azy. <sup>16</sup> Ary ireo mpanora-dalàna, izay Fariseo, rehefa nahita an'i Jesosy niara-nisakafo tamin'ireo olona mpanota sy ireo mpamory hetra, dia nanontany ny mpianany hoe: "Nahoana Izy no miara-misakafo amin'ny mpamory hetra sy olona mpanota?" <sup>17</sup> Rehefa nandre izany Jesosy dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy ny salama no mila mpitsabo; fa izay marary irery ihany no mila izany. Tsy tonga hiantso ny olo-marina Aho, fa ny olona mpanota." <sup>18</sup> Ary nifady hanina ireo mpianatr'i Jaona sy ireo Fariseo. Lehilahy maromaro no nanatona Azy ka niteny taminy hoe: "Nahoana ny mpianatr'i Jaona sy ny mpianatr'ireo Fariseo no mifady hanina, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady?" <sup>19</sup> Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Afaka mifady hanina va ny mpanatrika ny fampakarana raha mbola eo ny mpampakatra? Raha mbola miaraka amin'izy ireo eo ny mpampakatra, dia tsy afaka mifady hanina izy ireo. <sup>20</sup> Ho avy ny andro hanalana ny mpampakatra eo amin'izy ireo, dia amin'izay andro izay, no hifady hanina izy ireo. <sup>21</sup> Tsy misy manampina lamba tonta amin'ny lamba vaovao, raha tsy izany dia hiala aminy ilay tapa-damba, ny vaovao hiala amin'ny taloha, ary vao maika ho ratsy ny faharovitana. <sup>22</sup> Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta, raha tsy izany dia ho rovitry ny divay ny hoditra ka samy ho very ny divay sy ny siny hoditra. Fa kosa, divay vaovao atao ao anaty siny hoditra vaovao." <sup>23</sup> Tamin'ny andro sabata Jesosy nandeha teny amin'ny tanimbary maromaro, ary nanomboka nioty salohimbary ny mpianany. <sup>24</sup> Dia hoy ireo Fariseo Taminy: "Jereo, nahoana izy ireo no manao zavatra tsy araky ny lalànan'ny andro Sabata?" <sup>25</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Mbola tsy novakianareo angaha izay nataon'i Davida rehefa tao anatin'ny tsy fahampiana sy hanoanana izy\_ sy ireo lehilahy niaraka taminy\_ <sup>26</sup> ahoana ny fomba nidirany tao an-tranon'Andriamanitra tamin'ny andron' i Abiatar mpisoronabe, ka nihinana ny mofon'ny fanatrehana, izay tsy ara-dalàna ho an'iza na iza ny mihinana azy afa-tsy ny mpisorona ihany, ary mbola nanomezany maromaro ireo izay niaraka taminy aza?" <sup>27</sup> Jesosy niteny hoe: "Ny Sabata dia natao ho an'ny zanak'olombelona, fa tsy ny zanak'olombelona no ho an'ny Sabata. <sup>28</sup> Noho izany, ny Zanak'Olona no Tompo, na dia amin'ny Sabata aza."

### Mark 2:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Taorian'ny nitoriana sy nanasitranana olona nanerana an'i Galilia, Jesosy niverina tany Kapernaomy tany amin'izay nanasitranany sy

namelany heloka an'ilay lehilahy tsy afaka mihetsika.

**dia re fa tao an-trano izy**  
Afaka hoe: "ireo olona teo no nandre fa nipetraka tao an-trano izy"



**Ka maro no nitangorona teo**

Afaka atao hoe: "ka maro ny olona nitangorona" na koa hoe: "ka maro ny olona no tonga tao an-trano"

**tsy nisy toerana intsony**

Izany dia maneho fa tsy misy toerana malalaka intsony tao an-trano. DH: "tsy nisy toerana ho azy ireo intsony tao."

**Mark 2:3****efa-dahy no nilanja azy**

"efatra tamin'izy ireo no nilanja azy." Tahaka ny hoe: nisy lehilahy mihoatra ny efatra tao anatin'ilay vondrona izay nitondra an'ilay lehilahy ho any amin'i Jesosy.

**nitondra lehilahy malemy iray**

"nitondra lehilahy iray izay tsy afaka mandeha na mampiasa ireo tanany"

**tsy afaka nanatona Azy akaiky**

"tsy afaka nanatona akaiky teo amin'izay nisy an'i Jesosy"

**nesorin'izy ireo ny tafon-trano izay teo ambonin'i Jesosy ... nanisy lavaka teo amin'izany**

Ireo trano izay nipetrahan'i Jesosy dia nisy tafo mahitsy vita tamin'ny tanimanga sy voarakotra zozoro. Ny dingana fanaovana ilay lavaka ao amin'ilay tafon-trano dia afaka azavaina moramora kokoa na atao somary mivelatra kokoa mba ho mora azo amin'ny fomba fiteninao. DH: "nesorin'izy ireo ny ampahan'ny tafo zozoro teo ambonin'izay nisy an'i Jesosy. Ary rehefa avy nandavaka tao amin'ilay tafo tanimanga izy ireo" na "nanao lavaka teo amin'ny tafo teo ambonin'izay nisy an'i Jesosy izy ireo, dia nidina izy ireo avy eo."

**Mark 2:5****Nahita ny finoan'izy ireo**

"Nahita ny finoan'ireo lehilahy." Ireo mety ho dikany: 1) ireo lehilahy izay nilanja an'ilay lehilahy tsy afaka mihetsika ihany no manam-pinoana, na 2) ilay lehilahy tsy afaka mihetsika sy ireo lehilahy izay mitondra azy dia manam-pinoana avokoa.

**Anaka**

Ny teny hoe: "Anaka" eto dia mampiseho ny firaharahian'i Jesosy ilay lehilahy tahaka ny firaharahian'ny ray ny zanaka. DH: "Ny zanako"

**voavela ny helokao**

Ny mety ho dikany hafa dia ireto avy: 1) "Andriamanitra namela ny helokao" (toko 2:7) na "Efa namela ny fahotanareo aho"

**nimonomonona tao am-pon'izy ireo**

Eto ny teny hoe: "ny fon'izy ireo" dia hevitra ambadika hilazana ny eritreritry ny olona. DH: "nieritreritra ny tenan'izy ireo"

**Ahoana no ahafahan'io lehilahy io miteny tahaka izany?**

Io fanontaniana io dia napetraka mba hampisehoana fa ireo mpanora-dalàna dia manana ahiahy amin'ny herin'i Jesosy mamela ny fahotana. DH: "Tsy tokony hiteny tahaka izany io lehilahy io!"

**Fa tsy Andriamanitra irery ihany va no afaka mamela heloka?**

Io fanontaniana io dia napetraka mba hampisehoana fa ireo mpanora-dalàna dia manana ahiahy amin'ny hoe Jesosy no Andriamanitra. DH: "Andriamanitra irery ihany no afaka mamela ireo fahotana!"

**Mark 2:8****ao amin'ny fanahiny**

"ao amin'ny toetra anatin'ny" na "ao amin'ny tenany"

**ny zavatra noeritreretin'izy ireo**

Ny mpanora-dalàna tsirairay dia samy nieritreritra ny tenany; tsy nifampiresaka izy ireo.

**Fa nahoana ianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo?**

Jesosy dia mampiasa io fanontaniana io mba hiteny an'ireo mpanora-dalàna fa izany eritreretin'izy ireo izany dia diso. DH: "Izany eritreretinareo izany dia diso" na "Aza mieritreritra fa izaho dia miteny ratsy"

**izany ao am-ponareo**

Ny teny hoe: "fonareo" dia hevitra ambadiky ny eritreritra anatin'izy ireo sy ny faniriana. DH: "izany no anatin'ny tenanareo" na "izany zavatra izany"

**Inona no moramora kokoa ny miteny amin'ilay lehilahy malemy ... batao ny fandrianao, dia mandehana?**

Jesosy nametraka izany fanontaniana izany satria ireo mpanora-dalàna dia nino ilay lehilahy tsy afaka mihetsika nohon'ny otany, ary raha voavela ny helok'ilay lehilahy, afaka mandeha izy. Raha nositrarin'i Jesosy ilay lehilahy tsy afaka mihetsika, ireo mpanora-dalàna dia manaiky fa Jesosy dia afaka mamela heloka. Noho izany, dia mety hanaiky ihany koa izy ireo, fa izy no Andriamanitra. Io fanontaniana io dia afaka miova hevitra. DH: "Moramora kokoa ny miteny amin'ilay lehilahy malemy hoe: 'Voavela ny helokao' nohon'ny hoe: 'Mitsangàna, batao ny fandrianao, dia mandehana!'"

**Mark 2:10****Fa mba hahafantaranareo**

"Fa mba hahafantaranareo." Ny teny hoe: "ianareo" dia maneho an'ireo mpanora-dalàna sy ireo vahoaka.

**fa manana fahefana ny Zanak'Olona**

Jesosy dia maneho ny tenany toy ny "Zanak'Olona." DH: "fa izaho no Zanak'Olona ary manana fahefana aho"

**manoloana ny rehetra**  
"raha mbola nijery ny olona rehetra teo"

### Mark 2:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jesosy dia nampianatra ny vahoaka teo akaikin'ny Ranomasin'i Galilia, ary niantso an'i Levia mba hanaraka azy.

**amoron-dranomasina**  
Ranomasin'i Galilia io, izay fantatra tahaka ny Moron-dranomasin'i Genesareta.

**nanatona azy ny vahoaka**  
"nankeo amin'izay nisy azy ny olona"

**Levi zanak'i Alfeo**  
Alfeo dia rain'i Levi.

### Mark 2:15

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Tamin'ny andro efa takariva, ary Jesosy dia tao an-tranon'i Levi mba hisakafo.

**tranon'i Levi**  
" tranon'i Levi"

**olona mpanota**  
Ireo Fariseo dia mampiasa ny fehezanteny hoe: "olona mpanota" mba hanehoana ny olona izay tsy mitandrana ny lalàna sy ny fieritreretana ny Fariseo azy ireo.

**fa maro izy ireo no tao ary nanaraka Azy izy ireo**  
Ny mety ho dikany: 1) "fa maro ireo mpamory hetra sy ireo olona mpanota nanaraka an'i Jesosy" na 2) "fa Jesosy manana mpianatra maro ary nanaraka Azy izy ireo."

**Nahoana Izy no miara-misakafo amin'ny mpamory hetra sy olona mpanota?**  
Ireo Mpanora-dalàna sy ireo Fariseo dia nametraka izany fanontaniana izany mba hampiseho ny tsy faneken'izy ireo ny fampiantranoan'i Jesosy. Afaka atao foto-kevitra izany. DH: "Izy dia tokony tsy hira-hihinana amin'ireo mpanota sy ireo mpamory hetra!"

### Mark 2:17

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jesosy namaly izay nolazain'ireo mpanora-dalàna tamin'ireo mpianany momba ny fisakafoany niaraka tamin'ireo mpamory hetra sy olona mpanota.

**hoy Izy tamin'izy ireo**  
"hoy izy tamin'ireo mpanora-dalàna"

**Tsy ny salama no mila mpitsabo; fa izay marary irery ihany no mila izany**  
Jesosy mampiasa io ohabolana momba ny olona marary sy ireo mpitsabo io mba hampianatra azy ireo fa ireo olona izay mahalala fa mpanota ihany no mahafantatra fa mila an'i Jesosy izy ireo.

**salama**  
"salama tsy marofy"

**Tsy tonga hiantso ny olo-marina Aho, fa ny mpanota**  
Jesosy dia niandry ireo mpihaino azy mba hahatakatra fa izy dia tonga ho an'ireo izay mila fanampiana. DH: "Izaho dia tonga ho an'ireo olona izay mahatsapa fa mpanota izy ireo, fa tsy ho an'ny olona izay mino fa marina izy ireo"

**fa ny olona mpanota**  
Ny teny hoe: "tonga hiantso Aho" dia fantatra avy amin'ny fehezanteny eo alohan'izany. DH: "fa tonga mba hiantso ny olona mpanota Aho"

### Mark 2:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jesosy dia milaza fanoharana mba hampiseho hoe nahoana ireo mpianany no tsy tokony hifady hanina rehefa mbola eo Izy.

**nifady hanina ireo Fariseo ... sy ny mpianatr'ireo Fariseo**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia maneho vondron'olona mitovy, fa ilay faharoa dia voafaritra tsara . Ireo roa ireo dia maneho an'ireo mpanara-dia an'ireo Fariseo, fa tsy mifantoka amin'ireo mpitarika ireo Fariseo. DH: "ireo mpianatry ny Fariseo dia nifady hanina ... ireo mpianatry ny Fariseo"

**lehilahy maromaro**  
"lehilahy maromaro." Io no tsara ampiasaina handikana io fehezanteny io fa tsy ilaina faritana hoe iza ireo lehilahy ireo. Raha ilaina ho voafaritra tsara amin'ny fomba fiteninao izany, dia ireto avy ny mety ho dikany hafa: 1) ireo lehilahy ireo dia tsy ao anatin'ny mpianatr'i Jaona na mpianatry ny Fariseo ireo, na koa hoe: 2) ireo lehilahy ireo dia anisan'ny mpianatr'i Jaona.

**Afaka mifady hanina va ny mpanatrika ny fampakarana raha mbola miaraka amin'izy ireo eo ny mpampakatra?**  
Jesosy dia mampiasa io fanontaniana io mba hampatsiahivana ireo olona ny zavatra efa fantany sy mankahery azy ireo mba hampihatra izany Aminy sy amin'ireo mpianany. DH: "Ireo mpanatrika ny fampakarana dia tsy tokony hifady hanina raha mbola miaraka amin'izy ireo eo ny mpampakatra. Fa tokony hankalaza sy hifety izy ireo."

### Mark 2:20

**hanalana ny mpampakatra eo**  
DH: "ny mpampakatra dia handeha"

**hanalana azy ireo amin'izy ireo ... hifady hanina izy ireo**  
Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo mpanatrika ny fampakarana.

**Tsy misy manampina lamba tonta amin'ny lamba vao**  
Ny fanampenana lamba vao amin'ny lamba tonta dia hamparatsy ny lavaka kely amin'ny lamba tonta raha mbola tsy mifintina ilay tapa-damban'ilay akanjo vao. Ilay akanjo vao sy ilay akanjo tonta dia samy ho simba.

**Tsy misy**  
"Tsy misy." Io fehezanteny io dia maneho ny olondrehetra, fa tsy olon-tokana.

## Mark 2:22

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jesosy nanomboka niteny fanoharana hafa momba ny fametrahana divay vaovao ao amin'ny siny hoditra tonta ho mifanohitra amin'ny siny hoditra vaovao.

**divay vaovao**  
"ranom-boaloboka." Izany dia maneho ny divay izay tsy mbola notehirizina ela. Raha tsy fantatra ao amin'ny faritra misy anao ny hoe: "voaloboka" dia ampiasao ny voambolana hahafantaran'ny faritra misy anao an'io voankazo io.

**siny hoditra tonta**  
Izany dia maneho siny hoditra izay efa ela niasana.

**siny hoditra**  
Ireo dia siny vita tamin'ny hoditra biby. Azo antsoina ihany koa hoe: "sinin-divay" na "siny hoditra"

**ho rovitry ny divay ny hoditra**  
Ireo divay vaovao dia miakatra rehefa mbola mialin'andro, ka mety hampatonta, handrovitra ny siny hoditra mba hisokatra.

**very**  
"simba"

**siny hoditra vaovao**  
"siny hoditra vaovao" na "sinin-divay vaovao." Izany dia maneho fa tsy mbola nampiasaina mihitsy ireo siny hoditra.

## Mark 2:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy dia manome ohatra avy ao amin'ny Soratra Masina ho an'ireo Fariseo mba hampiseho hoe nahoana ireo mpianatra no tsy diso raha nioty voa amin'ny Sabata.

**nioty salohim-bary ... manao zavatra tsy araky ny lalànan'ny andro Sabata**  
Fiotazana voa amin'ny tanim-bary hafa sy mihinana izany dia tsy raisina ho fangalarana. Ny

fanontaniana dia raha ara-dalàna ny manao izany amin'ny Sabata.

**mioty salohim-bary**  
Ireo mpianatra dia nioty salohim-bary mba hohanina. Izany dia afaka aseho amin'ny dikany manontolo. DH: "mioty sy mihinana ny salohim-bary"

**salohim-bary**  
Ilay farany ambony amin'ny vary izany, izay karazana bozaka lava. Mitazona ny voa efa masaka na ny voan'ilay vary.

**Jereo, nahoana izy ireo no manao zavatra tsy araky ny lalànan'ny andro Sabata?**  
Ireo Fariseo dia manontany an'i Jesosy mba hanameloka Azy. Afaka adika hoe: "Jereo, mandika ny lalàn'ny Jiosy momba ny Sabata izy ireo."

**Jereo**  
"Jereo io" na "Henoy." Io dia teny ampiasaina hampaliana olona iray mba hampisehoana zavatra azy.

## Mark 2:25

**hozy Izy tamin'izy ireo**  
"Jesosy niteny tamin'ireo Fariseo"

**Mbola tsy novakianareo angaha izay nataon'i Davida ... ireo izay niaraka taminy?**  
Jesosy nametraka izany fanontaniana izany mba hampatsiahy an'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo an'ilay zavatra nataon'i Davida tamin'ny Sabata.

**Mbola tsy novakianareo angaha izay nataon'i Davida rehefa tao anatin'ny tsy fahampiana sy hanoanana izy\_ izy sy ireo lehilahy niaraka taminy\_**  
DH: "Tadidido izay novakianao momba izay nataon'i Davida rehefa tao anatin'ny tsy fahampiana sy hanoanana izy sy ireo lehilahy niaraka taminy"

**novakiana izay nataon'i Davida**  
Jesosy dia maneho izay novakiana momba an'i Davida ao amin'ny Testamenta Taloha. Afaka adika hoe: "vakio ao amin'ny soratra masina hoe inona no ... i Davida"

**ahoana ny fomba nidirany tao an-tranon'Andriamanitra ... ireo izay niaraka taminy aza?"**  
Afaka atao hoe hevitra misaraka amin'ny andininy faha-25 io. DH: "Nankao amin'ny tranon'Andriamanitra Izy ... amin'ireo izay niaraka taminy."

**ahoana ny fomba nidirany**  
Ny hoe: "-ny" dia maneho an'i Davida.

**mofon'ny fanatrehana**  
Maneho ny mofo roa ambin'ny folo izay mipetraka eo amin'ny latabatra volamena ao amin'ny tabernakely na tempoly natsangana ho sorona ho

an'Andriamanitra nandritra ny fotoan'ny Testamenta Taloha izany.

**Mark 2:27**

**Ny Sabata dia natao ho an'ny zanak'olombelona**  
Jesosy dia nampazava hoe naninona Andriamanitra no nanorina ny Sabata. Afaka atao ihany koa hoe:  
"Andriamanitra nanao ny Sabata ho an'ny zanak'olombelona"

**zanak'olombelona**

"olombelona" na "olona" na "izay ilain'ny olona." Io teny io eto dia maneho ny lehilahy sy ny vehivavy.

**fa tsy ny zanak'olombelona no ho an'ny Sabata**

Misy teny tsy ampy amin'io hevitra io izay afaka ampiana mba hampazava azy kokoa. DH: "ny zanak'olombelona dia tsy natao ho an'ny Sabata" na "Andriamanitra dia tsy nanao ny zanak'olombelona ho an'ny Sabata"

---

## Chapter 3

<sup>1</sup> Dia nandeha tao amin'ny synagoga indray Jesosy ary nisy lehilahy maty tanana tao. <sup>2</sup> Nijery akaiky Azy ny olona sasantsasany mba hahita raha hanasitrana azy amin'ny Sabata Izy mba afahan'izy ireo manameloka Azy. <sup>3</sup> Hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tanana hoe: "Mitsangàna ary mijoroa eto afovoan'ny olon-drehetra eto." <sup>4</sup> Dia niteny tamin'ny olona Izy hoe: "Ara-dalàna va ny manao soa amin'ny andro Sabata sa ny manao ratsy; ny mamonjy aina, sa ny mahafaty?" Nefa izy ireo tsy nahalao-teny. <sup>5</sup> Nijery azy ireo tamim-pahatezerana Jesosy, ary nalahelo Izy nohon'ny hamafin'ny fon'izy ireo, dia niteny tamin'ilay lehilahy Izy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Dia natsotran'ilay lehilahy ny tanany ka sitrana. <sup>6</sup> Nivoaka ireo fariseo ary nikonokonona faingana niaraka tamin'ny Herodiana hitady izay fomba hamonoana Azy. <sup>7</sup> Avy eo Jesosy, niaraka tamin'ireo mpianany, nankeny an-dranomasina, ary nisy vahoaka maro nanaraka avy any Galilia sy avy any Jodia <sup>8</sup> ary avy any Jerosalema sy avy any Edoma ary hatrany amin'ny onin'i Jordana sy manodidina ny Tyra sy Sidona. Rehefa nahare momba ireo zavatra nataony izy ireo, dia nisy vahoaka maro nankeo aminy. <sup>9</sup> Dia nampitady sambokely ny mpianany Jesosy ho Azy nohon'ny habetsaky ny olona teo, mba tsy hifanosehan'ny olona Izy. <sup>10</sup> Noho Izy nanasitrana olona maro, dia nifandrombaka nanatona Azy ny olon-drehetra izay nanana aretina mba hikasika Azy. <sup>11</sup> Isaky ny nahita Azy ireo fanahy maloto, dia niankohoka teo anoloany ary nihiaka, ary hoy izy ireo hoe: "Tanao no Zanak'Andriamanitra." <sup>12</sup> Noteneniny mafy ireo mba tsy hampahafantatra Azy. <sup>13</sup> Niakatra teny antendrombohitra Izy, ary niantso ireo izay tiany, dia nankeo aminy ireo. <sup>14</sup> Nanendry ireo roa ambinifolo Izy (izay nantsoiny hoe Apostoly), mba hafahan'izy ireo miaraka aminy sy hafahany mandefa azy ireo mitory ny hafatra, <sup>15</sup> ary hanana fahefana handroaka demonia. <sup>16</sup> Avy eo dia nanendry ireo roa ambinifolo Izy: Simona, izay nomeny anarana hoe Petera; <sup>17</sup> Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny, izay nomeny ny anarana hoe Boanarijesy, izay midika hoe, zana-baratra; <sup>18</sup> ary Andrea, Filipino, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, <sup>19</sup> ary Jodasy Iskariota, izay hamadika Azy. <sup>20</sup> Dia nody tany an-trano Izy, ary niara-tonga indray ny vahoaka, hany ka tsy afaka nisakafo akory izy ireo. <sup>21</sup> Rehefa nandre ny momba izany ny fianakaviany, dia nivoaka izy ireo haka Azy, satria nolazain'izy ireo hoe: "Very saina Izy." <sup>22</sup> Ary ireo mpanora-dalàna izay nidina avy any Jerosalema dia nilaza fa: "Itoeran'i Belzeboba Izy", ka, "Amin'ny alalan'ny mpanapaky ny demonia no androahany ny demonia." <sup>23</sup> Dia nantsoin'i Jesosy hankeo aminy ireo ka niteny azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana hoe: "Ahoana no hahafahan'i Satana mandroaka an'i Satana?" <sup>24</sup> Raha misy fanjakana miady an-trano, dia ho rava izany. <sup>25</sup> Ary raha misy tokan-trano miady an-trano, dia tsy haharitra izany tokan-trano izany. <sup>26</sup> Raha nitsangana nanohitra ny tenany Satana ary nisaraka, dia tsy haharitra, ka hifarana. <sup>27</sup> Fa tsy misy afaka miditra ao amin'ny tranona lehilahy mahery iray ary mandroba ny fananany raha tsy mamatotra ilay mahery aloha, ary handroba ny tranony izy avy eo. <sup>28</sup> Lazaiko marina aminareo, ho voavela avokoa ny heloky ny zanak'olombelona, na dia ireo teny ratsy rehetra izay avoakan'ny vavany aza, <sup>29</sup> fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy ho voavela heloka mandrakizay, fa meloka nohon'ny ota mandrakizay." <sup>30</sup> Nanambara izany Jesosy nohon'ny filazan'izy ireo hoe: "Manana fanahy maloto Izy." <sup>31</sup> Avy eo dia tonga ny reniny sy ireo rahalahiny ary nijoro teny ivelany. Nandefa olona nampahafantatra Azy izy ireo, ka nampiantso Azy. <sup>32</sup> Nipetraka manodidina Azy ny vahoaka ary hoy izy ireo taminy hoe: "Ny reninao sy ireo rahalahinao dia ao ivelany ao, ary mitady anao izy ireo." <sup>33</sup> Ary Izy namaly hoe: "Iza no reniko sy rahalahiko?" <sup>34</sup> Ary nijery nanodidina tamin'ny olona nipetraka manodidina Azy Izy ary hoy Izy hoe: "Jereo, ireto ny reniko sy ny rahalahiko!" <sup>35</sup> Fa na iza na iza manao ny sitrapon'Andriamanitra, dia izany olona izany no rahalahiko, sy anabaviko, ary reniko."

### Mark 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy nanasitrana lehilahy tamin'ny Sabata tao amin'ny synagoga ary nampiseho ny fihetsem-pony momba izay nataon'ireo Fariseo niaraka tamin'ny lalàn'ny Sabata. Ireo Fariseo sy ireo Herodiana dia nanomboka drafitra mba hanamelohana ho faty an'i Jesosy.

#### olona sasantsasany

"Fariseo sasantsasany." Aoriana kely ao, ao amin'ny andininy 3:5, ireo olona sasantsasany dia ho voatonona ho toy ny Fariseo.

#### lehilahy maty tanana

"lehilahy izay malemy tanana"

**Nijery akaiky Azy ny olona sasantsasany mba hahita raha hanasitrana azy Izy**  
 "Ireo Fariseo nijery akaiky an'i Jesosy mba hahita raha afaka hanasitrana an'ilay lehilahy malemy tanana Izy"

**manameloka Azy**  
 Ireo Fariseo dia te-hanameloka ho faty an'i Jesosy tamin'ny fandikana ny lalàna tamin'ny alalan'ny fiasana tamin'ny Sabata, tamin'ny mety ho fanasitrany ilay lehilahy. DH: "manameloka Azy amin'ny fanaovana zavatra diso" na "manameloka Azy amin'ny fandikana lalàna"

### Mark 3:3

**eto afovoan'ny olon-drehetra eto**  
 "eto afovoan'ny vahoaka eto"

**Ara-dalàna va ny manao soa amin'ny andro Sabata ... sa ny mahafaty?**  
 Jesosy niteny izany mba hiantsy azy ireo. Tiana hanaiky izy ireo fa ara-dalàna ny manasitrana olona amin'ny Sabata.

**ny manao soa amin'ny andro Sabata sa ny manao ratsy ... ny mamonjy aina, sa ny mahafaty**  
 Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika, kanefa ilay faharoa dia mahery vaika kokoa ny dikany.

**mamonjy aina, sa ny mahafaty**  
 Tena manampy ny mamerina ny hoe: "ara-dalàna izany," satria fanontaniana apetrak'i Jesosy indray amin'ny fomba hafa. DH: "ara-dalàna ve ny mamonjy aina sa ny mahafaty"

**aina**  
 Izany dia maneho "fiainana ara-batana" DH: "mamonjy ain'olona" na "fiainan'olona"

**Nefa izy ireo tsy nahaloha-teny**  
 "Fa nandà ny hamaly azy ireo izy"

### Mark 3:5

**Nijery azy ireo**  
 "Nijery azy ireo Jesosy"

**nalahelo**  
 "nalahelo mafy"

**hamafin'ny fon'izy ireo**  
 Io sarin-teny io dia mamaritra fa ireo Fariseo dia tsy vonona ny hanana fangorahana amin'ilay lehilahy malemy tanana. DH: "Tsy sitrak'izy ireo ny hanana fangorahana ho an'ilay lehilahy"

**Ahinjiro ny tananao**  
 "Takaro amin'ny tananao"

**niverina tamin'ny laoniny ny tanany**  
 Afaka atao hoe: "Jesosy namerina ny tanany" na "Jesosy namerina tamin'ny laoniny ny tanany"

**nanomboka nikonokonona**  
 "nanomboka nanangana drafitra"

**ny Herodiana**  
 Anarana antoko politika izay manohana ny Mpikamban'i Heroda.

**hitady izay fomba hamonoana Azy**  
 "ahoana no hamonoan'izy ireo an'i Jesosy"

### Mark 3:7

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Jesosy nanohy nanasitrana olona tahaka ny fanarahan'ny vahoaka maro Azy rehefa te-handeha Izy.

**ranomasina**  
 Maneho ny Ranomasin'i Galilia izany

**Edoma**  
 Faritra io, fantatra taloha hoe Edoma, nameno ny antsasaky ny faritra atsimon'ny faritanin'i Jodia.

**ireo zavatra nataony izy ireo**  
 Maneho ireo fahagagana nataon'i Jesosy. DH: "fahagagana lehibe izay nataon'i Jesosy"

**nankeo aminy**  
 "nankeo amin'izay misy an'i Jesosy"

### Mark 3:9

**Dia nampitady sambokely ny mpianany Jesosy ... mba tsy hifanosehan'ny olona Izy**  
 Tahaka ny nifanosehan'ireo vahoaka hankenany amin'i Jesosy, dia tandindomin-doza tamin'ny fifanosehana Izy.

**nangataka an'ireo mpianany Izy**  
 "Jesosy niteny an'ireo mpianany"

**Noho Izy nanasitrana olona maro, ka**  
 Ny teny hoe: "maro" dia maneho ny isan'ireo olona izay efa nositrarin'i Jesosy. DH: "Satria Jesosy dia nanasitrana olona maro, ny olon-drehetra."

**nifandrombaka nanatona Azy ny olon-drehetra izay nanana aretina mba hikasika Azy**  
 "ny olon-drehetra izay nanana aretina dia nifanosika sy niezaka hikasika azy"

### Mark 3:11

**nahita Azy**  
 "nahita an'i Jesosy"

**dia niankohoka ... ary nihiaka, ary hoy izy ireo hoe:**  
 Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ny fahalotoan'ireo fanahy. Izy ireo no nahatonga ny olona hanao zavatra. Afaka atao hoe: DH: "nataon'izy ireo niankohoka teo anoloany sy nihiaka ireo izay voafatony."

**niankohoka teo anoloany**

Ireo fanahy maloto dia tsy hoe niankohoka teo anoloan'i Jesosy satria tian'izy ireo izy ary te hanompo azy izy ireo. Fa niankohoka teo anoloany izy ireo satria natahotra azy.

**Ianao no Zanak'Andriamanitra**

Jesosy dia nanana fahefana hanadio ireo fanahy maloto satria izy no "Zanak'Andriamanitra."

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**Noteneniny mafy ireo**

"Jesosy nibaiko an'ireo fanahy maloto"

**mba tsy hampahafantatra Azy**

"mba tsy hilaza hoe iza Izy"

**Mark 3:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jesosy nisafidy ireo lehilahy izay tiany ho apostoliny.

**mba hahafahan'izy ireo miaraka aminy sy hahafahany****mandefa azy ireo mitovy ny hafatra**

"mba hiaraka aminy izy ireo ary handefa azy ireo hanambara ny hafatra izy.

**Simona, izay nomeny anarana hoe Petera**

Ny mpanoratra dia manomboka manao lisitra ny anaran'ireo apostoly roa ambin'ny folo. Simona izay lehilahy voalohany ao anaty lisitra

**Mark 3:17****izay nomeny**

Ny fehezanteny hoe: "an'ireo izay" dia maneho an'i Jakoba sy ny zanak'i Zebede ary Jaona rahalahiny.

**ny anarana hoe Boanarijesy, izay midika hoe, zana-baratra**

"ny anarana hoe Boanarijesy, izay midika hoe, zana-baratra." Ny dikan'ny anarana hoe: "Boanarijesy" dia afaka atao mazava kokoa. DH: "anaram-baovao 'lehilahy izay tahaka ny varatra'"

**Tadeo**

Io dia anaran'ilay lehilahy.

**izay hamadika Azy**

"izay hamadika an'i Jesosy" Ny teny hoe: "izay" dia maneho an'i Jodasy Iskariota.

**Mark 3:20****Dia nody tany an-trano Izy**

"Dia nody tany an-trano izay nipetrany Jesosy."

**tsy afaka nisakafo akory izy ireo**

Ny teny hoe: "mofo" dia maneho sakafo. DH: "Jesosy sy ireo mpianany dia tsy afaka nisakafo

akory" na "tsy afaka nihinana na inona na inona izy ireo"

**dia nivoaka izy ireo haka Azy**

Ireo olona tao anatin'ny fianakaviana no nankeny amin'ny trano, ka ho afaka hitazona azy sy hanery azy hody any an-trano hiaraka amin'izy ireo.

**satria nolazain'izy ireo hoe:**

Ny mety ho dikany hafa an'io teny hoe: "izy ireo" io dia : 1) ny fianakaviany na 2) olona sasantsasany tamin'ireo vahoaka.

**Very saina Izy**

Ny fianakavian'i Jesosy dia mampiasa io fomba fiteny io mba hamaritana izay eritreretin'izy ireo ho ataony. DH: "adala" na "tsy misy saina"

**Amin'ny alalan'ny mpanapaky ny demonia no androahany ny demonia**

"Amin'ny alalan'ny herin'i Belzeboba izay mpanapaka ireo demonia, no nandroahan'i Jesosy ireo demonia"

**Mark 3:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia manazava amin'ny fanoharana hoe nahoaana Izy no tsy voabaikon'i Satana ary izay manao ny sitrak'Andriamanitra dia mitovy amin'ny rahalahiny, ny anabaviny, ary ny reniny.

**Dia nantsoin'i Jesosy hankeo aminy ireo**

"Jesosy niantso ny olona hankeo aminy"

**hahafahan'ny Satana mandroaka Satana?**

Jesosy nametraka izany fanontaniana izany mba hamaliana an'ireo mpanora-dalàna izay niteny fa mandroaka ireo demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Izy. Afaka atao ihany koa hoe: "Satana dia tsy afaka mandroaka ny tenany!" na "Tsy afaka manohitra ny fanahy ratsiny ihany i Satana!"

**Raha misy fanjakana miady an-trano**

Ny teny hoe: "fanjakana" dia teny tsy ara-bakiteny ho an'ireo olona izay mipetraka ao amin'ny fanjakana. DH: "Raha miady an-trano ny olona ao amin'ny fanjakana "

**ho rava**

Io fehezanteny io dia sarin-teny izay midika fa ny olona dia tsy hiombona ela ary ho rava. DH: "tsy maharitra" na "ho rava"

**tokan-trano**

Hevitra ambadik'ireo olona izay miara-mipetraka ao an-trano. DH: "fianakaviana" na "ankohonana"

**Mark 3:26****Raha nitsangana nanohitra ny tenany Satana ary nisarakana**

Ny teny hoe: "tenany" dia mpisolo tena maneho an'i Satana, ary teny tsy ara-bakitenin'ireo fanahy

ratsiny. DH: "Raha i Satana sy ireo fanahiny no miady" na "Raha i Satana sy ireo fanahiny no miady ary misaraka."

**tsy haharitra**

Sarin-teny midika tsy haharitra izy ary ho rava. DH: "tsy hiombona intsony" na "tsy haharitra ka ho rava"

**handroba**

mangalatra fananana sarobidin'ny olona

**Mark 3:28**

**Lazaiko marina aminareo**

Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**ny zanak'olombelona**

"ireo izay naterak'olombelona." Io fomba fiteny io dia natao mba hanasongadinana ny maha-olona. DH: "olona"

**avoakan'ny vavany**

"tenenina"

**filazan'izy ireo hoe**

"niteny ny olona hoe"

**Manana fanahy maloto Izy**

Fomba fiteny izay midika fa voafatotry ny fanahy maloto.

**Mark 3:31**

**rahalahy**

Maneho an'ireo rahalahin'i Jesosy.

**Nandefa olona nampahafantatra Azy izy ireo, ka nampiantso Azy**

"Nandefa olona iray nankao anatiny izy ireo mba hiteny Aminy fa ao ivelany izy ireo ary miandry azy hivoaka".

**mitady anao izy ireo**

"mila anao izy ireo"

**Mark 3:33**

**izany olona izany no rahalahiko, anabaviko, ary reniko**

" ireo olona ireo dia rahalahiko, anabaviko, ary reniko"



## Chapter 4

<sup>1</sup> Ary nanomboka nampianatra teo amoron'ny ranomasina indray Izy, ary nisy vahoaka be niangona nanodidina Azy. Niditra tao an-tsambokely izay teo an-dranomasina Izy, ary nipetraka tao amin'izany. Ny vahoaka rehetra kosa dia nijanona teo amoron'ny ranomasina. <sup>2</sup> Nampianatra azy ireo zavatra maro tamin'ny alalan'ny fanoharana Izy, ary tao amin'ny fampianarany, dia izao no nolazainy tamin'izy ireo. <sup>3</sup> "Henoy, nisy mpamafy handeha hamafy voa. <sup>4</sup> Ary raha namafy izy, dia nisy voa sasany niraraka tamin'ny lalana, ka avy ireo vorona ary nihinana izany. <sup>5</sup> Ny voa sasany niraraka tamin'ny tany feno vatovato, izay tsy nisy tany firy. Tonga dia nitsimoka avy hatrany izy ireny, satria tsy lalina ny tany nisy azy. <sup>6</sup> Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo izy ireo, ary satria tsy nisy fakany izy ireo, dia maina. <sup>7</sup> Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany feno tsilo. Ary nitsimoka niha-lehibe ireo tsilo ireo dia nangeja azy, ka tsy namoa voa. <sup>8</sup> Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany tsara ka namokatra voa teo am-pitomboana ary nihamaro, ary ny sasany nitombo avo telopolo heny, ny sasany enimpolo, ary ny sasany zato." <sup>9</sup> Avy eo dia hoy Izy hoe: "Izay manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino!" <sup>10</sup> Rehefa irery Jesosy, dia nanontany Azy momba io fanoharana io ireo izay akaiky Azy sy ireo mpianany roambinifolo. <sup>11</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ho anareo no nanomezana ny zava-miafin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fa ho an'ireo izay any ivelany dia fanoharana avokoa, <sup>12</sup> mba amin'ny fotoana hijeren'izy ireo, eny hijery izy ireo, nefa tsy hahita, ary mba amin'ny fotoana hihainoan'izy ireo, eny handre izy ireo, nefa tsy hahafantatra izany, na koa hiodina izy ireo dia hamindra fo amin'izy ireo Andriamanitra." <sup>13</sup> Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy azonareo va izany fanoharana izany? Ahoana izany no hahazoanareo ireo fanoharana hafa rehetra? <sup>14</sup> Ilay mpamboly izay mamafy ny voa dia ilay iray izay mamafy ny teny. <sup>15</sup> Ireto no ilay niraraka teny an-dalana, izay namafazana ny teny, fa rehefa ren'izy ireo izany, dia tonga avy hatrany Satana ary hangalatra ny teny izay voafafy tamin'izy ireo. <sup>16</sup> Ireto no ilay voafafy tamin'ny tany feno vatovato, izay, rehefa nandre ny teny, dia nandray izany avy hatrany tamim-pifaliana. <sup>17</sup> Tsy misy fakany ao amin'izy izy ireo, fa maharitra fotoana fohy fotsiny. Dia tonga ny fahoriana na ny fanenjehana nohon'ny teny, ka avy hatrany dia lavo izy ireo. <sup>18</sup> Ireo hafa no ilay voafafy tamin'ny tany feno tsilo. Ren'izy ireo ny teny, <sup>19</sup> fa ny fanahian'izao tontolo izao, ny famitahan'ny harena, sy ny filàna ny zavatra hafa dia tafiditra ka mangeja ny teny, ka tsy mamoa vokatra izany. <sup>20</sup> Ary ireo izay voafafy teny amin'ny tany tsara dia ireo izay mandre ny teny ary mandray izany, ka namoa vokatra izy ireo\_ telopolo, enimpolo, na avo zato henin'izay nafafy." <sup>21</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Moa entinao ao an-trano va ny jiro mba ho atao ao ambany sobika, na ambanin'ny farafara? Entinao miditra izany dia hataonao ambonin'ny fitoeran-jiro. <sup>22</sup> Fa tsy misy zava-miafina izay tsy ho fantatra, ary tsy misy tsiambaratelo izay tsy hivoaka. <sup>23</sup> Raha misy manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino!" <sup>24</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Mitandrema amin'ny teny izay renareo, fa arakaraky ny ohatra anoharanareo ihany, no anoharana anareo, ary ho ampiana aminareo izany. <sup>25</sup> Satria na iza na iza manana, dia homena betsaka kokoa izy, ary na iza na iza tsy manana, na izay ananany aza hesorina aminy." <sup>26</sup> Ary hoy ihany koa Izy hoe: "Ny fanjakan' Andriamanitra dia tahaka ny olona iray mamafy ny voany amin'ny tany. <sup>27</sup> Matory izy amin'ny alina ary mifoha amin'ny maraina, ary ny voa dia mitsimoka ka maniry, fa tsy fantany hoe ahoana. <sup>28</sup> Ny tany dia mamoa amin'ny tenany ihany: voalohany ny rantsany, avy eo ny tahony, avy eo ny voa matoy eo amin'ny tahony. <sup>29</sup> Ary rehefa matoy ny voa dia avy hatrany izy dia handefa fijinjana, fa efa tonga ny fotoam-pijinjana." <sup>30</sup> Ary hoy indray Izy hoe: "Inona no azontsika ampitahana ny fanjakan'Andriamanitra, na inona no fanoharana hampiasaintsika hanazavana izany? <sup>31</sup> Izany dia tahaka ny voatsinampy izay, rehefa hafafy, dia izy no voa kely indrindra amin'ny voa rehetra eto ambonin'ny tany. <sup>32</sup> Nefa, rehefa voafafy izany, dia mitsimoka ary lasa lehibe noho ny hazo rehetra, ary mamoa rantsana vaventy, ka azon'ny voromanidina hanaovana ny tranony eo amin'ny alokalony." <sup>33</sup> Ary fanoharana maro toy izany no nanambarany ny teny tamin'izy ireo, araka izay fahazoan'izy ireo azy, <sup>34</sup> ary tsy niteny tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy. Saingy rehefa irery Izy, dia nohazavainy tamin'ireo mpianany manokana ny zavatra rehetra. <sup>35</sup> Tamin'izany andro izany, rehefa tonga ny hariva, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Andeha isika hita ery am-pita." <sup>36</sup> Ka niala teo amin'ireo vahoaka izy ireo, nitondra an'i Jesosy niaraka tamin' izy ireo, raha iny Izy, tao anaty sambokely iny. Nisy sambokely hafa nandeha niaraka taminy. <sup>37</sup> Avy eo nanomboka nisy tafio-drivotra be ary ny onjan-drano nanafotra ny sambokely ka efa saika feno rano ny sambokely. <sup>38</sup> Ary Jesosy irery natory teo ambodin'ny sambokely, tambonin'ny ondana. Nofohazin'izy ireo Izy, nanao hoe: "Mpampianatra o, tsy mampaninona Anao ve raha ho faty eto isika?" <sup>39</sup> Ary nifoha Izy, dia niteny mafy tamin'ny rivotra, ary niteny tamin'ny ranomasina hoe: "Mitsahara! mitonia!" Ary nitsahatra ny rivotra, ka nisy fitoniana be. <sup>40</sup> Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe:

"Nahoana ianareo no matahotra? Mbola tsy manam-pinoana foana va ianareo?" <sup>41</sup> Feno tahotra izy ireo ka nifampiteny hoe: "Iza moa ity, fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?"

### Mark 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Raha nampianatra teo an-tsambokely teny amin'ny sisin-dranomasina i Jesosy, dia niteny fanoharana momba ny tany tamin'izy ireo Izy.

#### ranomasina

Ranomasin'i Galilia io.

#### ary nipetraka

"ary nipetraka tao an-tsambokely Izy"

### Mark 4:3

#### Henoy

"Mifantoha"

#### Ary raha namafy izy

"Raha namafy ireo voa tamin'ny tany Izy." Samihafa ny famafazana voa amin'ny fomban-drazana samihafa. Amin'ity fanoharana ity, ireo voa dia afafy amin'ny tany izay efa nomanina hambolena.

#### nitsimoka izy ireny

"nanomboka nitsimoka haingana izy ireny"

#### ny tany

Maneho ny fotaka malemy eo amin'ny tany izay afaka hambolena ireo voa.

### Mark 4:6

#### dia nalazo izy ireo

Maneho an'ireo vary mbola tanora. Afaka atao ihany koa hoe: "nampalazo ireo voa mbola tanora izany."

#### satria tsy nisy fakany izy ireo, dia maina

"satria tsy nisy fakany ireo voa, ka nalazo izy ireo"

#### nangeja azy ireo

Ny teny hoe: "azy ireo" dia maneho an'ireo voa mbola tanora.

### Mark 4:8

#### ary ny sasany nitombo avo telopolo heny

Ny habetsaky ny voa vokarin'ny voa tsirairay dia ampitahaina amin'ny voa iray izay naniriany. DH: "Ny voa sasany dia mamokatra avo telopolo henin'ilay voa izay nambolen'ilay lehilahy.

#### telopolo ... enimpolo ... zato

"30 ... 60 ... 100."

#### ny sasany enimpolo, ary ny sasany zato

Jesosy dia manohy ny famaritana ny habetsaky ny voa izay vokatry. DH: "ary ny sasany namokatra avo enimpolo heny ary ny sasany mamokatra avo zato heny"

#### Izay manan-tsafina ho enti-mihaino

Maneho an'ireo izay rehetra mihaino. DH: "Izay rehetra mihaino Ahy"

#### aoka izy hihaino

Eto ny teny hoe: "mihaino" dia midika fifantohana. DH: "tsy maintsy mifantoka amin'izay lazaiko"

### Mark 4:10

#### Rehefa irery Jesosy

Izany dia tsy midika fa tena irery Jesosy; fa ; lasa ireo vahoaka ary Jesosy irery no niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo sy ireo mpanara-dia sasany akaiky Azy.

#### Ho anareo no nanomezana

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanome anareo" na "Izaho nanome anareo"

#### ho an'ireo izay any ivelany

"fa ho an'ireo izay tsy miaraka aminareo eto." Izany dia maneho ny olona rehetra izay tsy niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo na ireo hafa akaiky an'i Jesosy.

#### fanoharana avokoa

Afaka lazaina fa i Jesosy no nanome fanoharana an'ireo olona. DH: "Nataoko fanoharana avokoa izay nolazaiko"

#### hijeren'izy ireo ... hihainoan'izy ireo

Jesosy dia fantatra fa miresaka momba ireo olona mijery izay asehony azy ireo sy mihaino izay lazainy azy ireo. DH: "rehefa nijery izay nataoko izy ireo ... rehefa nihaino izay lazaiko izy ireo"

#### mijery izy ireo, fa tsy mahita

Jesosy dia miresaka momba ny fahazoan'ireo olona izay hitany rehefa mijery izy ireo. DH: "izy ireo dia mijery fa tsy mahafantatra"

#### hiodina

Miala amin'ny ota.

### Mark 4:13

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy dia manazava ny fanoharana momba ny tany amin'ireo mpanara-dia Azy ary avy eo miteny amin'izy ireo ny fampiasana ny jiro mba hampiseho fa ny zava-miaina dia ho fantatra.

**Ary hoy izy tamin'izy ireo**  
 "Ary hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

**Tsy azonareo va izany fanoharana izany? Ahoana izany no hahazoanareo ireo fanoharana hafa rehetra ?**  
 Jesosy dia mampiasa io fanontaniana io mba haneho ny alahelony fa ireo mpianany dia tsy afaka mahazo ny fanoharany. DH: "raha tsy mahazo io fanoharana io ianareo, dia eritrereto fa ho sarotra ho anareo ny hahazo ireo fanoharana hafa rehetra."

**Ilay mpamboly izay mamafy ny voany dia**  
 "Ilay mpamboly izay mamafy ny voany dia maneho"

**dia ilay iray izay mamafy ny teny**  
 Ny hoe: "ny teny" dia maneho ny hafatr'Andriamanitra. Ny famafazana ny hafatr'Andriamanitra dia maneho ny fampianarana azy. DH: "ilay iray izay mampianatra ny hafatr'Andriamanitra amin'ny olona"

**Ny sasany dia ireo izay niraraka teny an-dalana**  
 "Ny olona sasany dia tahaka ireo voa izay niraraka teny an-dalana" na "Ny olona sasany dia tahaka ny lalana izay nilatsahan'ireo voa"

**rehefa ren'izy ireo izany**  
 Eto ny "izany" dia maneho "ireo teny" na "hafatr'Andriamanitra."

#### Mark 4:16

**Ary ny sasany dia ireo voafafy**  
 "Ary ny olona sasany dia tahaka ireo voa." Jesosy dia nanomboka nanazava hoe ahoana ny olona sasany no tahaka ireo voa izay nilatsaka tamin'ny tany feno vato.

**Tsy misy fakany ao amin'izy izy ireo**  
 Io dia fampitahana ny vary mbola tanora izay tsy tena lalim-paka. Sarin-teny izay midika fa ny olona dia mientana rehefa mandray ny teny amin'ny voalohany, kanefa tsy tena nandray tsara azy. DH: "Ary izy ireo dia tahaka ny voa mbola tanora izay tsy tena lalim-paka"

**Tsy misy faka**  
 Filaza masaka io, hanasongadinana fa tsy tena lalina ny faka.

**maharitra**  
 Amin'io fanoharana io, "maharitra" dia midika hoe: "mino." DH: "manohy amin'ny finoan'izy ireo"

**nohon'ny teny**  
 Manampy bebe kokoa ny manazava hoe nahoana ny fahorianana no tonga. Tonga izany satria ny olona dia nino ny teny. DH: "satria nino ny teny izy ireo"

**lavo izy ireo**  
 Amin'ity fanoharana ity, ny "lavo" dia midika hoe: "nijanona tsy nino ny hafatr'Andriamanitra"

#### Mark 4:18

**Ireo hafa no ilay voafafy tamin'ny tany feno tsilo**  
 Jesosy dia manomboka manazava hoe ahoana ny olona sasany no tahaka ireo voa izay nilatsaka tany anaty tsilo. DH: "Ary ny olona hafa dia tahaka ny voa izay voafafy tany amin'ny tsilo"

**ny fanahian'izao tontolo izao**  
 "ny ahiahin'ity fiainana ity" na "ny momba ity fiainana ankehitriny ity"

**ny famitahan'ny harena**  
 "ny faniriana harena"

**dia tafiditra ka mangeja ny teny**  
 Raha nanohy niresaka momba ny olona izay tahaka ny voa nilatsaka tany anaty tsilo i Jesosy, dia nanazava izay ataon'ny faniriana sy fanahiana amin'ny teny amin'ny fiainan'izy ireo. DH: "dia miditra ka mangeja ny teny amin'ny fiainan'izy ireo tahaka ny tsilo mangeja ny voa mbola tanora"

**ka tsy mamoa vokatry izany**  
 "ny teny dia tsy mamoa voa ao amin'izy ireo"

**ireo izay voafafy teny amin'ny tany tsara**  
 Jesosy nanomboka nanazava hoe ahoana ny olona sasany no tahaka ireo voa izay voafafy tamin'ny tany tsara.

#### Mark 4:21

**Jesosy niteny tamin'izy ireo**  
 "Jesosy niteny tamin'ireo vahoaka"

**Moa entinao ao an-trano va ny jiro mba ho atao ao ambany sobika, na ambanin'ny farafara?**  
 Io fanontaniana io dia afaka atao hoe: "Tsy tokony hitondra jiro ao anatin'ny trano ka hametraka izany ao ambany sobika, na ambany fandriana mihitsy ianareo!"

**Fa tsy misy zava-miafina izay tsy ho fantatra ... izay tsy hivoaka**  
 Afaka atao hoe: "Fa tsy misy izay miafina tsy ho fantatra, ary tsiambaratelo tsy hivoaka"

**tsy misy zava-miafina ... tsy misy tsiambaratelo**  
 "tsy misy zava-miafina ... tsy misy tsiambaratelo" Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika. Jesosy dia manasongadina fa ny tsiambaratelo dia ho fantatra.

**Raha misy manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino**  
 Ataovy mitovy dika amin'izay nataonao tao amin'ny andininy 4:8

#### Mark 4:24

**Hoy Izy tamin'izy ireo**  
 "Jesosy niteny tamin'ireo vahoaka"

**fa arakaraky ny ohatra anoharanareo ihany**

Ny mety ho dikany hafa: 1) Jesosy dia miresaka momba ny ohatra ara-bakiteny sy manome antsitrano ny hafa. 2) io dia sarin-teny izay hiresahan'i Jesosy ny "fahalalana" tahaka ny hoe "fanoharana"

**no anoharana anareo, ary ho ampiana aminareo**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia hanao ohatra anao, ary ho ampiany aminao izany."

**dia homena betsaka kokoa izy ... na izay ananany aza hesorina aminy**

DH: "homen'Andriamanitra betsaka izy ... hesorin'Andriamanitra aminy" na "Andriamanitra hanome bebe kokoa azy ... Andriamanitra hanaisotra aminy"

**Mark 4:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Avy eo Jesosy niteny fanoharana an'ireo olona mba hanazava ny fanjakan'Andriamanitra, izay ho hazavainy amin'ireo mpianany any aoriana.

**tahaka ny olona iray mamafy ny voany amin'ny tany**

Jesosy mampitaha ny fanjakan'Andriamanitra amin'ilay mpamboly mamafy ny voa.

**Matory izy amin'ny alina ary mifoha amin'ny maraina**

"Mifoha izy amin'ny maraina ary matory izy amin'ny alina"

**ny rantsany**

ny sampany

**ny tahony**

ny lohan'ny sampana na taho izay mitazona ny voankazo

**avy hatrany izy dia handefa fijinjana**

Eto ny hoe: "fijinjana" dia tsy ara-bakiteny izay midika hoe mpamboly na ireo olona izay alefan'ny mpamboly hijinja vokatra. DH: "avy hatrany izy dia handefa fijinjana hijinjana vokatra" na "avy hatrany izy dia handefa olona miaraka amin'ny fijinjana mba hijinja vokatra"

**fijinjana**

"antsy bingo" na "antsim-bilona" hanapahana vokatra

**fa efa tonga ny fotoam-pijinjana**

Eto ny fehezanteny "efa tonga" dia fomba fiteny hilazana ireo vokatra efa azo jinjaina. DH: "efa matoy ny voa ka efa azo jinjaina"

**Mark 4:30****Inona no azontsika ampitahana ny fanjakan'Andriamanitra, na inona no fanoharana hampiasaintsika hanazavana izany?**

Jesosy dia mametraka izany fanontaniana izany mba hampieritreritra ireo mpihaino hoe inona ny

fanjakan'Andriamanitra. DH: "Amin'ity fanoharana ity no afaka hanazavako hoe toy inona ny fanjakan'Andriamanitra."

**rehefa hafafy**

Afaka atao hoe: "rehefa nisy olona namafy" na "rehefa nisy olona namboly"

**ary mamoa rantsana vaventy**

Ny voatsinampy dia voafaritry ho mahatonga ny rantsany ho lava. DH: "lava rantsana"

**Mark 4:33****nanambarany ny teny tamin'izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo vahoaka.

**araka izay fahazoan'izy ireo azy**

"ary rehefa afaka nahatakatra maromaro izy ireo, dia mbola hanohy hiteny zavatra maromaro hatrany izy"

**rehefa irery Izy**

Izany dia midika fa lavitra ireo vahoaka Izy, fa ireo mpianany dia niaraka taminy hatrany.

**dia nohazavainy ny zavatra rehetra**

Eto ny teny hoe: "zavatra rehetra" dia filaza masaka. DH: "Hazavainy avokoa ny fanoharana rehetra."

**Mark 4:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha niantsambo Jesosy sy ireo mpianany mba hitsoaka ny vahoaka, dia nisy tafiotra lehibe. Ireo mpianany dia natahotra rehefa nahita fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza dia mankato an'i Jesosy.

**hoy Izy tamin'izy ireo**

"Hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

**ery am-pita**

"am-pitan'ny ranomasin'i Galilia" na "am-pitan'ny ranomasina"

**efa saika feno ny sambokely**

Mazava kokoa raha hoe: "efa feno rano ny sambokely"

**Mark 4:38****Nofohazin'izy ireo Izy**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo mpianatra

**tsy mampaninona Anao ve raha ho faty eto izahay?**

Nametraka izany fanontaniana izany ireo mpianatra mba hampitana ny tahotr'izy ireo. Afaka atao ihany koa hoe: "mila mifantoka amin'ny zava-mitranga ianao; ho faty avokoa isika rehetra!"

**ho faty eto isika?**

Ny teny hoe: "isika" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**Mitsahara, mitonia**

Ireo teny roa ireo dia mitovy ary ampiasaina mba ho fanamafisana ny teny.

**fitoniana be**

"fitonian'ny ranomasina"

**Mark 4:40**

**Ary hoy Izy tamin'izy ireo**

"Ary Jesosy niteny tamin'izy ireo"

**Nahoana ianareo no matahotra? Mbola tsy manam-pinoana foana va ianareo?**

Jesosy nametraka ireo fanontaniana ireo mba hiheveran'izy ireo hoe nahoana no matahotra izy ireo rehefa miaraka aminy. DH: "Tsy tokony hahatahotra ianareo. Tokony hanana finoana mafy ianareo."

**Iza moa ity, fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?**

Ireo mpianatra dia nametraka io fanontaniana io noho izy ireo gaga tamin'izay nataon'i Jesosy. Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy tahaka ny olon-tsotra io lehilahy io; na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza mankato Azy."

## Chapter 5

<sup>1</sup> Tonga teny ampitan'ny ranomasina izy ireo, tao amin'ny faritr'i Gerasena. <sup>2</sup> Rehefa niala avy tao amin'ny sambokely Jesosy, avy hatrany dia nisy lehilahy iray azon'ny fanahy maloto nanatona Azy avy teny amin'ny fasana. <sup>3</sup> Nipetraka teny amin'ny fasana ity lehilahy ity. Tsy nisy afaka nihazona azy intsony, na dia tamin'ny rojo vy aza. <sup>4</sup> Voafatotra imbetsaka tamin'ny gadra vy sy rojo vy izy. Notapahany ireo rojo ary potika ireo gadra vy. Tsy nisy nanana hery nifehy azy. <sup>5</sup> Isak'alina sy isan'andro teny amin'ireo fasana sy teny an-tendrombohitra, dia nihiakiaka izy ary nandratra ny tenany tamin'ny vato maranitra. <sup>6</sup> Rehefa nahita an'i Jesosy avy lavitra izy, dia nihazakazaka nankeo aminy ary niankohoka teo anoloany. <sup>7</sup> Ary nihiaka tamin'ny feo mahery izy hoe: "Inona moa no ifandraisako aminao, ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra? Miangavy anao amin'ny anaran'Andriamanitra irery ihany aho, aza mampijaly ahy." <sup>8</sup> Fa Izy niteny taminy hoe: "Mivoaha amin'io lehilahy io, ry fanahy maloto." <sup>9</sup> Ary Izy nanontany azy hoe: "Iza no anaranao?" Ka novaliany hoe: "Legiona no anarako, satria marobe izahay." <sup>10</sup> Ary niangavy mafy Taminy hatrany hatrany izy tsy handroaka azy ireo any ivelan'ny faritra. <sup>11</sup> Ary nisy andian-kisoa niraoka teny an-tendrombohitra, <sup>12</sup> ary niangavy taminy izy ireo, nanao hoe: "Alefao ao amin'ireo kisoa izahay; avelao izahay heditra ao amin'ireo." <sup>13</sup> Ka dia navelany izy ireo; ary nivoaka ireo fanahy maloto ka dia niditra tao amin'ireo kisoa, ary avy dia nirifatra teny amin'ny hantsana ho any an-dranomasina ireo, ary kisoa teo amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasina. <sup>14</sup> Nitsoaka nandositra ireo nampisakafo ny kisoa ary nitatitra ny zava-niseho tao an-tanàna sy tany ambanivohitra, ary olona maro no nivoaka hizaha ny zava-niseho. <sup>15</sup> Avy eo izy ireo nankeo amin'i Jesosy ary hitan'izy ireo ilay lehilahy nitoeran'ny demonia, ilay iray izay nitoeran'ny legionia, nipetraka teo, nitafy ary vory saina; ka dia natahotra izy ireo. <sup>16</sup> Ireo izay nahita ny zava-niseho tamin'ilay lehilahy nitoeran'ny demonia dia nitantara tamin'izy ireo ny momba izany tamin'ny antsipirihiny, ary koa nitantara momba ireo kisoa tamin'izy ireo. <sup>17</sup> Dia nanomboka niangavy Azy izy ireo mba hialany eo amin'ny faritr'izy ireo. <sup>18</sup> Rehefa hiakatra tao amin'ny sambokely Izy, dia niangavy taminy ilay lehilahy nitoeran'ny demonia mba hiaraka aminy. <sup>19</sup> Saingy tsy namela azy anefa Jesosy, fa nanao taminy hoe: "Mandehana mody any amin'ny tranonao sy ny fianakavianao ary tantarao amin'izy ireo izay nataon'ny Tompo taminao, sy ny namindrany fo taminao!" <sup>20</sup> Dia lasa nody izy ary nanomboka nanambara ny zava-dehibe izay nataon'i Jesosy taminy tany Dekapolis, ary talanjona ny rehetra. <sup>21</sup> Ary rehefa nandeha teny am-pita indray Jesosy, tamin'ny sambokely, dia indreo nisy vahoaka be dia be niangona nanodidina Azy, raha teo amoron'ny ranomasina iny Izy. <sup>22</sup> Avy eo tonga ny iray amin'ireo mpitarika ny synagoga, atao hoe Jairo, ka raha vao nahita Azy, dia niantoraka teo an-tongony. <sup>23</sup> Nitalaho hatrany hatrany izy, nanao hoe: "Marary mafy efa ho faty ny zanako vavy. Mitalaho aminao aho, avia ary apetraho aminy ny tananao mba ho sitrana sy ho velona izy." <sup>24</sup> Dia lasa niaraka taminy Izy, ary vahoaka be dia be no nanaraka sy nanery nanodidina Azy. <sup>25</sup> Ary nisy vehivavy iray teo voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roambinifolo taona. <sup>26</sup> Nijaly be tokoa izy ary nitety mpitsabo maro sy nandany ny fananany rehetra, nefa tsy nahita fahasitranana fa vao mainka aza niharatsy. <sup>27</sup> Rehefa nahare ireo tatitra momban'i Jesosy izy, dia nankao aoriany tao anaty vahoaka izy ary nikasika ny fitafiany. <sup>28</sup> Satria hoy izy hoe: "Raha mahakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana." <sup>29</sup> Rehefa nikasika Azy izy, dia nijanona ny fahaverezan-drà, ary tsapany hatrany anatin'ny sitrana tamin'ny aretany izy. <sup>30</sup> Fantatr'i Jesosy niaraka tamin'izay fa nisy hery niala avy taminy. Nitodika tany amin'ny vahoaka Izy ary niteny hoe: "Iza no nikasika ny fitafiako?" <sup>31</sup> Dia namaly Azy ireo mpianany hoe: "Hitanao ireo vahoaka marobe mifanesika aminao ireo, koa hoy Ianao hoe: "Iza no nikasika Ahy." <sup>32</sup> Fa nijery ny manodidina Azy Jesosy mba hahitany izay nanao izany. <sup>33</sup> Ilay vehivavy, nahafantatra izay nitranga taminy, dia natahotra sy nangovitra. Nandeha izy ary niantoraka teo anoloan'i Jesosy ka nilaza taminy ny marina rehetra. <sup>34</sup> Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao. Mandehana amin'ny fiadanana ary sitrana amin'ny aretinao." <sup>35</sup> Raha mbola niteny Izy, dia tonga ny olona sasany avy tany amin'ny mpitarika ny synagoga, nanao hoe: "Efa maty ny zanakao. Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany?" <sup>36</sup> Fa rehefa nandre izay nolazain'izy ireo Jesosy, dia hoy Izy tamin'ilay mpitarika ny synagoga hoe: "Aza matahotra. Minoa fotsiny ihany." <sup>37</sup> Ary tsy nisy navelany hiaraka aminy, afa-tsy Petera, Jakoba, ary Jaona, rahalahin'i Jakoba. <sup>38</sup> Tonga tany an-tranon'ilay mpitarika ny synagoga izy ireo ary nahita olona nitabataba be teo Izy; nitomany sy nidradradra mafy izy ireo. <sup>39</sup> Rehefa niditra ny trano Izy, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty ny zaza fa matory." <sup>40</sup> Niomehy Azy izy ireo. Nefa navoakany tany ivelany izy rehetra ary naka ny ray sy renin'ilay zaza sy ireo izay niaraka taminy, ary niditra tao amin'ny efitra nisy ilay zaza Izy. <sup>41</sup> Noraisiny ny tanan'ilay zaza ary niteny taminy hoe: "Talita, Komy!" izay raha adika dia hoe: "Razazavavy, miteny aminao Aho, mitsangana." <sup>42</sup> Avy hatrany dia nitsangana razazavavy ary nandeha (satria roa ambin'ny folo taona izy). Talanjona avy

hatrany izy ireo. <sup>43</sup> Noraràny mafy izy ireo mba tsy hisy na iza na iza hahafantatra ny momba izao. Avy eo dia nasainy nomena hanina razazavavy.

### Mark 5:1

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa avy nampitony ny tafiotra be i Jesosy, dia nanasitrana lehilahy izay nisy demonia, fa ny mponina tao Gerasa dia tsy faly tamin'ny fanasitranany, ka nangataka an'i Jesosy handeha izy ireo.

#### **Tonga izy ireo**

Ny teny hoe: "Ireo" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo mpianany.

#### **ny ranomasina**

Maneho ny ranomasin'i Galilia

#### **Gerasena**

Io anarana io dia maneho ireo olona izay monina ao Gerasa.

#### **misy fanahy maloto**

Fomba fiteny izay midika fa ilay lehilahy dia "voabaikon'ny" na "voafatotry ny" fanahy maloto

### Mark 5:3

#### **Voafatotra imbetsaka izy**

Afaka atao hoe: "Nofatoran'ny olona imbetsaka izy"

#### **potika ireo gadrany vy**

Afaka atao hoe: "namotika ny gadrany vy"

#### **gada vy**

"mamatotra ny tongony" na "vy mifatotra eo amin'ny lohaliny mba hanagadrana azy"

#### **rojo vy**

"rojo vy" izay mamatotra ny tanany mba hanagadrana azy

#### **Tsy nisy nanana hery nifehy azy**

Ilay lehilahy dia nahery ka tsy afaka nifehy azy.

#### **nifehy azy**

"nahafehy azy"

### Mark 5:5

#### **nandratra ny tenany tamin'ny vato maranitra**

Matetika rehefa misy demonia ny olona iray, dia mitarika ilay olona hanao zavatra manimba azy tenany ny demonia, toy ny fandratrana tena.

#### **Rehefa nahita an'i Jesosy avy lavitra izy**

Rehefa nahita an'i Jesosy voalohany ilay lehilahy, dia hidina avy eny an-tsambo Jesosy.

#### **niankohoka**

Izany dia midika fa nandohalika teo anoloan'i Jesosy mba ho fanajana, fa tsy fiderana.

### Mark 5:7

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ireo andininy roa hanoratana ny tranga mba hilamina araka izay niseho.

#### **nihiaika**

"Nihiaika ilay fanahy maloto"

#### **Inona moa no hifandraisako aminao, ry Jesosy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra?**

Ilay fanahy maloto dia mametraka izany fanontaniana izany tsy amin-tahotra. Afaka atao ihany koa hoe: "Avelao aho, Jesosy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra! Tsy misy antony tokony hifandraisanao amiko."

#### **ry Jesosy ... aza mampijaly ahy**

Jesosy dia manana fahefana hampijaly ny fanahy maloto.

#### **Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

#### **Miangavy anao amin'ny anaran'Andriamanitra irery ihany aho**

Eto ilay fanahy maloto dia mianiana amin'ny alalan'Andriamanitra tahaka ny hoe mangataka amin'i Jesosy izy. DH: "Izaho mitalaho aminao eo anatrehan'Andriamanitra" na "Izaho mianiana amin'Andriamanitra tenany ary mitalaho aminao"

### Mark 5:9

#### **Ary Izy nanontany azy hoe**

"Ary Jesosy nanontany an'ilay fanahy maloto"

#### **Ka novaliany hoe: "Legiona no anarako, satria marobe izahay."**

Fanahy iray no misolo tena fanahy maro eto. Miteny ho an'izy ireo izy tahaka ny hoe legionna iray izy ireo, ny andiana miaramila Romana dia eo ho eo amin'ny 6000 eo. DH: "Ary ilay fanahy niteny taminy hoe: 'Antsoy ho andiana miaramila izahay, satria maro aminay no ao anatin'ny olona'"

### Mark 5:11

#### **niangavy taminy izy ireo**

"ireo fanahy maloto niangavy an'i Jesosy"

**navelany izy ireo**

Manampy bebe kokoa ny manazava izay navelan'i Jesosy hataon'izy ireo. DH: "Jesosy namela ireo fanahy maloto hanao izay nangatahan'izy ireo"

**dia nirifatra**

"dia nirifatra ireo kisoa"

**ho any an-dranomasina , ary kisoa teo amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasina**

Afaka atao fehezanteny misaraka io fehezanteny io: "tao an-dranomasina. Nisy teo amin'ny roa arivo kisoa teo, ary maty tao an-dranomasina izy ireo"

**teo amin'ny roa arivo kisoa teo**

"teo amin'ny 2000 kisoa teo"

**Mark 5:14****tao an-tanàna sy tany ambanivohitra**

Afaka soratana mazava fa ilay lehilahy no nanome ny olona tao amin'ny tanàna sy tany ambanivohitra ny tatitr'izy ireo. DH: "ho an'ny olona tao an-tanàna sy ny tany ambanivohitra"

**ny legiona**

Anaran'ireo demonia izay tao amin'ilay lehilahy. Jereo ny dikan-teninao tao amin'ny 5:9

**vory saina**

Fomba fiteny izay midika fa mazava tsara ny fieritreretany.

**natahotra izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ny vondron'olona izay nivoaka mba hijery izay nitranga.

**Mark 5:16****Ireo izay nahita ny zava-niseho**

"Ny olona izay nijoro vavolombelona tamin'ny zava-nitranga"

**Mark 5:18****lehilahy nitoeran'ny demonia**

nitoeran'ny demonia- Na dia tsy nitoeran'ny demonia intsony aza ilay lehilahy, dia mbola nofaritana tahaka izany ihany. DH: "ilay lehilahy izay nitoeran'ny demonia"

**Saingy tsy namela azy Izy**

Ny zavatra tsy navelan'i Jesosy hataon'ilay lehilahy dia afaka soratana mazava tsara hoe: "Fa tsy navelan'i Jesosy hiaraka amin'izy ireo izy"

**Dekapolisy**

Anarana faritra izay midika tanàn-dehibe Folo. Ao an-tsimon-dranomasin'i Galilia.

**talanjona ny rehetra**

Manampy be ny filazana hoe naninona ny vahoaka no talanjona. DH: "ny olon-drehetra nandre izay nolazain'ilay lehilahy dia gaga avokoa"

**Mark 5:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanasitranan'i Jesosy an'ilay lehilahy nisy demonia tao amin'ny faritr'i Gerasa, Jesosy sy ireo mpianany niverina namakivaky ny farihin'i Kapernaomy toerana izay nangatahan'ny iray tamin'ireo mpanapaka ny synagoga hanasitrana ny zanaka vaviny.

**teny am-pita**

DH: "am-pitan'ny ranomasina"

**amoron'ny ranomasina**

"teny amoron-dranomasina" na "teny amin'ny sisin-dranomasina"

**ranomasina**

Io dia ny ranomasin'i Galilia

**Jairo**

Anaran'ilay lehilahy.

**Dia lasa niaraka taminy Izy**

"Dia lasa niaraka tamin'i Jairo Jesosy." Ireo mpianatr'i Jesosy ihany koa dia niaraka taminy. DH: "Ka lasa niaraka tamin'i Jairo Jesosy sy ireo mpianany"

**apetraho ny tananao**

Ny "Mametra-tanana" dia maneho mpaminany na mpampianatra mametraka ny tanany amin'ny olona iray ka na manome fanasitrana na fanasoavana. Amin'io tranga io, Jario dia mangataka an'i Jesosy mba hanasitrana ny zanaka vaviny.

**mba ho sitrana sy ho velona izy**

Afaka atao ihany koa hoe: "hanasitrana azy sy hahavelona azy"

**nanery nanodidina Azy**

Izany dia midika fa nitangorona nanodidina an'i Jesosy ny vahoaka ary nifanosika mba ho akaiky an'i Jesosy.

**Mark 5:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola teo am-panasitrana an'ilay zanaka vavikely 12 taona an'ilay lehilahy Jesosy, dia nisy vehivavy efa narary nandritra ny 12 taona nanapaka izany tamin'ny fikitihana an'i Jesosy mba hanasitrana azy.

**Ary nisy vehivavy iray**

Ny "Ary" dia manolotra fa io vehivavy io dia manomboka atsofoka ao anaty tantara. Hevero hoe



ahoana ny fomba fampidirana tantara amin'ny fomba fiteninao.

**voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roa ambin'ny folo taona**

Io vehivavy io dia tsy manana fery misokatra; kanefa, ny fahaverezan-dràny isam-bolana dia tsy mety hijanona. Ny fitenim-paritrao dia mety manana fomba hafa hilazana io tranga io.

**roa ambin'ny folo taona**  
"nandritra ny 12 taona"

**fa vao mainka aza niharatsy**  
"vao mainka aza niharatsy ny aretany" na "vao mainka nitombo ny fahaverezan-dràny"

**tatitra momba an'i Jesosy**  
Naheno tatitra momba an'i Jesosy ny amin'ny fanasitranany olona izy. DH: "fa Jesosy dia nanasitrana olona"

**ny fitafiany**  
akanjo ivelany

### Mark 5:28

**dia ho sitrana**  
Afaka atao ihany koa hoe: "hanasitrana ahy izany" na "ny heriny hanasitrana ahy"

**sitrana tamin'ny aretany izy**  
Afaka atao hoe: "afaka taminy ny aretina" na "tsy marary intsony izy"

### Mark 5:30

**fa nisy hery niala avy taminy**  
Rehefa nikitika an'i Jesosy ilay vehivavy, dia nahatsapa hery hanasitranana azy Jesosy. Tsy nisy hery manasitrana ny olona very tany amin'i Jesosy rehefa nanasitrana azy Izy. DH: "fa ny hery fanasitranany no nanasitranany an'ilay vehivavy"

**ireo vahoaka marobe mifanesika aminao ireo**  
Izany dia midika fa nitangorona nanodidina an'i Jesosy ny vahoaka ary nifanosika mba ho akaiky an'i Jesosy. Jereo ny dikan-teninao tao amin'ny 5:21

### Mark 5:33

**ary niantoraka teo anoloany**  
"nandohalika teo anoloany." Nandohalika teo anoloany izy mba ho fanomezam-boninahitra sy fanekena.

**nilaza taminy ny marina rehetra**  
Ny teny hoe: "ny marina rehetra" dia maneho ny fomba nikasihany Azy sy nahatonga azy ho sitrana. DH: "nilaza taminy ny marina rehetra momba ny fikasihany azy"

### Anaka

Jesosy dia mampiasa io teny io mba hanehoana an'ilay vehivavy ho tahaka ny mpino.

**ny finoanao**  
"ny finoanao Ahy"

### Mark 5:35

**Raha mbola niteny Izy**  
"Raha mbola niteny Jesosy"

**dia tonga ny olona sasany avy tany amin'ny mpitarika ny synagoga**

Ny mety ho dikany hafa dia: 1) ireo olona ireo dia avy any an-tranon'i Jairo na 2) Jairo nibaiko an'ireo olona ireo hijery an'i Jesosy na 3) ireo olona ireo dia nalefan'ilay lehilahy izay nitarika ny synagoga tamin'ny tsy naha-teo an'i Jairo.

**ny mpitarika ny synagoga**  
Ny "ny mpitarika ny synagoga" dia i Jairo.

**nanao hoe:**  
"niteny tamin'i Jairo"

**Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany?**  
Io fanontaniana io dia afaka soratana hoe: "tsy misy dikany intsony ny manelingelina ny mpampianatra." na "tsy mila elingelenina intsony ny mpampianatra."

**ny mpampianatra**  
Maneho an'i Jesosy.

### Mark 5:36

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ireo andininy 37 sy 38.

**Minoa fotsiny ihany**  
Raha ilaina, dia afaka soratana izay nibaikon'i Jesosy an'i Jairo mba hinoana. DH: "Minoa fotsiny ihany fa afaka manasitrana ny zanakao vavy Aho"

**Ary tsy nisy navelany ... ary nahita olona izy**  
Amin'ity andininy ity, ny hoe: "-ny" dia maneho an'i Jesosy.

**hiaraka aminy**  
"mba hiaraka aminy." Manampy bebe kokoa raha lazaina izay ho alehan'izy ireo. DH: "hiaraka Aminy ho any an-tranon'i Jairo."

### Mark 5:39

**hozy Izy tamin'izy ireo**  
"Jesosy niteny tamin'ireo olona izay nitomany"

**Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany?**  
Jesosy nametraka izany fanontaniana izany mba hanampy azy ireo hahita ny tsy fananan'izy ireo

finoana. DH: "Tsy fotoanan'ny alahelo sy fitabatabana izao."

**avoahy any ivelany izy rehetra**  
"avoahy any ivelan'ny trano ny olon-drehetra"

**ireo izay niaraka taminy**  
Izany dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**niditra tao amin'ny efitra nisy ilay zaza**  
Afaka atao hoe: "niditra tao amin'ny efitrano nandrian'ilay zaza"

#### **Mark 5:41**

**Talita, Komy**  
Io dia fehezanteny Aramaika, izay tenenin'i Jesosy an'ilay zazavavy kely amin'ny fitenin-drazany.

Soraty amin'ny abidian'ny faritra misy anao ireo teny ireo.

**roa ambin'ny folo taona izy**  
"12 taona izy"

**Noraràny mafy izy ireo mba tsy hisy hahafantatra ny momba izao**

Afaka atao teny baiko izany: "Tsy misy tokony hahafantatra momba izany!" na "Aza miteny na amin'iza na amin'iza momba izay nataoko!"

**Noraràny mafy izy ireo**  
"Nandrara mafy azy ireo Izy"

**Avy eo dia nasainy nomena hanina razazavavy**  
Afaka atao teny baiko izany: "Ary hoy Izy tamin'izy ireo: 'Omeo zavatra hohanina izy.'"

## Chapter 6

<sup>1</sup> Nandao io toerana io Izy ka namonjy ny tanindrazany, ary nanaraka Azy ireo mpianany. <sup>2</sup> Ary rehefa tonga ny andro sabata, dia nampianatra tao amin'ny synagoga Izy. Maro ny olona nandre Azy ka gaga izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Avy aiza no nahazoany ireo fampianarana ireo?" "Inona izao fahendrena izay nomena Azy izao?" "Inona ireo fahagagana izay nataony tamin'ny tanany ireo?" <sup>3</sup> "Tsy ilay mpandrafitra ve io, ilay zanak'i Maria ary rahalahin'i Jakoba sy Josefy sy Jodasy ary Simona? Tsy miaraka amintsika eto ve ireo anabaviny?" Tohina tamin'i Jesosy izy ireo. <sup>4</sup> Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpaminany tsy omen-kaja, afa-tsy ao amin'ny tanindrazany sy ao amin'ny havany akaiky ary ao amin'ny ankohonany manokana ihany." <sup>5</sup> Tsy afaka nanao asa mahagaga Izy, afa-tsy ny fametrahany tanana amin'ny marary vitsivitsy ary manasitrana azy ireo. <sup>6</sup> Gaga nohon'ny tsy finoan'izy ireo Izy. Avy eo nandeha nanodidina ireo tanàna Izy hampianatra. <sup>7</sup> Avy eo dia niantso ireo roa ambinifolo lahy Izy ary nanomboka naniraka azy ireo tsiroaroa, ary nomeny fahefana teo amin'ny fanahy maloto izy ireo, <sup>8</sup> ary nandidy azy ireo tsy hitondra na inona na inona amin'ny diany, na mofo, na kitapo, na vola amin'ny fehin-kibon'izy ireo\_ afa-tsy tehina ihany\_ <sup>9</sup> fa hanao kapa, ary tsy hanao akanjo roa. <sup>10</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na oviana na oviana ianareo miditra amina trano iray, dia mitoera ao mandra-pialanareo any. <sup>11</sup> Ary raha misy tanàna tsy mandray anareo na mihaino anareo, rehefa miala ao amin'izany toerana izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo." <sup>12</sup> Dia niainga izy ireo ary nitory fa ny olona dia tokony hibe-baka amin'ny fahotany. <sup>13</sup> Nandroaka demonia maro izy ireo, ary nanosotra marary maro tamin'ny diloilo ka nanasitrana azy ireny. <sup>14</sup> Ren'i Heroda mpanjaka izany, satria lasa fanta-daza ny anaran'i Jesosy. Ny sasany nilaza hoe: "Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa ary noho izany, dia miasa ao anatiny ireo hery mahagaga ireo." <sup>15</sup> Fa ireo sasany kosa nilaza hoe: "Elia Izy." Ny sasany mbola niteny hoe: "Mpaminany Izy, tahaka ny iray amin'ireo mpaminany tamin'ny andro taloha." <sup>16</sup> Fa rehefa nandre izany Heroda dia hoy izy hoe: "Jaona, ilay notapahiko loha, no nitsangana tamin'ny maty." <sup>17</sup> Fa Heroda no nampisambotra an'i Jaona ka nandefa azy tany an-tranomaizina nohon'ny raharaha Herodiasy (vadin'i Filipino rahalahiny), satria novadiany ravehivavy. <sup>18</sup> Fa Jaona niteny an'i Heroda hoe: "Tsy araka ny lalàna ny hanambadianao ny vadin'ny rahalahinao." <sup>19</sup> Fa tezitra taminy Herodiasy ka nitady izay hamonoana azy, saingy tsy afaka, <sup>20</sup> nohon'ny fatahoran'i Heroda an'i Jaona; fantany fa olo-marina sy feno fahamasinana izy, ary niaro azy izy. Nanahiran-tsaina azy ny fihenoana azy, kanefa mbola nihaino azy tamim-pifaliana izy. <sup>21</sup> Avy eo nisy irika tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'i Heroda ka nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny, sy ireo mpifehiny, ary ireo mpitariky ny Galilia izy. <sup>22</sup> Dia niditra ny efitrano fanasana ny zanaka vavin'i Herodiasy ary nandihy ho azy ireo, ary nahafinaritra an'i Heroda sy ireo vahiny nasaina tamin'ny fisakafoana izy. Hoy ny mpanjaka tamin-drazazavavy hoe: "Angataho amiko izay rehetra tianao dia omeko anao izany." <sup>23</sup> Ary nianiana taminy izy nanao hoe: "Na inona na inona angatahinao amiko, dia homeko anao, hatramin'ny antsasaky ny fanjakako." <sup>24</sup> Dia nivoaka izy ary niteny tamin'ny reniny hoe: "Inona no tokony angatahiko aminy?" Dia hoy ny reniny hoe: "Ny lohan'i Jaona mpanao Batisa." <sup>25</sup> Teo no ho eo dia niverina tany amin'ny mpanjaka izy, ka nangakataka, nanao hoe: "Tiako omenao ahy, izao dieny izao, eo ambony lovia ny lohan'i Jaona mpanao batisa." <sup>26</sup> Na dia nampalahelo mafy ny mpanjaka aza izany, dia tsy afaka nandà ny fangatahany izy nohon'ny fianianana nataony sy noho ireo vahiny nasaina tamin'ny fisakafoana. <sup>27</sup> Noho izany dia nandidy miaramila iray avy tamin'ny mpiambina ny mpanjaka ary nandidy azy hitondra ny lohan'i Jaona ho eo aminy. Lasa ilay mpiambina ary nanapaka ny lohany tao an-tranomaizina. <sup>28</sup> Nentiny teo ambony lovia ny lohany ary natolony an-drazazavavy, ary ilay zazavavy nanolotra izany an-dreniny. <sup>29</sup> Rehefa nahare izany ireo mpianany, dia tonga izy ireo ary naka ny nofony ka nametraka izany tao am-pasana. <sup>30</sup> Niverina tany amin'i Jesosy ireo apostoly ary nitantara taminy izay rehetra vitan'izy ireo sy nampianarin'izy ireo. <sup>31</sup> Ary hoy Izy tamin'izy ireo: "Ndeha isika ho any an'efitra ka hiala sasatra kely." Fa maro ny olona no nivezivezy, ary tsy nanam-potoana hinanana sakafa akory aza izy ireo. <sup>32</sup> Dia nandeha an-tsambokely izy ireo mba ho any amin'ny tany foana. <sup>33</sup> Fa izy ireo nahita azy ireo nandeha ary maro no nahafantatra azy ireo, dia niara-nihazakazaka an-tongotra avy tany amin'ny tanàna rehetra izy ireo, ary tonga teo talohan'izy ireo. <sup>34</sup> Rehefa tonga teny amin'ny morony izy ireo, dia nahatazana vahoaka maro Izy ary onena azy ireo Izy satria tahaka ny ondry tsy manana mpiandry izy ireo. Ka nanomboka nampianatra zavatra maro azy ireo Izy. <sup>35</sup> Ary rehefa hariva ny andro, dia nanatona Azy ireo mpianany ka nanao hoe: "Toerana foana ity ary ny andro efa madiva ho hariva sahady. <sup>36</sup> Alefao izy ireo mba handehanany any amin'ireo vohitra sy tanàna manodidina hividy hanina ho an'ny tenan'izy ireo." <sup>37</sup> Fa namaly Izy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Omenareo zavatra hoanina izy ireo." Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Afaka mandeha ary mividy mofo azon'ny denaria roanjato va izahay ka hanome izany azy ireo hoanina?"

<sup>38</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Firy no mofo anananareo? Mandehana ary jereo." Rehefa hitany, dia hoy izy ireo hoe: "Mofo dimy sy hazandrano roa." <sup>39</sup> Dia nandidy ny olona rehetra mba hipetraka mitsitokotoko teo amin'ny ahi-maitso Izy. <sup>40</sup> Dia nipetraka an-tokony izy ireo; an-tokony zato sy dimampolo. <sup>41</sup> Naka ireo mofo dimy sy hazandrano roa Izy, niandrandra ny lanitra dia nisaotra ka nizarazara ny mofo ary nanolotra izany tamin'ireo mpianatra mba homena eo anolohan'ny olona. Nozarainy ihany koa ny hazandrano roa ho an'izy rehetra. <sup>42</sup> Dia nihinana avokoa izy rehetra nandra-pahavoky azy ireo. <sup>43</sup> Nalain'izy ireo ny sombitsombina mofo, izay nahafeno roambinifolo sobika mitafotafo, ary koa ny ambin'ireo hazandrano. <sup>44</sup> Nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo. <sup>45</sup> Teo no ho eo dia nasainy niakatra tao an-tsambokely ireo mpianany mba hialoha Azy ho eny ampita, ho any Betsaida, raha nandefa ny vahoaka Izy. <sup>46</sup> Rehefa lasa izy ireo, dia niakatra tany an-tendrombohitra Izy mba hivavaka. <sup>47</sup> Tonga ny hariva, ary efa teo afovoan'ny ranomasina ny sambokely, fa irery teny an-tanety izy. <sup>48</sup> Ary hitany fa sahirana mafy izy ireo nivoy ny sambokely, satria nanohitra mafy azy ireo ny rivotra. Teo ho eo amin'ny ora fiambenana fahefatra ny alina dia nankeo amin'izy ireo Izy, nandeha teny ambony ranomasina, ary te-handalo teo amin'izy ireo Izy. <sup>49</sup> Fa rehefa nahita Azy nandeha teny ambony ranomasina izy ireo, dia noheverin'izy ireo ho matoatoa Izy ka nihiakiaka izy ireo, <sup>50</sup> satria nahita Azy izy ireo dia raiki-tahotra. Teo no eo dia niteny tamin'izy ireo Izy ka nilaza azy ireo hoe: "Matokia! Izaho ihany ity! Aza matahotra!" <sup>51</sup> Ary niditra tao an-tsambokely niaraka tamin'izy ireo Izy, dia nitsahatra tsy nitsoka ny rivotra. Dia talanjona tanteraka izy ireo. <sup>52</sup> Ary tsy takatry ny sain'izy ireo ny dikan'ilay mofo. Fa kosa, nihamafy ny fon'izy ireo. <sup>53</sup> Rehefa tafita izy ireo, dia tonga tao Genesareta ireo ka niantsona tao. <sup>54</sup> Ary rehefa nidina avy tao amin'ny sambokely izy ireo, avy hatrany dia fantatra ny olona tao Izy, <sup>55</sup> ka nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo ary nanomboka nitondra ny marary tamin'ny fandriany tany amin'izay rehetra ren'izy ireo misy Azy. <sup>56</sup> Fa na taiza na taiza nalehany na an-tanàna, na tanàndehibe, na teny amin'ny vohitra kely, dia nepetrak'izy ireo teo amin'ny kianja ny marary. Niangavy Azy izy ireo mba hamela azy ireo hikasika ny rambon'akanjony, ary ireo maro izay nikasika Azy dia sitrana.

## Mark 6:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy niverina tany amin'ny tanàna niaviany izay tsy nandraisana Azy.

### ny tanindrazany

Izany dia maneho ny tanànan'i Nazareta izay nahalehibe an'i Jesosy sy nitoeran'ny fianakaviany. Izany akory tsy midika fa manana tany ao Izy.

### Inona izao fahendrena izay nomena Azy izao?

Io fanontaniana io dia afaka atao ihany koa hoe: "Inona ity fahendrena izay azony ity?"

### izay nataony tamin'ny tanany

Io fehezanteny io dia manasongadina ireo fahagagana izay nataon'i Jesosy izy tenany mihitsy.

Tsy ilay mpandrafitra ve io, ilay zanak'i Maria ary rahalahin'i Jakoba sy Josesy sy Jodasy ary Simona? Tsy miaraka amintsika eto ve ireo anabaviny? Io fanontaniana io dia afaka atao hoe: "Izy dia mpandrafitra tsotra! Fantatsika ny fianakaviany. Fantatsika i Maria reniny. Fantatsika ireo zandriny lahy: Jakoba, Josesy, Jodasy, ary i Simona. Sy ireo zandriny vavy izay miara-mipetraka amintsika eto."

## Mark 6:4

### tamin'izy ireo

"tamin'ireo vahoaka"

### Tsy misy mpaminany tsy omen-kaja, afa-tsy

Io fehezanteny io dia afaka atao hoe: "Ny mpaminany iray dia tsy maintsy omen-kaja, afa-tsy" na "Ny toerana iray izay tsy hanomezan-kaja ny mpaminany iray dia"

### ny fametrahany tanana amin'ny marary vitsivitsy ary manasitrana azy ireo

"Fametrahan-tanana" dia maneho mpaminany na mpampianatra mametraka ny tanany amin'ny olona iray ka na manome fanasitrana na fanasoavana. Amin'ity tranga ity, dia i Jesosy no manasitrana olona.

## Mark 6:7

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Nozarain'i Jesosy vondrona roa ireo mpianany ary nalefany hitory sy hanasitrana.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ny andininy 8 sy 9 mba hampazava tsara ny famakiana ireo fampianarana ataon'i Jesosy.

### niantso ireo roa ambin'ny folo lahy Izy

Eto ny teny hoe: "niantso" dia midika fa voaantso hankenany aminy ireo roa ambin'ny folo lahy.

### na mofo

Eto ny teny hoe: "mofo" dia misolo toerana ny sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "tsy misy sakafo"

**na vola amin'ny fehin-kibon'izy ireo**

Amin'izany fomban-drazana izany, ny lehilahy dia mitondra ireo volany mihantona eo amin'ny fehin-kibony. DH: "tsy misy vola ao amin'ny kitapombolany"

**Mark 6:10****Hoy Izy tamin'izy ireo**

"Jesosy niteny tamin'ireo roa ambin'ny folo"

**dia mitoera ao mandra-pialanareo any**

Ny teny hoe: "mitoera ao" dia fomba fiteny izay midika hoe: "mihinana ary matoria" ao amin'io trano io. DH: "mihinana ary matoria ao amin'io trano io ihany mandra-pialanareo ao amin'ilay toerana"

**mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo**

"mba ho fijoroana vavolombelona manohitra azy ireo." Manampy be raha hazavaina ny fijoroan'izy ireo vavolombelona. "mba ho fijoroana vavolombelona ho azy ireo." Amin'ny fanaovana izany, dia mijoro vavolombelona ianareo fa tsy mandray anareo izy ireo.

**Mark 6:12****Dia niainga izy ireo**

Ny teny hoe: "Izy ireo" dia maneho an'ireo roa ambin'ny folo fa tsy tafiditra ao anatin'izany Jesosy. Na koa, manampy be ny fitenenana fa izy ireo dia nandeha tamin'ny tanàna maromaro. DH: "Nandeha tamin'ny tanàna maromaro izy ireo."

**hibebaka amin'ny fahotan'izy ireo**

"miala amin'ny fahotan'izy ireo"

**Nandroaka demonia maro izy ireo**

Manampy be ny fitenenana fa izy ireo dia nandroaka ireo demonia tao amin'ny olona.

**Mark 6:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nandre momba ireo fahagagan'i Jesosy i Heroda, dia niahiahy izy, nieritreritra fa nisy olona iray nanangana tamin'ny maty an'i Jaona mpanao Batisa. (Heroda dia nampamono an'i Jaona mpanao Batisa.)

**Ren'i Heroda mpanjaka izany**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny zavatra izay nataon'i Jesosy sy ireo mpianany tamin'ny karazan-tanàna maro, tao anatin'izany ny fandroahana demonia sy fanasitranana olona.

**Ny sasany nilaza hoe: "Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa"**

Ny olona sasany nilaza fa Jesosy dia i Jaona mpanao Batisa. Afaka atao mazava kokoa hoe: "Ny sasany dia nilaza fa: 'Izy no Joany ilay mpanao batisa'"

**Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanangana an'i Jaona mpanao batisa"

**Fa ireo sasany kosa nilaza hoe: "Elia Izy."**

Manampy be ny filazana hoe nahoana ny olona no nieritreritra fa Elia Izy. DH: "Ny sasany dia niteny hoe: Elia Izy, ilay nampanantenain'Andriamanitra ho averina indray."

**Mark 6:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ao amin'ny andininy faha-17 ny mpanoratra dia manomboka manome fampahafantarana fototra momba an'i Heroda sy hoe nahoana izy no nampanapaka ny lohan'i Jaona mpanao batisa.

**ilay notapahiko loha**

Eto Heroda dia mampiasa ny teny hoe: "Izaho" mba hanehoana ny tenany. Ny teny hoe: "Izaho" dia teny tsy ara-bakitenin'ireo miaramilan'i Heroda. DH: "izay nibaikoiko ireo miaramilako mba ho tapahindoha"

**no nitsangana tamin'ny maty**

Afaka atao ihany koa hoe: "velona indray"

**Heroda no nampisambotra an'i Jaona ka nandefa azy tany an-tranomaizina**

Afaka atao hoe: "Heroda nandefa ireo miaramilany mba hisambotra an'i Jaona sy hamatotra azy any am-ponja"

**nampisambotra**

"nanome baiko hisambotra"

**nohon'ny raharaha Herodiasy**

"noho Herodiasy"

**vadin'i Filipo rahalahiny**

"ny vadin'i Filipo rahalahiny." Io Filipo rahalahin'i Heroda io dia tsy ilay Filipo mpitory ny filazantsara ao amin'ny bokin'i Asan'ny Apostoly na Filipo izay iray amin'ny mpianatra roa ambin'ny folon'i Jesosy.

**satria novadiany ravehivavy**

"satria novadian'i Heroda ravehivavy"

**Mark 6:18****nitady izay hamonoana azy, saingy tsy afaka**

Herodiasy no resaka eto ary ny hoe: "azy" dia teny ambadika maneho fa tiany hisy olon-kafa hamono an'i Jaona. DH: "tiany hisy olon-kafa hamono an'i Jaona, saingy tsy afaka mampamono azy izy"

**fa Heroda natahotra an'i Jaona; fantany fa**

Ireo fehezanteny anankiroa ireo dia afaka sarahana mba hampisehoana fa tena matahotra an'i Jaona i Heroda. DH: "fa Heroda natahotra an'i Jaona satria fantany fa"

**fantany fa olo-marina**

"Heroda dia nahafantatra fa Jaona dia marina"

**ny fihainoana azy**

"Mihaino an'i Jaona"

**Mark 6:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manohy ny fampahafantarana fototra momba an'i Heroda sy ny fanapahan-doha an'i Jaona mpanao batista.

**izy nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny ... avy any Galilia**

Eto ny teny hoe: "izy" dia maneho an'i Heroda ary teny tsy ara-bakitenin'ilay mpanompony izay nobaikoiny hikarakara ny sakafo. DH: "nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny izy ... avy any Galilia" na "nanasa ireo lehibeny ... avy any Galilia mba hihinana sy hanao fankalazana miaraka aminy"

**zanaka vavin'i Herodiasy**

Eto ny teny hoe: "zanaka vaviny" dia mampisongadina fa ny zanaka vaviny izy tenany no nandihy tao amin'ny fisakafoana.

**niditra**

"niditra tao an-trano"

**Mark 6:23****Na inona na inona angatahinao amiko ... ny fanjakako**

Mazava kokoa raha ampiana fampahafantarana izany: "Izaho hanome anao ny antsasaky ny fananako sy izay hanjakako, raha angatahanao izany"

**nivoaka**

"nivoaka ny trano"

**eo ambony lovia**

"eo ambony lovia fihinanana"

**Mark 6:26****nohon'ny fianianana nataony sy noho ireo vahininy nasaina tamin'ny fisakafoana**

Ny fifandraisan'ireo dia afaka atao hoe: "nohon'ny nandrenasan'ny vahininy nasainy tamin'ny fisakafoana ny fianianany fa hanome azy ny zavatra rehetra nangatahiny izy"

**eo ambony lovia**

"eo ambony lovia fihinanana"

**ireo mpianany**

"Ireo mpianatr'i Jaona"

**Mark 6:30****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny niverenan'ireo mpianatra tamin'ny fitoriana sy fanasitranana, dia nandeha irery tany

ho any izy ireo, kanefa nisy olona maro tonga mba hihaino an'i Jesosy hampianatra. Rehefa niha-maizina ny andro, dia nalefan'i Jesosy hiala teo avokoa ny olon-drehetra mba hivavahany mitokana.

**any an'efitra**

toerana izay tsy misy olona

**maro ny olona no nivezivezy**

Izany dia midika fa ny olona dia mbola nivezivezy nankeny amin'ireo apostoly sy niala teny.

**tsy nanam-potoana akory izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo apostoly.

**Ka nandeha izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo apostoliny.

**Mark 6:33****izy ireo nahita azy ireo nandeha**

"fa ny olona nahita an'i Jesosy sy ireo apostoliny nandeha"

**an-tongotra**

Nandeha tongotra ny olona, fa ireo mpianatra nandeha sambo.

**nahatazana vahoaka maro Izy**

"Nahatazana vahoaka maro Jesosy"

**tahaka ny ondry tsy manana mpiandry izy ireo**

Jesosy dia mampitaha ny olona amin'ny ondry, ondry izay tsy manana mpiandry hitarika azy ireo.

**Mark 6:35****Ary rehefa hariva ny andro**

Izany dia midika fa efa hanomboka ho maizina ny andro. DH: "Harivariva maizimaizina"

**Toerana foana**

Toerana izay tsy misy olona. Jereo ny dikan-teny nataonao ao amin'ny 6:30

**Mark 6:37****Fa namaly Izy ka nanao tamin'izy ireo hoe:**

"Fa namaly Jesosy ka nanao tamin'ireo mpianany hoe: "

**Afaka mandeha ary mividy mofa azon'ny denaria roanjato va izahay ka hanome izany azy ireo hoanina?**

Ireo mpianatra dia mametraka izany fanontaniana izany mba hitenenana fa izy ireo dia tsy afaka mividy sakafo ampy ho an'ireo vahoaka ireo. DH: "Tsy afaka mividy mofa ampy hamahanana an'ireo vahoaka izy ireo, na dia manana roanjato denaria aza!"

**roanjato denaria**

"200 denaria." Ny denaria iray dia vola madinika volafotsy Romanina izay mendrika ny karama iray andro.

**Mofo**

Ny "mofo" dia koba novolavolaina sy nandrahoina.

**Mark 6:39****ahi-maitso**

Farito ny loko izay fampiasan'ny faritrao hilazana ny hoe ahitra mbola tanora.

**tokony zato sy dimampolo**

Maneho ny isan'ny olona isaky ny vondrona. DH: "eo ho eo amin'ny olona dimampolo ao anaty vondrona ary olona zato ao amin'ireo vondrona hafa"

**niandrandra ny lanitra**

niandrandra ny lanitra izay fitoeran'Andriamanitra

**nitahy Izy**

"niteny fitahiana Izy" na "nisaotra Izy"

**Nozarainy ho an'izy rehetra ny hazandrano roa**

"nozarainy ny hazan-drano roa mba samy hanana kely avy ny olon-drehetra"

**Mark 6:42****Nalain'izy ireo**

1) "Nalain'ireo mpianatra" na 2) "Nalain'ny olona"

**sombitsombin'ny mofo, izay nahafeno roa ambin'ny folo sobika mitafotafo**

"sobika roa ambin'ny folo feno sombitsombin'ny mofo"

**sobika roa ambin'ny folo**

"sobika 12"

**dimy arivo lahy**

"5000 lahy"

**Nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo**

Ny isan'ireo vehivavy sy ny ankizy dia tsy nisaina. Afaka atao mazava tsara io fehezanteny io. DH: "Ary nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo. Ary tsy nisaina tao anatin'ny akory aza ny vehivavy sy ny ankizy"

**Mark 6:45****teny am-pita**

Izany dia misolo toerana ny ranomasin'i Galilia. Afaka soratana mazava tsara hoe: "teny am-pitan'ny ranomasin'i Galilia"

**Betsaida**

Tanàna iray ao avaratry ny sisin-dRanomasin'i Galilia

**Rehefa lasa izy ireo**

"Rehefa lasa ny olona"

**Mark 6:48****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola namakivaky ny farihy ireo mpianatra dia tonga ny tafiotra. Nihorohoro izy ireo nahita an'i Jesosy nandeha tambony rano. Tsy azon'izy ireo ny fomba nampitonian'i Jesosy ny tafiotra.

**ora fiambenana fahefatry**

Ora eo anelanelan'ny amin'ny 3 maraina sy ny fiposahan'ny masoandro.

**matoatoa**

fanahin'ny olona iray efa maty na karazana fanahy hafa

**Matokia! ... Aza matahotra!**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika, manasongadina amin'ny mpianany fa tsy tokony hatahotra izy ireo. Raha ilaina dia afaka atambatra ho anankiray ireo : "Aza matahotra Ahy!"

**Mark 6:51****Dia talanjona tanteraka izy ireo**

Raha tiana ho tena voafaritry tsara dia afaka atao hoe: "Dia talanjona tanteraka tamin'izay nataony izy ireo"

**ny dikan'ilay mofo**

Ny teny hoe: "ny mofo" dia maneho ny nizarazaran'i Jesosy ny mofo. Afaka atao hoe: "ny dikany rehefa nozarazarain'i Jesosy ny mofo"

**nihamafy ny fon'izy ireo**

Ny fananana fo dia maneho fa sarotra mahatakatra zavatra. DH: "sarotra mahatakatra zavatra izy ireo"

**Mark 6:53****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa tonga tamin'ny sambo tao Genesareta Jesosy sy ireo mpianany, dia nahita azy ny olona ary nitondra olona mba ho sitraniny. Mitranga amin'izay alehany rehetra izany.

**Genesareta**

Anaran'ny faritra iray ao avaratry ny Ranomasin'i Galilia io.

**avy hatrany dia fantatry ny olona tao Izy**

"ireo olona dia nahafantatra an'i Jesosy avy hatrany"

**ka nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo**

Manampy bebe kokoa raha tenenina ny antony nihazakazahan'izy ireo nanerana ny faritra. DH: "nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo mba hiteny amin'ny hafa fa tao Jesosy"

**ka nihazakazaka izy ireo ... ren'izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia misolo tena an'ireo olona izay nahafantatra an'i Jesosy, fa tsy ny mpianany ireo.

**ny marary**

Io teny io dia misolo tena ny olona. DH: "ireo olona marary"

**Mark 6:56**

**Fa na taiza na taiza nalehany**

"Fa na taiza na taiza nalehan'i Jesosy"

**dia napetrak'izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo olona. Fa tsy maneho ny mpianatr'i Jesosy.

**ny marary**

Io teny io dia misolo tena ny olona. DH: "ireo olona marary"

**Niangavy Azy izy ireo**

Ny mety ho dikany hafa: 1) "niangavy Azy ireo marary" na 2) "niangavy Azy ny olona."

**hamela azy ireo hikasika**

Ny teny hoe: "azy ireo" dia maneho an'ireo marary.

**ireo maro**

"ireo rehetra izay "



## Chapter 7

<sup>1</sup> Ireo fariseo sy ny mpanoradalana sasany izay avy any Jerosalema dia tonga niangona nanodidina Azy. <sup>2</sup> Ary hitan'izy ireo ny mpianany sasany nihinana mofo tamin'ny tanana tsy voadio, izany hoe, tsy voasasa. <sup>3</sup> (Fa ny Fariseo sy ny Jiosy rehetra dia tsy mba mihinana raha tsy efa nanasa ny tanan'izy ireo, satria manaraka ny fombafomban'ireo loholona.) <sup>4</sup> Ary rehefa miverina avy any an-tsena ireo Fariseo, dia tsy mihinana izy ireo raha tsy avy mandro, ary mitandrina fomba maro hafa fatratra izy ireo, tahaka ny fanasana ny kapoaka, sy ny famarana, sy fanaka varahina, ary ny fandriana izay ihinanan'izy ireo.) <sup>5</sup> Ireo Fariseo sy ny mpanoradalana nanontany an'ny Jesosy hoe: "Nahoana ny mpianatrao no tsy mandeha araka ny fombafomban'ireo loholona, fa mihinana ny mofon'izy ireo amin'ny tanana tsy voasasa?" <sup>6</sup> Nefa hoy Izy tamin'izy ireo: "Isaia naminany tsara momba anareo mpihatsaravelsihy. Nosoratany hoe: 'Ity vahoaka ity manaja Ahy amin' ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy. <sup>7</sup> Foana ny fivavahana atolotr'izy ireo Ahy, raha mampianatra ny fitsipik'olombelona ho fampianaran'izy ireo.' <sup>8</sup> Afoinareo ny didin'Andriamanitra ka hazoninareo mafy ny fomban'ny olona." <sup>9</sup> Ary hoy ihany koa Izy tamin'izy ireo: "Tahaka ny ahoana ny fanarinareo ny didin' Andriamanitra mba hitandremanareo ny fomban-drazanareo! <sup>10</sup> Fa hoy Mosesy: 'Manaja ny rainao sy ny reninao,' ary koa, 'Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa.' <sup>11</sup> Kanefa ianareo miteny hoe: 'Raha misy lehilahy iray miteny ny rainy na ny reniny hoe: 'Na inona na inona tianao ho azo tamiko dia efa Korbana,' (izany hoe: 'Nomena an'Andriamanitra') -- <sup>12</sup> dia tsy avelanareo hanao na inona na inona amin'ny rainy sy ny reniny intsony izy. <sup>13</sup> Manafoana ny tenin' Andriamanitra ianareo noho ny fomban-drazanareo izay notananareo. Ary zavatra maro mitovy amin'izany koa no ataonareo." <sup>14</sup> Ary niantso ny vahoaka indray Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa Ahy, ianareo rehetra, ka fantaro. <sup>15</sup> Tsy misy zavatra avy eo ivelany izay miditra ao anatin'ny olona ka afaka mahaloto azy rehefa miditra ao aminy. Fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy." <sup>16</sup><sup>[1]</sup><sup>17</sup> Ary rehefa niala teo amin'ny vahoaka Jesosy ka niditra tao an-trano, ny mpianany nanontany Azy momba ilay fanoharana. <sup>18</sup> Hoy Jesosy taminy: "Ianareo koa ve mbola tsy manana fahalalana? Tsy hitanareo ve fa izay rehetra miditra ao anatin'ny olona avy any ivelany dia tsy mahaloto azy, <sup>19</sup> satria tsy afa-miditra ao am-pony izany, fa ao an-kibony ihany ka mivoaka any amin'ny fivoahana?" Tamin'izany fanambarana izany dia nahatonga ny hanina rehetra ho madio i Jesosy. <sup>20</sup> Hoy Izy: "Izay mivoaka avy ao amin'ny olona no mahaloto azy. <sup>21</sup> Fa avy ao anatin'ny olona, avy ao am-pony, no ivoahan'ny sain-ratsy, ny fahavetavetana, ny halatra, ny famonoan'olona, <sup>22</sup> ny fijangajangana, ny fitsiriritana, ny haratsiam-panahy, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny fialonana, ny fiampangana lainga, ny avonavona, ny hadalana. <sup>23</sup> Izany zava-dratsy rehetra izany no mivoaka avy ao anatin'ny olona, ary ireo no mahaloto azy." <sup>24</sup> Niala teo Izy ka lasa nandeha tany amin'ny faritry Tyro sy Sidona. Niditra tao an-trano iray Izy ary tsy tiany ho fantatr'iza na iza fa tao Izy, kanefa tsy afaka niery. <sup>25</sup> Kanefa niaraka tamin'izay dia nisy vehivavy iray, izay nisy fanahy maloto iray ny zanany vavy kely, nandre ny aminy, tonga, ary niankohoka teo an-tongony. <sup>26</sup> Ary Grika ilay vehivavy, Syro-foinika no niaviany. Niangavy Taminy izy mba hamoaka ny demonia hiala amin'ny zanany vavy. <sup>27</sup> Hoy Izy taminy: "Aoka homen-kanina aloha ny zaza. Satria tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an'ny amboa." <sup>28</sup> Nefa namaly izy ka nanao Taminy hoe: "Eny, Tompo, fa na ny amboa ao ambany latabatra aza dia mba mihinana ny sombintsombiny amin'ny mofon-jaza." <sup>29</sup> Dia hoy Izy taminy: "Noho izany teninao izany, afaka mandeha ianao. Efa nivoaka tamin'ny zanakao vavy ny demonia". <sup>30</sup> Ary raha niverina tany an-tranony ravehivavy dia nahita ny zaza nandry teo ambonin'ny farafara, ary ny demonia efa niala. <sup>31</sup> Ary Jesosy nivoaka indray niala ny faritry Tyro, dia namaky an'i Sidona hatrany amin'ny Ranomasin'ny Galilia ka niakatra ny faritry Dekapolis. <sup>32</sup> Ary nentin'izy ireo teo Aminy ny olona iray marenina sady sahirana raha miteny, ary nitalaho Taminy izy ireo mba hametrahany ny tanany aminy. <sup>33</sup> Nitondra an-dralehilahy nitokana niala teo amin'ny vahoaka Izy, dia nametraka ny rantsan-tanany tao an-tsofiny Izy, ary raha avy nandrora, dia nikasika ny lelany. <sup>34</sup> Dia niandrindra ny lanitra Izy, dia nisento ka nanao taminy hoe: "Efata," izany hoe: "Maladia!" <sup>35</sup> Ary haingana teo ny sofiny dia nalady, ary izay namehy ny lelany dia potika ary afaka niteny mazava tsara izy. <sup>36</sup> Ary Jesosy nandrara azy ireo tsy hilazalaza na amin'iza na amin'iza. Kanefa na dia norarana aza izy ireo, vao maika nampielany izany bebe kokoa. <sup>37</sup> Dia gaga tanteraka ny olona, ka niteny hoe: "Nataony tsara daholo ny zavatra rehetra. Nataony mandre aza ny marenina ary miteny ny moana."

## Footnotes

7:16 <sup>[1]</sup>Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny andininy faha 16: Raha misy manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino.

## Mark 7:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy niteny mafy an'ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna.

### niangona nanodidina

"niangona nanodidina an'i Jesosy"

## Mark 7:2

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha 3 sy 4 dia manome fampahafantarana fototra ny fombafombam-pidiovan'ireo Fariseo. Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba handaminana ny fifandraisan'ny andininy faha 3 sy 4 mba ho mora azo.

### Ary hitan'izy ireo

"Ary hitan'ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna"

### izany hoe, tsy voasasa

Manampy bebe kokoa raha atao hoe: "izany hoe, tsy nanasa tanana izy ireo nefa nihinana"

### loholona

Ireo Jiosy no loholona tao amin'ny fiaraha-monina ary mpitsara ny olona ihany koa izy ireo.

### ireo fanaka varahina

"koveta varahina" na "koveta vy"

### ary ny fandriana izay ihinanan'izy ireo

"dabilio" na "fandriana." Tamin'io fotoana io, ny Jiosy dia amin'ny tany no mihinana.

## Mark 7:5

### Nahoana ny mpianatrao no tsy mandeha araka ny fombafomban'ireo loholona, fa mihinana ny mofon'izy ireo amin'ny tanana tsy voasasa?

Ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna dia mametraka izany fanontaniana izany mba hiantsy ny fahefan'i Jesosy. Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy mankato ny fomban'ny lehibenay ny mpianatrao! Tokony hampiasa ny fombanay izy ireo rehefa manasa ny tanan'izy ireo."

### mofa

Misolo toerana ny sakafo amin'ny ankapobeny io teny io. DH: "sakafo"

## Mark 7:6

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto Jesosy dia milaza ny tenin'Isaia mpaminany, izay nanoratra soratra masina taona maro tany aloha.

### amin'ny molony

Eto ny "molotra" dia hevitra ambadiky ny fitenenana. DH: "amin'ny alalan'izay tenenin'izy ireo"

### fa ny fony kosa lavitra Ahy

Eto ny hoe "fony" dia maneho ny eritreritry ny olona iray na ireo fihetsem-pony. Fomba hitenenana olona tsy tena manolo-tena amin'Andriamanitra. DH: "fa izy ireo dia tsy tena tia Ahy"

### Fivavahana foana no atolotr'izy ireo Ahy

"Izy ireo dia manolotra fivavahana tsy misy dikany ho Ahy" na "Izy ireo dia mivavabava-poana"

## Mark 7:8

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy dia nanohy niteny mafy an'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo.

### Afoinareo

"mandà hanaraka"

### hazoninareo mafy

"mitàna mafy" na "tazonny fotsiny"

### Tahaka ny ahoana ny fanarinareo ny didy ... mba hitandremanareo ny fomban-drazanareo

Jesosy dia mampiasa io fitsimbadihan-kevitra io mba hitenenana mafy an'ireo mpihaino Azy amin'ny fanariana ny didin'Andriamanitra. DH: "Ianareo mihevitra fa nanao ny tsara tamin'ny fomba nitsipahanareo ny didin'Andriamanitra ka mitazona ny fomban-drazanareo ihany ianareo, kanefa izay vitanareo dia tsy tsara avokoa!"

### ahoana ny fanarinareo

"ahoana ny fahaizanareo mandà"

### miteny ratsy

"manozona"

### dia ho faty tokoa

"dia tsy maintsy ho faty"

### Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa

Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa. Afaka atao ihany koa hoe: Ireo manam-pahefana dia tsy maintsy mamono ny olona izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny"

## Mark 7:11

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny UDB dia mampiasa andininy tetezamita mba hampifandraisana ny andininy faha 11 sy 12 hampazava kokoa izay tenenin'i Jesosy amin'ireo Fariseo.

**Na inona na inona tianao ho azo tamiko dia efa Korbana**  
Ny fomban-drazan'ireo mpanora-dalàna dia hoe raha vao nampanantenaina ho an'ny tempoly ny vola na zavatra hafa, dia tsy afaka ampiasaina amin'ny tanjona hafa intsony.

#### **Korbana**

Eto ny mpanoratra dia maneho zavatra izay amin'ny teny Hebreo. Io teny io dia afaka adika amin'ny abidian'ny fitenim-paritrao.

#### **Nomena an'Andriamanitra**

Afaka atao hoe: "Nanome an'Andriamanitra aho"

**dia tsy avelanareo hanao na inona na inona amin'ny rainy sy ny reniny intsony izy**  
Amin'ny fanaovana izany, ireo Fariseo dia mamela ny olona tsy hanome ny ray aman-dreniny, raha toa izy ireo ka mampanantena hanome an'Andriamanitra izay tokony homena azy ireo.

#### **Manafaoana**

nofoanana

#### **Ary zavatra maro mitovy amin'izany koa no ataonareo**

"Ary ianareo dia manao zavatra maro mitovy amin'izany"

#### **Mark 7:14**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia miteny fanoharana amin'ny vahoaka mba hanampy azy ireo hahafantatra izay noteneniny tamin'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo.

##### **niantso Izy**

"Niantso Jesosy"

##### **Mihainoa Ahy, ianareo rehetra, ka fantaro**

Ireo teny hoe: "Mihainoa" sy "fantaro" dia mifandray. Jesosy dia mampiasa miaraka ireo mba hanasongadinana fa ireo mpihaino Azy dia tokony mifantoka tsara amin'izay teneniny.

##### **fantaro**

Manampy bebe kokoa raha soratana izay tenenin'i Jesosy ho azon'izy ireo. DH: "ezaho ho azo izay lazaiko anareo"

##### **zavatra avy eo ivelany izay miditra ao anatin'ny olona**

Jesosy dia miteny momba izay hohanin'ny olona iray. Izany dia mifanohitra amin'ny hoe "izay mivoaka avy ao amin'ny olona." DH: "tsy misy zavatra avy eo ivelan'ny olona izay afaka hohaniny"

##### **Fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona**

Izany dia maneho ny zavatra izay ataon'ny olona na izay teneniny. Izany dia mifanohitra amin'ny hoe: "Izay mivoaka avy ao anatin'ny olona ka miditra ao aminy." DH: "izany dia izay mivoaka avy ao anatin'olona ka teneniny na ataony"

#### **Mark 7:17**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireo mpianatra dia mbola tsy mahatakatra izay vao notenenin'i Jesosy tamin'ireo mpanora-dalàna, ireo Fariseo, ary ireo vahoaka. Jesosy dia manazava tsara izay tiany tenenina amin'izy ireo.

##### **Ary**

Io teny io dia ampiasaina mba hanamarihana ny fiatoana kely eo amin'ny fizotran'ny tantara. Jesosy dia eo amin'ny vahoaka ankehitriny, ao anaty trano miaraka amin'ireo mpianany.

##### **Ianareo koa ve mbola tsy manana fahalalana?**

Jesosy dia mampiasa io fanontaniana io mba hanehoana ny fahadisoam-panantenany izay tsy fantatr'izy ireo. Afaka atao ihany koa hoe: "Taorian'ny nitenenako sy nanaovako, dia tiako hahatakatra ianareo."

##### **Tsy hitanareo ve fa izay rehetra miditra ao ... amin'ny fivoahana?**

Io fanontaniana io dia ampiasain'i Jesosy mba hampianarana an'ireo mpianany zavatra izay efa tokony ho fantatr'izy ireo. Afaka atao ihany koa hoe: "Izay rehetra miditra ... fivoahana."

##### **satria izany**

Eto ny hoe: "izany" dia maneho izay ao anatin'ny olona iray; izany hoe; izay hohanin'ny olona iray.

##### **nahatonga ny hanina i Jesosy**

"Jesosy nanao ny hanina ho"

##### **ny hanina rehetra ho madio**

Tsara raha hazavaina kokoa izany: "nampadio ny hanina rehetra, izay midika fa afaka mihinana ny sakafo rehetra ny olona ary tsy raisin'Andriamanitra ho maloto ny fihinanana azy"

#### **Mark 7:20**

##### **Hoy Izy**

"Hoy Jesosy"

##### **Izay mivoaka avy ao**

Afaka atao mazava tsara izay soloin'ny "izay" toerana. DH: "Izany dia ny eritreritra sy ny fihetsika izay mivoaka avy ao"

##### **ny fijejojejoana**

tsy fahafehezana ny fanirian-dratsin'ny olona iray

##### **mivoaka avy ao anatin'ny**

Eto ny teny hoe: "ao anatin'ny" dia mamaritra ny fon'ny olona iray. DH: "mivoaka avy ao anatin'ny fon'ny olona iray" na "mivoaka avy amin'ny eritreritr'olona iray"

**Mark 7:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nankany Tyro Jesosy, dia nanasitrana ny zanaka vavin'ny vehivavy Jentilisa iray izay manam-pinoana mahagaga.

**nisy fanahy maloto iray**

Fomba fiteny izay midika fa itoeran'ily fanahy maloto izy. DH: "voafatotry ny fanahy maloto iray"

**niankohoka**

"nandohalika." Izany dia fanomezam-boninahitra sy fankatoavana.

**Ary Grika ilay vehivavy, Syro-foinika no niaviany**

Ny teny hoe: "Ary" dia manamarika fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara, mba ho fanomezana fampahafantarana fototra momba io vehivavy io.

**Syro-foinika**

Anaran'ny fiavian'ily vehivavy. Izy dia teraka tao amin'ny faritra Foinika ao Syria.

**Mark 7:27****Aoka homen-kanina aloha ny zaza. Satria tsy mety ... manipy azy ho an'ny amboa**

Eto Jesosy dia miteny momba ireo Jiosy tahaka ny hoe ankizy izy ireo ary ireo Jentilisa tahaka ny amboa. DH: "Aoka ny zanak'Israely ho fahanana voalohany. Satria tsy mety ny maka ny mofon'ny ankizy ary manipy izany ho an'ireo Jentilisa, izay tahaka ny amboa"

**Aoka homen-kanina aloha ny zaza**

Afaka atao hoe: "Tsy maintsy fahanantsika aloha ny zanak'Israely"

**mofon**

Maneho ny sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "sakafo"

**amboa**

Izany dia maneho amboa kely izay biby fiompy any an-trano.

**Mark 7:29****afaka mandeha ianao**

"afaka mandeha ianao izao" na "afaka mody ianao"

**Efa nivoaka tamin'ny zanaka vavy ny demonia**

Jesosy nandroaka ilay fanahy maloto tao amin'ily zanaka vavin'ily vehivavy. Afaka atao ihany koa hoe: "Noroasiko hiala tao amin'ny zanaka vavy ny fanahy maloto"

**Mark 7:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny fanasitrana ny olona tao Tyro, dia nankany amin'ny Ranomasin'i Galilia Jesosy. Tany

dia nanasitrana ilay lehilahy marenina Izy, izay nahagaga ny olona.

**nivoaka indray**

"niverina avy tany"

**ka niakatra ny faritry**

Ireo dikany hafa : 1) "tao amin'ny faritry ny"tao amin'ny ranomasin'ny faritr'i Dekapolis Jesosy na 2) "tamin'ny faritr'i" "nandeha namakivaky ny faritr'i Dekapolis mba hihazo ny ranomasina Jesosy.

**Dekapolis**

Anarana faritra izay midika tanàn-dehibe Folo. Ao atsimon-dranomasin'i Galilia.

**Ary nentin'izy ireo**

"Ary nentin'ireo olona"

**izay marenina**

"tsy afaka mandre"

**mba hametrahany ny tanany**

Ny "fametrahan-tanana" dia maneho ny mpaminany na mpampianatra mametraka ny tanany amin'olona iray ary manome na fanasitrana na fahasoa. Amin'ity tranga iray ity, ny olona dia mitalaho amin'i Jesosy mba hanasitrana an'ily lehilahy. DH: "hametraka ny tanany eo aminy mba hanasitrana azy"

**Mark 7:33****Nitondra an-dralehilahy Izy,**

"Nitondra an-dralehilahy Jesosy"

**nametraka ny rantsan-tanany tao an-tsofiny Izy**

"Jesosy nametraka ny rantsan-tanany tao an-tsofin'ily lehilahy"

**ary raha avy nandrora, dia nikasika ny lelany Izy**

Jesosy nandrora ary nikasika ny lelan'ily lehilahy.

**ary rehefa avy nandrora**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "ary rehefa avy nandrora tamin'ny rantsan-tanany"

**Dia niandrindra ny lanitra Izy**

Izany dia midika fa nijery tany amin'ny lanitra Izy, izay fitoeran'Andriamanitra.

**Efata**

teny Aramaika io. Afaka adikanao amin'ny abidian'ny faritra misy anao.

**nanao taminy hoe:**

" niteny tamin'ily lehilahy hoe: "

**ny sofiny dia nalady**

Izany dia midika fa afaka nandre izy. DH: "nisokatra ny sofiny ary afaka nandre izy" na "nandre izy"

**izay namehy ny lelany dia potika**

Afaka atao hoe: "Jesosy nanala izay namehy ny lelany tamin'ny fitenenana" na "Jesosy namaha ny lelany"

**izay namehy ny lelany**

"izay namehy ny lelany tamin'ny fahafahana miteny" na "ny tsy fahafahany miteny"

**Mark 7:36**

**na dia norarana aza izy ireo**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "arakaraky ny nandraràny azy ireo tsy hiteny an'iza na iza"

**ny marenina ... ny moana**

Ireo dia misolo tena ny olona. DH: "ny olona marenina ... ny olona moana" na "ny olona tsy afaka mihaino ... ny olona tsy afaka miteny"

---

## Chapter 8

<sup>1</sup> Tamin'izany andro izany, dia nisy vahoaka marobe indray, ary tsy nanan-kohanina izy ireo. Dia niantso ny mpianany Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: <sup>2</sup> "Mampahonena Ahy ireo vahoaka, satria efa telo andro ireo no nanohy niaraka tamiko ary tsy manan-kohanina." <sup>3</sup> Raha alefako mody any an-tranony tsy misakafo ireo, dia mety ho safotra an-dalana. Ny sasany amin'izy ireo dia avy any amin'ny lalan-davitra." <sup>4</sup> Namaly Azy ireo mpianany hoe: "Aiza no hahazoantsika mofo ampy hamokisana ireo vahoaka ireo ety an-tany foana tahaka izao?" <sup>5</sup> Nanontany azy ireo Izy hoe: "Firy ny mofo anananareo?" Hoy izy ireo hoe: "Fito" <sup>6</sup> Nandidy ny vahoaka mba hipetraka amin'ny tany Izy. Noraisiny ny mofo fito, dia nisaotra Izy, ary nanapaka ireo. Natolony ny mpianany izany mba ho zarain'izy ireo amin'ny vahoaka, ary napetrak'izy ireo teo anoloan'ny vahoaka izany. <sup>7</sup> Ary mbola nanana hazandrano kely vitsivitsy ihany koa izy ireo, ka rehefa avy nisaotra ireo Izy, dia nandidy ireo mpianatra mba handroso izany koa Izy. <sup>8</sup> Dia nihinana izy ireo ka voky, ary nalain'izy ireo ny sombitsombiny tavela, izay nahafeno sobika fito lehibe. <sup>9</sup> Tokony ho efatr'arivo teo ho eo ny olona tamin'izany. Avy eo dia nalefany nody izy ireo. <sup>10</sup> Avy hatrany dia niakatra tao an-tsambokely niaraka tamin'ireo mpianany Izy, ary nandeha nankany amin'ny faritr'i Dalmanota izy ireo. <sup>11</sup> Dia nivoaka ireo fariseo ary nanomboka nifanditra taminy. Nitady famantarana avy any an-danitra taminy izy ireo, mba hitsapana Azy. <sup>12</sup> Nisento lalina tany amin'ny fanahiny Izy ary niteny hoe: "Nahoana no mitady famantarana ity taranaka ity? Nefa lazaiko marina aminareo, fa tsy misy famantarana omena ity taranaka ity izany." <sup>13</sup> Avy eo dia nandao azy ireo Izy, niakatra tao an-tsambokely indray, ary niala lavitra ho eny am-pita. <sup>14</sup> Ary adinon'ny mpianatra ny nitondra mofo niaraka tamin'izy ireo. Tsy nanana mihoatra ny iray izy ireo tao anaty sambo. <sup>15</sup> Dia nampitandrina azy ireo Izy ka niteny hoe: "Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy ny masirasiran'i Heroda." <sup>16</sup> Dia nifanontany tena ny mpianatra hoe: "Noho isika tsy manana mofo izany." <sup>17</sup> Fantatr'i Jesosy izany, ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana no amin'ny tsy fananana mofo ny fisainanareo? Mbola tsy azonareo va? Mbola tsy takatrareo va? Nanjary donto va ny fonareo?" <sup>18</sup> Manana maso ianareo, fa tsy mahita va? Manan-tsofina ianareo, fa tsy mandre va? Tsy tadidinareo va? <sup>19</sup> Rehefa nanapaka ny mofo dimy ho an'ny olona dimy arivo Aho, dia sobika firy feno sombitsombina mofo no nanganoninareo?" Hoy izy ireo taminy hoe: "Roambinifolo." <sup>20</sup> Rehefa nanapaka ireo mofo fito ho an'ny olona efatr'arivo Aho, firy sobika ny ambiny nanganoninareo?" Hoy izy ireo taminy hoe: "Fito." <sup>21</sup> Ary hoy Izy hoe: "Mbola tsy takatrareo ihany va?" <sup>22</sup> Tonga tany Betsaida izy ireo. Ary nisy jamba anankiray nentin'olona teo aminy ary niagavian'izy ireo Jesosy mba hikasika azy. <sup>23</sup> Nentin'i Jesosy tamin'ny tanana ilay jamba, ary nitarika azy hivoaka ny tanàna. Rehefa nandrora teo amin'ny masony Izy ary nametraka ny tanany teo aminy, dia nanontany azy Izy hoe: "Mahita zavatra va ianao?" <sup>24</sup> Dia nitraka izy, ka niteny hoe: "Mahita olona tahaka ny hazo mandehandeha aho." <sup>25</sup> Napetrak'i Jesosy teo amin'ny masony indray ny tanany, ary nahitr'ily lehilahy ny masony, dia niverina tamin'ny laoniny ny fahitany, ary nahita mazava tsara ny zavatra rehetra izy. <sup>26</sup> Dia nalefan'i Jesosy nody izy ary noteneniny hoe: "Aza miditra ao an-tanàna." <sup>27</sup> Nandeha nivoaka Jesosy sy ny mpianany nankany amin'ny tanànan'i Kaisaria Filipo. Teny an-dalana dia nanontany ireo mpianany Izy hoe: "Hataon'ny olona ho iza moa Aho?" <sup>28</sup> Namaly Azy izy ireo ka niteny hoe: "Jaona mpanao batista. Ny hafa miteny hoe: 'Elia', ary ny hafa hoe: 'Iray amin'ireo mpaminany.'" <sup>29</sup> Nanontany azy ireo Izy hoe: "Fa ianareo kosa manao Ahy ho Iza?" Dia namaly Azy Petera hoe: "Ianao no Kristy." <sup>30</sup> Nampitandrina azy ireo Jesosy tsy hilaza ny momba Azy na amin'iza na amin'iza. <sup>31</sup> Nanomboka nampianatra azy ireo Izy fa tsy maintsy hijaly ny Zanak'Oloha, ary ho lavin'ny loholona sy ireo lohan'ny mpisorona ary mpanoradala, ary ho vonoina, ka hitsangana amin'ny maty afaka telo andro. <sup>32</sup> Nolzainy mazava tsara izany. Avy eo nantsoin'i Petera mangingiina Jesosy ka nanomboka niteny mafy Azy. <sup>33</sup> Nefa nitodika Jesosy dia nijery ireo mpianany ary avy eo niteny mafy an'i Petera ka nanao hoe: "Mialà lavitra Ahy, ry satana! Tsy mba misaina ny zavatr'Andriamanitra ianao, fa ny zavatr'olona." <sup>34</sup> Avy eo dia niantso ny vahoaka sy ny mpianany niaraka izy, ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Raha misy te-hanaraka Ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy, maka ny hazo fijaliany, ary manaraka Ahy." <sup>35</sup> Na iza na iza te-hamonjy ny ainy dia hahavery izany, ary izay mahavery ny ainy noho ny amiko sy ny filazantsara, dia hahavonjy izany. <sup>36</sup> Fa inona anefa no tombontsoa azon'ny ny olona iray, raha mahazo izao tontolo izao, ary avy eo very ny ainy? <sup>37</sup> Inona no afaka omen'ny olona iray ho takalon'ny ainy? <sup>38</sup> Na iza na iza menatra Ahy sy ny teniko eto amin'ity taranaka mijangajanga sy mpanota ity, dia ho menatra azy ihany koa ny Zanak'olona rehefa tonga ao amin'ny voninahitry ny Rainy miaraka amin'ireo anjely masina Izy."

**Mark 8:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Vahoaka betsaka, noana no miaraka amin'i Jesosy. Namoky azy ireo tamin'ny alalan'ny mofo fito sy hazan-drano vitsy fotsiny Jesosy sy ireo mpianany tamin'ny niantsambo nankany amin'ny toerana hafa.

**Tamin'izany andro izany**

Io fehezanteny io dia ampiasaina mba hampidirana tranga vaovao ao anatin'ny tantara.

**satria efa telo andro ireo no nanohy niaraka tamiko**

"satria efa andro fahatelo niarahan'ny olona tamiko izao"

**mety ho safotra an-dalana izy ireo**

Ny mety ho dikany hafa: 1) "mety ho very saina vetivety izy ireo" na 2) "mety halemilemy izy ireo."

**Aiza no hahazontsika mofo ampy hamokisana ireo vahoaka ireo aty an'efitra aty an-tany foana tahaka izao?**

Ireo mpianatra dia gaga fa Jesosy dia miandry azy ireo hahita sakafo. DH: "Foana ity toerana ity ka tsy misy toerana hafa hahitantsika mofo ampy hamokisana ny olona!"

**mofo**

Ny mofo dia foto-koba novolavolaina sy nandrahoina.

**Mark 8:5****Nanontany azy ireo Izy**

"Nanontany azy ireo Jesosy"

**Nandidy ny vahoaka mba hipetraka amin'ny tany Izy**

Afaka atao hoe: "Jesosy nibaiko ny vahoaka, 'Mipetraka amin'ny tany'"

**hipetraka**

Ampiasao ny fomba fiteny any amin'ny faritrao mahalaza ny fomba atao rehefa tsy misy latabatra hihinanana, na mipetraka izany na mipetraka amin'ny tany.

**Mark 8:7****Ary mbola nanana izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia ampiasaina mba hanehoana an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**avy nisaotra ireo Izy**

"Jesosy nisaotra noho ilay hazandrano"

**Dia nihinana izy ireo**

"Nihinana ny olona"

**ary nalain'izy ireo**

"nalain'ireo mpianatra"

**ny sombitsombiny tavela, izay nahafeno sobika fito lehibe**

Afaka ampiana fampahafantarana io fehezanteny io: "ny sombitsombin'ny mofo sy hazandrano tavela, izay nahafeno sobika fito lehibe"

**Avy eo dia nalefany nody izy ireo**

Afaka atao ihany koa hoe: "Ary rehefa avy nihinana izy ireo, dia nalefan'i Jesosy nody" mba hampazava kokoa hoe fotoana inona no nandefasan'i Jesosy azy ireo.

**ary nandeha nankany amin'ny faritr'i Dalmanota izy ireo**

Afaka soratana eo ny fomba nandehanan'izy ireo nankany Dalmanota: "niantsambo nanodidina ny Ranomasin'i Galilia tamin'ny faritr'i Dalmanota izy ireo"

**Dalmanota**

Anaran'ny toerana ao avaratry ny sisin-dRanomasin'i Galilia.

**Mark 8:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tany Dalmanota, Jesosy dia nandà ny hanome famantarana an'ireo Fariseo alohan'ny niakaran'izy sy ny mpianany an-tsambo ary nandeha.

**Nitady famantarana izy ireo**

"Nitady azy izy ireo"

**avy any an-danitra**

Fitoeran'Andriamanitra. Hevitra ambadiaky ny hoe: Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra"

**hitsapana Azy**

Ireo Fariseo dia nitsapa an'i Jesosy mba hahatonga Azy hanaporofa fa avy amin'Andriamanitra izy. DH: "hanaporofa fa Andriamanitra no nandefa Azy"

**tany amin'ny fanahiny**

"tao amin'ny tenany"

**Nahoana no mitady famantarana ity taranaka ity?**

Mibedy azy ireo Jesosy. DH: "Tsy tokony hitady famantarana ity taranaka ity."

**ity taranaka ity**

Rehefa miresaka momba io "taranaka" io Jesosy, dia miresaka momba ireo olona izay velona amin'io fotoana io. Eto dia tafiditra ao anatin'ny ireo Fariseo. DH: "ianareo sy ity taranaka ity"

**tsy misy famantarana omena**

Afaka atao hoe: "Tsy hanome famantarana aho"

**nandao azy ireo Izy, niakatra tao an-tsambokely indray**

Niaraka taminy ireo mpianany. DH: "nandao azy ireo Izy, niakatra tao an-tsambokely indray niaraka tamin'ireo mpianany"

**ho eny am-pita**

Maneho ny Ranomasin'i Galilia izany. DH: "eny am-pitan-dranomasina"

**Mark 8:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola tao an-tsambokely Jesosy sy ireo mpianany, dia niresaka momba ny tsy fahampian'ny fahalalana eo amin'ireo Fariseo sy Heroda, na dia nahita famantarana maro aza izy ireo.

**Ary**

Io teny io dia ampiasaina mba hanamarika fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara. Eto ny mpanoratra dia miteny fampahafantarana manodidina ny fanadinoan'ireo mpianatra ny fitondrana ny mofo.

**mihoatra ny mofo iray**

Ny teny hoe "mihoatra" dia ampiasaina mba hanasongadinana ny hakelin'ny mofo izay hananan'izy ireo. DH: "mofo iray fotsiny"

**Miambena ary mitandrema**

Ireo teny roa ireo dia manana dika mitovy. Afaka atambatra ho iray ireo DH: "Mitandrema"

**masirasiran'ireo Fariseo sy ny masirasiran'i Heroda**

Eto Jesosy dia miteny filaza masaka izay tsy azon'ireo mpianany. Jesosy dia mampitaha ny fampianaran'ny Fariseo sy Heroda amin'ny lalivay, fa ianareo tsy tokony hanazava izany rehefa mandika azy satria na ireo mpianatra aza tsy nahatakatra izany.

**Mark 8:16****Noho isika tsy manana mofo izany**

Maneho izay lazain'i Jesosy io fehezanteny io. Mazava kokoa raha tenenina izay soloin'ny "izany" toerana eto: "Izy dia tsy maintsy miteny izany nohon'ny tsy fananantsika mofo"

**tsy manana mofo**

Ireo mpianatra dia tsy manana afa-tsy mofo iray, izay mitoy amin'ny hoe tsy manana ihany. DH: "mofo tena kely"

**Nahoana no amin'ny tsy fananana mofo ny fisainanareo?**

Eto Jesosy dia somary mibedy an'ireo mpianatra satria tsy nahafantatra izay tokony ho resahana izy ireo. DH: "Tsy tokony hieritreritra ianareo fa ny mofo amin'izao no resahako"

**Mbola tsy azonareo va? Mbola tsy takatrareo va?**

Ireo fanontaniana ireo dia mitovy dika ary ampiasaina miaraka mba hanasongadinana fa tsy mahafantatra izy ireo. DH: "Tokony ho azonareo sy takatrareo izao ny zavatra izay teneniko sy ataoko."

**Nanjary donto va ny fonareo?**

Izany dia fomba fiteny izay maneho azy ireo izay tsy vonona ny hahatakatra ny tian'i Jesosy ho tenenina.

DH: "Nahoana no tsy misokatra mba hahazo izay lazaiko?" na "Tsy vonona ny hahatakatra ny fonareo."

**Mark 8:18****Manana maso ianareo, fa tsy mahita va? Manan-tsofina ianareo, fa tsy mandre va? Tsy tadidinareo va?**

Jesosy dia mbola manohy ny fibedesany an'ireo mpianany. DH: "Manana maso ianareo, fa tsy mahatakatra izay hitanareo. Manan-tsofina ianareo, fa tsy mahatakatra izay renareo. Tokony hitadidy ianareo."

**dimy arivo**

"5000 olona" izay nofahanan'i Jesosy.

**sobika firy feno sombitsombin'ny mofo no nangoninareo**

Tsara kokoa raha soratana ny fotoana nanangonan'izy ireo ny sobika. DH: "dia sobika firy feno sombitsombin'ny mofo no nangoninareo rehefa nitsahatra nihinana ny olon-drehetra"

**Mark 8:20****efatr'arivo**

"4000 olona" izay nofahanan'i Jesosy.

**firy sobika ny ambiny nangoninareo?**

Tsara kokoa raha soratana ny fotoana nanangonan'izy ireo ny sobika. DH: "dia sobika firy feno sombitsombin'ny mofo no nangoninareo rehefa nitsahatra nihinana ny olon-drehetra"

**Mbola tsy takatrareo ihany va?**

Jesosy dia mbola manohy ny fibedesany an'ireo mpianany ny amin'ny tsy fahatakarana. DH: "Tokony hahatakatra izay lazaiko sy ataoko ianareo izao."

**Mark 8:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa niala ny sambo tao Betsaida Jesosy sy ireo mpianany, dia nanasitrana olona jamba Jesosy.

**Betsaida**

Tanàna iray ao avaratry ny sisin-dRanomasin'i Galilia. Jereo ny nandikanao ny anaran-tanàna ao amin'ny 6:45

**mba hikasika azy**

Tsara kokoa raha tenenina hoe nahoana no tian'izy ireo hikasika ilay lehilahy Jesosy. DH: "hikasika azy mba hanasitrana azy"

**Rehefa nandrora teo amin'ny masony Izy ... dia nanontany azy Izy**

"Rehefa nandrora teo amin'ny mason'ilay lehilahy Jesosy ... ary Jesosy nanontany ilay lehilahy"



**Mark 8:24****nijery ambony izy**

"Nijery ambony ilay lehilahy"

**Mahita olona tahaka ny hazo mandehandeha aho**

Ilay lehilahy dia mahita lehilahy mandehandeha manodidina, tsy mazava tsara aminy ireo, ka nampitahainy tamin'ny hazo izy ireo. DH: "Eny, mahita olona aho! Mandehandeha manodidina izy ireo, fa tsy hitako tsara. Tahaka ny hazo izy ireo."

**ary nahiratr'ilay lehilahy ny masony, dia niverina tamin'ny laoniny ny fahitany**

Ny fehezanteny hoe: "niverina tamin'ny laoniny ny fahitany" dia afaka atao hoe: "namerina tamin'ny laoniny ny mason'ilay lehilahy, ka nosokafan'ilay lehilahy ny masony"

**Mark 8:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Teny an-dalana ho any amin'ny tanànan'i Kaisara Filipino i Jesosy sy ny mpianany dia niresaka momba ny hoe iza Jesosy ary inona no hanjo Azy.

**Namaly Azy izy ireo ka niteny hoe**

"Namaly Azy izy ireo Izy, nanao hoe: "

**Jaona mpanao batisa**

Io no valin-tenin'ireo mpianany, izay niheveran'ny olona sasantsasany an'i Jesosy. DH: "Ny olona sasantsasany dia niteny fa ianao no Jaona Mpanao batisa"

**Ny hafa miteny hoe ... ary ny hafa hoe:**

Ny teny hoe "ny hafa" dia maneho ny olon-kafa. DH: "Ny olona sasany miteny fa ianao dia ... ary ny hafa miteny fa ianao dia"

**Mark 8:29****Nanontany azy ireo Izy**

"Nanontany an'ireo mpianany Jesosy"

**Nampitandrina azy ireo Jesosy tsy hilaza ny momba Azy na amin'iza na amin'iza**

Izy ireo dia tsy tian'i Jesosy hiteny na amin'iza na amin'iza fa Kristy Izy. DH: "Jesosy nampitandrina azy ireo mba tsy hiteny na amin'iza na amin'iza fa Izy no Kristy" na "Jesosy nampitandrina azy ireo, 'Aza miteny na amin'iza na amin'iza fa Izaho no Kristy"

**Mark 8:31****Zanak'Olona**

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**ho lavin'ny loholona ... ka hitsangana amin'ny maty afaka telo andro**

DH: "ary ireo loholona sy ireo lohan'ny mpisorona ary mpanora-dalàna handà Azy, ary ireo lehilahy

ireo hamono Azy fa afaka telo andro dia hitsangana amin'ny maty Izy"

**Nolazainy mazava tsara izany**

"Izy nilaza izany tamin'io fomba io mba hampamora takatra kokoa"

**nanomboka niteny mafy Azy**

Petera niteny mafy an'i Jesosy tamin'ny filazana ireo zavatra izay hanjo ny Zanak'Olona. DH: "nanomboka niteny mafy Azy tamin'ny filazany ireo zavatra ireo"

**Mark 8:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nitenenany mafy an'i Petera noho ny tsy fitiavany an'i Jesosy ho faty ary hitsangana indray, Jesosy niteny tamin'ireo mpianany sy ireo vahoaka ny fomba hanarahana Azy.

**Mialà lavitra Ahy, ry Satana! Tsy misaina ianao**

Ny tian'i Jesosy lazaina dia hoe: mihevitra toa an'i Satana Petera satria izy dia misakana an'i Jesosy amin'ny fanatanterahana izay nanirahan'Andriamanitra Azy. DH: "Mialà lavitra Ahy, ry Satana! Antsoiko hoe Satana ianao satria tsy misaina" na "Mialà lavitra Ahy, satria mihevitra toa an'i Satana ianao! Tsy misaina ianao"

**Mialà lavitra Ahy**

"Any ivohoko ianao"

**hanaraka Ahy**

Ny fanarahana an'i Jesosy eto dia maneho hoe ho isan'ireo mpianany. DH: "tongava ho mpianatro" na "tongava ho isan'ireo mpianatro"

**dia tsy maintsy mandà ny tenany**

"tsy manatanteraka ny sitrapony manokana" na "tsy maintsy mahafofy ny faniriany manokana"

**maka ny hazofijaliany, ary manaraka Ahy**

"mitondra ny hazofijalianay sy manaraka Azy." Ny hazofijaliana dia maneho fahoriana sy fahafatesana. Ny fandraisana ny hazofijaliana dia maneho ny sitrapo te-hijaly sy te-ho faty. DH: "tsy maintsy mankato Ahy na dia hijaly sy ho faty aza"

**ary manaraka Ahy**

Ny fanarahana an'i Jesosy eto dia maneho fankatoavana Azy. DH: "ary mankato Ahy"

**Mark 8:35****Na iza na iza te-**

"Izay rehetra te-"

**ny ainy**

Maneho ny fiainana ara-batana sy fiainana arapanahy.

**noho ny amiko sy ny filazantsara**

"noho Izaho sy ny filazantsara." Jesosy dia miresaka momba ny olona izay maty nohon'ny fanarahan'izy ireo an'i Jesosy sy ny filazantsara. DH: "satria izy ireo nanaraka Ahy ary niteny ny filazantsara tamin'ny hafa"

**Fa inona anefa no tombontsoa azon'ny ny olona iray, raha mahazo izao tontolo izao, ary avy eo very ny ainy?**  
DH: "Na dia mahazo izao tontolo izao aza ny olona iray, dia tsy ho tombontsoany izany raha maha-very ny ainy."

**mahazo izao tontolo izao**

Jesosy dia mampiasa filaza masaka mba hanasongadinana fa tsy misy na inona na inona mendrika hanarianao ny ainao eto amin'izao tontolo izao. DH: "raha mahazo ny zava-drehetra eto amin'izao tontolo izao izy"

**Inona no afaka omen'ny olona iray ho takalon'ny ainy?**

Afaka atao hoe: "Tsy misy zavatra azon'olona iray atakalony amin'ny ainy" na "Tsy misy na iza na iza afaka manakalo ny ainy amin'ny zavatra hafa."

**Inona no afaka omen'ny olona iray**

DH: "Inona no afaka omen'ny olona iray an'Andriamanitra"

**Mark 8:38**

**amin'ity taranaka mijangajanga sy mpanota ity**

Ny firesahan'i Jesosy momba io taranaka io ho "mpijangajanga," dia midika fa tsy manam-pinoana amin'ny fifandraisan'izy ireo amin'Andriamanitra izy ireo. DH: "amin'ity taranak'olona izay nijangajanga nanohitra an'Andriamanitra ity dia feno fahotana tokoa" na "amin'ity taranak'olona izay tsy manam-pinoana amin'Andriamanitra ity dia feno fahotana tokoa"

**Zanak'Olona**

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**rehefa tonga izy**

"rehefa niverina izy"

**ao amin'ny voninahitry ny Rainy**

Rehefa miverina Jesosy dia hanana voninahitra mitovy amin'ny Rainy.

**miaraka amin'ireo anjely masina Izy**

"otronin'ireo anjely masina"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa misy aminareo izay mitsangana eto no tsy hanandrana izany fahafatesana izany mialohan'ny hahitan'izy ireo ny fanjakan' Andriamanitra izay ho avy amin'ny hery lehibe." <sup>2</sup> Ary enina andro taty aorina, dia nentin'i Jesosy niaraka taminy Petera sy Jakoba ary Jaona teny amin'ny tendrombohitra avo, ary izy ireo irery no tany. Avy eo niova tarehy teo anatrehan'izy ireo Izy. <sup>3</sup> Ny fitaifiany niova nanjelanjelatra no sady mazava, ary fotsy indrindra, fotsy mihoatra ny zavatra nampamotsiana indrindra teto ambonin'ny tany. <sup>4</sup> Avy eo Elia sy Mosesy niseho tamin'izy ireo, ary niresaka tamin'i Jesosy izy ireo. <sup>5</sup> Petera namaly ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Raby ô, tsara raha mitoetra eto isika, koa andeha hanao lay telo, ny iray ho Anao, ny iray ho an'i Mosesy, ary ny iray ho an'i Elia." <sup>6</sup> (Fa tsy fantany izay tokony ho tenenina, satria natahotra mafy izy ireo.) <sup>7</sup> Nisy rahona tonga ka nanarona azy ireo. Ary nisy feo nivoaka avy ao anatin'ny rahona hoe: "Ity ny Zanak'Olona. Mihainoa Azy." <sup>8</sup> Tampoka teo, raha nijery ny manodidina izy ireo, dia tsy nahita na iza intsony, afa-tsy Jesosy irery ihany. <sup>9</sup> Raha nidina avy eny an-tendrombohitra izy ireo, dia nodidiany mafy mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza ny zavatra hitan'izy ireo, raha tsy efa mitsangana amin'ny maty ny Zanak'Olona. <sup>10</sup> Ary dia notanan'izy ireo ho azy ireo izany teny izany, kanefa nifampanontany ireo ny amin'ny mety ho dikan'izany "fitsanganana amin'ny maty" izany. <sup>11</sup> Nanontany Azy izy ireo hoe: "Nahoana ireo mpanora-dalàna no manambara fa tsy maintsy ho avy mialoha Elia?" <sup>12</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Efa tonga voalohany Elia hanarina ny zavatra rehetra. Ary nahoana no voasoratra fa ny Zanak'Olona dia hijaly mafy amin'ny zavatra maro ary hatao toy ny olona tsy misy dikany?" <sup>13</sup> Nefa lazaiko aminareo fa efa tonga Elia, ary nataon'ny olona taminy izay sitraky ny fony, araka izay efa voalazan'ny Soratra Masina momba azy." <sup>14</sup> Ary rehefa niverina teo amin'ny mpianatra izy ireo, dia nahita vahoaka be nanodidina azy ireo ary ireo mpanora-dalàna niady hevitra taminy. <sup>15</sup> Raha vao nahita an'i Jesosy izy ireo, dia talanjona ny vahoaka rehetra ary raha iny nihazakazaka nanatona Azy iny izy ireo dia niarahaba Azy. <sup>16</sup> Nanontany ireo mpianany Izy hoe: "Momba ny inona no hiadianareo hevitra amin'ireo." <sup>17</sup> Ary nisy iray tamin'ireo vahoaka namaly Azy hoe: "Mpampianatra ô, nentiko ho eto aminao ny zanako lahy. Misy fanahy ratsy tsy mampiteny azy izy." <sup>18</sup> Misambotra azy io ka mampienjerazera azy ary mandoa vory izy, mikitro-nify, ary lasa mihenjana izy. Nangataka tamin'ireo mpianatrao ny tenako mba hamoaka izany hiala aminy, kanefa tsy vitan'izy ireo izany." <sup>19</sup> Ary namaly azy ireo Izy hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hitoerako eto aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento ety amiko izy." <sup>20</sup> Ary nentina teo aminy ilay zazalahy, ary raha vao nahita an'i Jesosy ilay fanahy ratsy, dia nampifanintontsitona azy izany. Nianjera tamin'ny tany ilay zazalahy ary feno vory ny vavany. <sup>21</sup> Jesosy nanontany ny rainy hoe: "Hafiriana no naha- toy izao azy?" Dia hoy ny ray hoe: "Efa hatramin'ny fahazazany." <sup>22</sup> Indraindray io fanahy ratsy io nandavo azy tany anaty afo na tany anaty rano ary nanandrana ny hamotika azy. Raha mahay manao ny zavatra rehetra ianao, dia miantrà anay ary ampio izahay." <sup>23</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "'Raha mahay ianao?' <sup>24</sup> Ny zavatra rehetra dia hain'izay mino." Ary niaraka tamin'izay ny rain'ilay zaza dia nihiaka mafy nanao hoe: "Mino aho! Ampio aho amin'ny tsy finoako!" <sup>25</sup> Rehefa hitan'i Jesosy ireo vahoaka nihazakazaka nanatona azy ireo, dia noteneniny mafy ilay fanahy maloto ary nanao hoe: "Ry fanahy moana sy marenina, mandidy anao Aho, mivoaha aminy, ary aza miverina miditra ao aminy intsony." <sup>26</sup> Nihiakiaka mafy izany ka nampifanintona mafy ilay zazalahy ary avy eo nivoaka. Tahaka ny olona maty ilay zazalahy, ka maro no niteny hoe: "Maty izy." <sup>27</sup> Fa Jesosy nandray azy tamin'ny tanana ka nanarina azy, dia nitsangana ilay zazalahy. <sup>28</sup> Ary rehefa niditra tao an-trano Jesosy, dia nanontany Azy manokana ireo mpianany hoe: "Nahoana izahay no tsy nahavoaroaka ilay fanahy ratsy?" <sup>29</sup> Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ny tahaka ireny dia tsy afaka roasina afa-tsy amin'ny alalan'ny vavaka." <sup>30</sup> Niala teo izy ireo ary nandalo tany Galilia. Tsy tiany ho fantatr'iza na iza hoe taiza izy ireo, <sup>31</sup> fa mpianatra ireo mpianany Izy. Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ny Zanak'Olona dia hatolotra eny an-tanan'ny olona, ka ho vonoin'izy ireo Izy. Ary rehefa voavono Izy, dia hitsangana amin'ny maty indray afaka telo andro." <sup>32</sup> Fa tsy takatr'izy ireo io fanambarana io, ary natahotra izy ireo hanontany Azy. <sup>33</sup> Avy eo tonga tao Kapernaomy izy ireo. Rehefa avy niditra tao an-trano Izy dia nanontany azy ireo hoe: "Inona ny zavatra nifampiresahanareo teny an-dalana?" <sup>34</sup> Fa nangina izy ireo. Satria efa niady hevitra teny an-dalana izy ireo ny amin'izay lehibe indrindra. <sup>35</sup> Nipetraka, dia niantso ireo roambinifolo lahy niaraka Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha misy te-ho voalohany, dia tsy maintsy farany amin'ny rehetra izy ary ho mpanompon'ny rehetra." <sup>36</sup> Naka zazakely iray Izy ary nataony teo anivon'izy ireo. Notrotroiny teny an-tsandriny izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: <sup>37</sup> "Na iza na iza mandray ny zaza tahaka izao amin'ny anarako, dia mandray Ahy koa, ary raha ka misy mandray Ahy, dia tsy mandray Ahy irery izy, fa ilay naniraka Ahy koa." <sup>38</sup> Hoy Jaona Taminy hoe: "Mpampianatra ô, nahita olona namoaka demonia tamin'ny

anaranao izahay ary noraràny izy, satria tsy manaraka antsika." <sup>39</sup> Fa Jesosy nanao hoe: "Aza mandrara azy, fa tsy misy olona hanao asa lehibe amin'ny anarako nefa vetivety aorian'izay dia hilaza zavatra ratsy momba Ahy. <sup>40</sup> Na iza na iza tsy manohitra antsika dia momba antsika. <sup>41</sup> Na iza na iza manome anao rano eran'ny kaopy ho sotroina satria an'i Kristy ianao, dia lazaiko aminao marina tokoa, fa tsy ho very ny valim-pitiany. <sup>42</sup> Fa na iza na iza manafintohina ny iray amin'ireo kely mino Ahy ireo, dia tsara ho azy ny anantonana vato lehibe fikosoham-bary mifatotra eo amin'ny vozony ary hazera any an-dranomasina. <sup>43</sup> Raha ny tananao no mahatonga anao ho tafintohina, tapaho izany. Fa tsara aminao ny miditra kilemaina any amin'ny fiainana toy izay manana tanan-droa ary handeha any amin'ny helo, any amin'ny afo tsy mety vonoina. <sup>44</sup><sup>[1]</sup><sup>45</sup> Raha ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izany. Tsara kokoa aminao ny miditra mandringa any amin'ny fiainana noho ny manana tongotra roa ary hariana any amin'ny helo. <sup>46</sup><sup>[2]</sup><sup>47</sup> Raha ny masonao no manafintohina anao, esory hiala izany. Tsara aminao ny miditra ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin'ny maso tokana toy izay maso roa ary hariana any amin'ny helo, <sup>48</sup> any amin'ny toerana izay tsy mahafaty ny kankan'izy ireo, ary ny afo tsy mety vonoina. <sup>49</sup> Fa ny olona rehetra dia samy ho voasira amin'ny afo. <sup>50</sup> Tsara ny sira, fa raha ny sira no tonga matsatso, ahoana no ahafahanao mampasira azy indray? Asio sira ao aminareo, ary mihavàna amin'ny tsirairay avy."

## Footnotes

9:44 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny fehezanteny ao amin'ny andininy faha44 sy 46 hoe: "'Izay tsy maty mihitsy ny kankan'izy ireo ary ny afo tsy ho faty mandrakizay.'"

9:46 <sup>[2]</sup>Jereo ny fanamarihana eo amin'ny andininy faha 44.

## Mark 9:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy miresaka amin'ny olona sy amin'ireo mpianany momba ny fanarahana Azy. Enina andro taty aoriana, Jesosy nandeha niaraka tamin'ny telo tamin'ireo mpianany nankany an-tendrombohitra izay niovary endrika, ka niendrika tahaka ny hoe Izy any amin'ny fanjakan'Andriamanitra indray andro any Izy.

### Ary hoy Izy tamin'izy ireo

"Ary hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

### ny fanjakan' Andriamanitra izay ho avy amin'ny hery lehibe

Ny fanjakan'Andriamanitra ho avy dia misolo toerana ny fanehoan'Andriamanitra ny mahanjaka Azy. DH: "Andriamanitra dia maneho ny tenany amin'ny hery lehibe tahaka ny mpanjaka"

### ary izy ireo irery no tany

Ny mpanoratra dia mampiasa ny mpisolo tena "izy ireo" mba hanasongadinana fa irery izy ireo ary Jesosy, Petera, Jakoba, ary Jaona ihany no niakatra tany an-tendrombohitra.

### niova tarehy Izy

DH: "hafa tanteraka ny endriny"

### nanjelanjelatra no sady mazava

"manjelatra" na "mampiratra." Ny akanjon'i Jesosy dia tena fotsy ka nampita na namono ny hazavana.

### fotsy mihoatra ny zavatra nampamotsiana indrindra teto ambonin'ny tany

Zavatra nampamotsiana dia mamaritra ny fomba famotsiana volon'ondry fotsy natoraly ho fotsy kokoa amin'ny alalan'ny fampiasana famotsiana simika. DH: "fotsy mihoatra noho ny fahafahan'ny olona iray mamotsy azy ireo eto ambonin'ny tany"

## Mark 9:4

### Elia sy Mosesy

Tsara kokoa raha tenenina hoe iza ireo lehilahy ireo. DH: "mpaminany roa izay velona efa ela, Mosesy sy Elia"

### ary niresaka izy ireo

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Elia sy Mosesy.

### Petera namaly ka niteny tamin'i Jesosy hoe:

"Petera niteny tamin'i Jesosy." Eto ny teny hoe: "namaly" dia ampiasaina mba hanolorana an'i Petera ao anatin'ny resaka. Petera dia tsy hoe namaly fanontaniana akory.

### isika

Io teny io dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary i Jaona.

### lay

"lay." Maneho fitoerana mandritra ny fotoana vetivety.

**(Fa tsy fantany izay tokony ho tenenina, satria natahotra mafy izy ireo)**

Io teny anaty fonosana io dia manome fampahafantarana kely momba an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**natahotra mafy**

"nihorohoro fatratra" na "tena natahotra tokoa"

## Mark 9:7

**tonga ka nanarona**

"niseho ary nanarona"

**Ary nisy feo nivoaka avy ao anatin'ny rahona**

Ny hoe: "feo" dia teny ambadika hilazana an'Andriamanitra. Ary koa, ny "feo" dia voafaritra hoe: " nivoaka avy any amin'ny rahona," izay midika fa izy ireo dia naheno an'Andriamanitra niteny avy any amin'ny rahona" DH: "Avy eo Andriamanitra niteny avy eny amin'ny rahona"

**Ity ny Zanak'Olona. Mihainoa Azy**

Andriamanitra ilay Ray dia maneho ny fitiavany ho an'ny "Zanaka Malalany," ilay Zanak'Andriamanitra.

**Zanaka Malala**

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**raha nijery izy ireo**

Eto ny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary i Jaona.

## Mark 9:9

**dia nodidiany mafy izy ireo mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza ... raha tsy efa mitsangana amin'ny maty ny Zanak'olona**

Izany dia midika fa mamela azy ireo hiteny amin'ny olona momba izay hitan'izy ireo Izy fa kosa rehefa aorian'ny fitsanganana amin'ny maty ihany.

**fitsanganana amin'ny maty**

Izany dia midika hoe: "velona indray"

**Ary dia nitana izany teny izany ho azy izy ireo**

Eto ny teny hoe: "nitana izany ho azy izy ireo" dia fomba fiteny izay midika fa tsy niteny tamin'iza na izay momba izay hitany izy ireo. DH: "Ka tsy niteny izay hitan'izy ireo tamin'iza na iza izy ireo"

## Mark 9:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Na dia i Petera, Jakoba, ary Jaona aza naminavina izay tian'i Jesosy tenenina amin'ny hoe: "fitsanganana amin'ny maty," fa kosa nanontany Azy momba ny fahatongavan'i Elia izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny UDB dia mampiasa ny andininy tetezamita mba hampifandraisana ny andininy faha-12 sy 13, izay

manome fampafahantarana momba an'i Jesosy miteny azy ireo mba hampamora azo izay lazainy.

**Nanontany Azy izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary i Jaona.

**Nahoana ireo mpanora-dalàna no manambara fa tsy maintsy ho avy mialoha Elia?**

Ny faminaniana dia efa nilaza mialoha fa Elia dia ho tonga avy an-danitra indray. Avy eo dia ny Mesia, izay Zanak'Olona, ho avy hanapaka sy hanjaka. Ny faminaniana hafa dia efa nilaza mialoha fa ny Zanak'olona dia hijaly ary ho ankahalain'ny olona. Ireo mpianatra dia very hevitra tamin'ny hoe ahoana no hahamarina an'ireo zavatra roa ireo.

**fa tsy maintsy ho avy mialoha Elia**

Ireo mpanora-dalàna dia nieritreritra fa Elia dia hiverina eto an-tany alohan'ny hahatongavan'ny Mesia. DH: "fa tsy maintsy Elia no tonga voalohany alohan'ny hahatongavan'ny Mesia"

**Ary nahoa no voasoratra fa ... tsy misy dikany?**

Ary raha nampianatra ireo mpianany Jesosy, dia nametraka io fanontaniana io izy ary niteny ny valiny tamin'ireo mpianany. DH: "Fa Izaho ihany koa dia te-hihevitra izay voasoratra momba ny Zanak'Olona. Ny soratra masina dia milaza fa tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro ary ho tahaka ny olona tsy misy dikany Izy"

**hatao toy ny olona tsy misy dikany**

Afaka atao ihany koa hoe: "ary ny olona hanao Azy tahaka ny olona tsy misy dikany"

**ary nataon'izy ireo taminy izay sitraky ny fon'izy ireo**

Afaka atao hoe: "ary nataon'ny loholontsika ratsy fitondra Izy, araka izay tian'izy ireo hatao"

## Mark 9:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nidina avy any an-tendrombohitra Jesosy, Petera, Jakoba, ary Jaona, dia nahita an'ireo mpanora-dalàna nifanditra tamin'ireo mpianatra hafa.

**niverina teo amin'ny mpianatra izy ireo**

Jesosy, Petera, Jakoba, ary Jaona niverina teo amin'ireo mpianatra hafa izay tsy nandeha niaraka tamin'izy ireo tany an-tendrombohitra.

**ireo mpanora-dalàna niady hevira tamin'izy ireo**

Ireo mpanora-dalàna niady hevira tamin'ireo izay tsy nandeha niaraka tamin'i Jesosy.

**talanjona**

Tsara kokoa raha soratana izay nahatalanjona azy ireo. DH: "talanjona tamin'ny fahatongavan'i Jesosy"

**Mark 9:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mba hanazavana izay nifandiran'ny mpanora-dalàna sy ireo mpianatra hafa hevitra, ny rain'ilay lehilahy misy demonia niteny an'i Jesosy fa nangataka an'ireo mpianatra mba handroaka an'ilay demonia ao amin'ny zanany izy, fa tsy afaka izy ireo. Ka nandroaka ilay demonia tao amin'ilay zazalahy kely Jesosy. Taoriana kely dia nanontany an'ireo mpianatra Jesosy hoe nahoana no tsy nahavita nandroaka ilay demonia izy ireo.

**Misy fanahy**

Izany dia midika fa misy fanahy maloto ilay zazalahy kely. "Manana fanahy maloto izy" na "Izy dia voafatotry ny fanahy maloto"

**mandoa vory izy**

Rehefa mihetsika devoly ny olona iray, dia mety manana olana ara-pisefoana na fitelomana. Izany dia miteraka vory fotsifotsy mivoaka amin'ny vavany. Raha manana teny hafa hamaritana izany ny faritra misy anao dia afaka hampiasaina eto.

**ary lasa mihenjana izy**

"ary lasa mihenjana ny vatany"

**tsy vitan'izy ireo**

Afaka ampiana io teny io. DH: "tsy vitan'izy ireo ny nitondra izany nivoaka"

**Ary namaly azy ireo Izy**

Na dia ny rain'ilay zaza aza no nangataka tamin'i Jesosy, dia namaly ireo vahoaka Jesosy. Afaka atao mazava tsara izany. DH: "Jesosy namaly ireo vahoaka"

**taranaka tsy mino**

"Ianareo ry taranaka tsy mino." Jesosy niantso tahaka izany an'ireo vahoaka, raha nanomboka namaly azy ireo Izy.

**mandra-pahoviana no hitoerako eto aminareo? ... no handeferako aminareo?**

Jesosy dia mampiasa ireo fanontaniana ireo mba hanehoana ny fahasorany. Ireo fanontaniana roa ireo dia mitovy dika. DH: "Reraka amin'ny tsy finoanareo Aho!" na "Mandrera Ahy ny tsy finoanareo! Manontany tena Aho hoe mandra-pahoviana no handeferako aminareo"

**handeferako aminareo**

"miaritra anareo" na "mitoetra eo anilanareo"

**Ento ety amiko izy**

"Ento ety amiko ilay zazalahy kely"

**Mark 9:20****fanahy**

Maneho ilay fanahy maloto. Jereo izay nandikananao ny tao amin'ny 9:17

**nampifanintontsitona**

Fotoana tsy hananan'ny olona iray fifehezana ny tenany, ka mangovingovitra mafy ny tenany.

**Efa hatramin'ny fahazazany**

"Efa hatramin'ny naha-zaza azy." DH: "Izy dia efa tahaka izao hatramin'ny naha-zaza azy"

**miantrà**

"manàna famindram-po"

**Mark 9:23****Raha mahay ianao**

Jesosy dia mibedy an'ilay lehilahy ny amin'ny fiahiahiany. DH: "Jesosy niteny taminy hoe: "Nahoana ianao no miteny hoe: "Raha mahay ianao?" na "Hoy Jesosy taminy: "Tsy tokony niteny ianao hoe: "Raha mahay ianao!"

**mahay**

"mahay manao ny zava-drehetra"

**Ny zavatra rehetra dia hain'izay mino.**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia afaka manao ho an'ny olona izay mino Azy ny zavatra rehetra."

**izay**

"ho an'ny olona iray"

**izay mino**

Maneho ny finoana an'Andriamanitra. DH: "finoana an'Andriamanitra"

**Ampio ny tsy finoako**

Ilay lehilahy dia mangataka amin'i Jesosy mba hanampy azy amin'ny tsy finoany ary hampitombo ny finoany. DH: "Ampio aho rehefa tsy mino" na "Ampio aho mba hitombo finoana"

**ireo vahoaka nihazakazaka nanatona azy ireo**

Izany dia midika fa olona maro no nihazakazaka nanatona teny amin'izay nisy an'i Jesosy ary niha-betsaka ny vahoaka teny.

**Ry fanahy moana sy marenina**

Ny teny hoe: "moana" sy "marenina" dia afaka hazavaina. DH: Ianao ry fanahy maloto, ianao no mahatonga an'ilay zazalahy kely tsy afaka mandre sy tsy afaka miteny"

**Mark 9:26****Nihiakiaka mafy**

"Nihiakiaka mafy ilay fanahy maloto"

**nampifanintona mafy ilay zazalahy**

"nampiovitrovitra mafy an'ilay zazalahy kely"

**nivoaka**

Afaka ampiana kely hoe: "nivoaka tao amin'ilay zazalahy kely"

**Tahaka ny olona maty ilay zazalahy**

Ny endrik'ilay zazalahy kely dia nampitahaina tamin'ny olona efa maty. DH: "Tahaka ny hoe maty ilay zazalahy kely" na "Tahaka ny olona efa maty ilay zazalahy kely"

**ka maro**

"ka maro ny olona"

**nandray azy tamin'ny tanana**

Izany dia midika fa nisambotra ny tanan'ilay zazalahy kely tamin'ny tanany Jesosy" DH: "nisambotra ilay zazalahy kely tamin'ny tanany"

**nanarina azy**

"nanampy azy hitsangana"

**Mark 9:28****manokana**

Midika izany fa irery izy ireo.

**nahavoaroaka ilay**

"nahavoaroaka ilay fanahy maloto." Afaka ampiana fampahafantarana kely izany: " nahavoaroaka ilay fanahy maloto tao amin'ilay zazalahy kely"

**Ny tahaka ireny dia tsy afaka havoaka afa-tsy amin'ny alalan'ny vavaka**

Afaka atao ihany koa hoe: "Ny vavaka ihany no afaka handroahana ny tahaka ireny"

**ny tahaka ireny**

Maneho an'ireo fanahy maloto. DH: "Ny tahaka ireny fanahy maloto ireny"

**Mark 9:30****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy sy ireo mpianany niala ny trano izay nisy azy ireo taorian'ny nanasitranany an'ilay zazalahy nisy demonia. Naka fotoana hampianarana mitokana an'ireo mpianany Izy.

**Niala teo izy ireo**

"Niala teo amin'io faritra io Jesosy sy ireo mpianany"

**nandalo tany Galilia**

"nandalo tamin'i Galilia"

**fa nampianatra ireo mpianany Izy**

Jesosy nampianatra mitokana an'ireo mpianany, lavitry ireo vahoaka. DH: "nampianatra mitokana an'ireo mpianany Izy"

**Zanak'Olona**

Eto Jesosy dia maneho ny tenany manokana tahaka ny Zanak'Olona. Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy. "Izaho, no Zanak'Olona,"

**eny an-tanan'ny olona**

Eto ny "tanana" dia hevitra ambadiaky ny fahefana. DH: "eo amin'ny fahefan'ny olombelona"

**Ary rehefa novonoina Izy, dia hitsangana amin'ny maty indray afaka telo andro**

Afaka atao ihany koa hoe: "Taorian'ny namonoan'izy ireo Azy ary afaka telo andro dia,"

**ary natahotra izy ireo hanontany Azy**

Natahotra ny hanontany an'i Jesosy ny amin'izay tiany ho tenenina izy ireo. DH: "Natahotra ny hanontany Azy ny amin'izay tiany ho tenenina izy ireo"

**Mark 9:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa tonga tao Kapernaomy izy ireo, Jesosy nampianatra an'ireo mpianany ny maha-mpanompo manetry tena.

**tonga tao izy ireo**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**nifampiresahanareo**

"fifampiresahana amin'ny hafa"

**Fa nangina izy ireo**

Nangina izy ireo satria menatra ny hanontany an'i Jesosy izay nifampiresahan'izy ireo. DH: "nangina izy ireo satria menatra"

**izay lehibe indrindra**

Afaka ampiana kely ny fampahafantarana: "izay lehibe indrindra tamin'izy ireo"

**Raha misy te-ho voalohany, dia tsy maintsy farany amin'ny rehetra izy**

Jesosy dia miresaka ny "manan-danja indrindra" ho "voalohany" ary "tsy manan-danja indrindra" ho "farany". DH: "Raha misy te ho ataon'Andriamanitra ho manan-danja indrindra amin'ny rehetra, dia tsy maintsy manao azy ho tsy manan-danja indrindra amin'ny rehetra izy"

**amin'ny rehetra ... ho mpanompon'ny rehetra**

"amin'ny olona rehetra ... ho mpanompon'ny olona rehetra"

**Mark 9:36****teo anivon'izy ireo**

"teo amin'izy ireo." Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ireo vahoaka.

**Nalainy notrotroina izy**

Izany dia midika fa nofihiny na noraisiny ilay zaza ary napetrany teo amin'ny feany.

**zaza tahaka**

"zaza iray tahaka izany"

**amin'ny anarako**

Izany dia midika fanaovan-javatra iray nohon'ny fitiavana an'i Jesosy. DH: "satria tia Ahy izy ireo" na "noho ny amiko"

**Ilay naniraka Ahy**

Izany dia maneho an'Andriamanitra izay naniraka Azy ety an-tany. DH: "Andriamanitra izay naniraka Ahy"

**Mark 9:38****Hoy Jaona Taminy**

"Jaona niteny tamin'i Jesosy"

**namoaka demonia**

"nandroaka ireo demonia." Izany dia maneho ny fandroahana demonia ao amin'ny olona. DH: "nandroaka demonia tao amin'ny olona"

**amin'ny anarako**

Eto ny hoe: "anarako" dia mifandray amin'ny fahefana sy herin'i Jesosy. DH: "amin'ny alalan'ny fahefan'ny anaranao" na "amin'ny alalan'ny herin'ny anaranao"

**tsy manaraka antsika izy**

Izany dia midika fa tsy ao anatin'ny vondron'ny mpianatr'izy ireo. DH: "tsy iray amintsika izy" na "tsy tokony hiaraka handeha amintsika izy"

**Mark 9:40****momba antsika**

Afaka atao mazava tsara kokoa: "niezaka hanatratra ny tanjona"

**manome anao rano eran'ny kaopy ho sotroina satria an'i Kristy ianao**

Jesosy miteny momba ny fanomezana rano amin'ny kaopy ho ohatra amin'ny fanampian'ny olona iray ny olon-kafa. Izany dia sarin-tenin'ny fanampiana olona amin'ny fomba rehetra.

**tsy ho very**

Afaka atao hoe: "mandray tanteraka"

**Mark 9:42****vato lehibe fikosoham-bary**

lehibe, vato boribory ampiasaina mba hikoseham-bary atao lafarinina

**Raha ny tananao no mahatonga anao ho tafintohina**

Eto ny hoe "tanana" dia hevitra ambadiky ny faniriana te-hanao zavatra feno fahotana amin'ny tananao. DH: "Raha mitady hanao zavatra feno fahotana amin'ny tananao iray ianao"

**ny miditra kilemaina any amin'ny fiainana**

"kilemaina ary miditra any amin'ny fiainana" na "kilemaina alohan'ny hidirana any amin'ny fiainana"

**miditra any amin'ny fiainana**

Maty ary avy eo manomboka miaina ny fiainana tsy misy fiafarana no atao hoe miditra any amin'ny fiainana. DH: "miditra any amin'ny fiainana mandrakizay" na "maty ary manomboka miaina ny fiainana mandrakizay"

**kilemaina**

misy tsy ampy amin'ny vatana nohon'ny fanapahana na naratra. Eto dia tanana no tsy ampy. DH: "tsy misy tanana ilany"

**any amin'ny afo tsy mety vonoina**

"any amin'ny afo tsy mety maty"

**Mark 9:45****Raha ny tongotrao no manafintohina anao**

Eto ny hoe "tongotra" dia hevitra ambadiky ny faniriana te-hanao zavatra feno fahotana amin'ny tongotra, toy ny fandehanana any amin'ny toerana izay tsy tokony alehanao. DH: "Raha mitady hanao zavatra feno fahotana amin'ny tongotra iray ianao"

**ny miditra mandringa any amin'ny fiainana**

"mandringa ary miditra any amin'ny fiainana" na "mandringa alohan'ny hidirana any amin'ny fiainana"

**miditra any amin'ny fiainana**

Maty ary avy eo manomboka miaina ny fiainana tsy misy fiafarana no atao hoe miditra any amin'ny fiainana. DH: "miditra any amin'ny fiainana mandrakizay" na "maty ary manomboka miaina ny fiainana mandrakizay"

**mandringa**

"tsy afaka mamindra tsara." Eto izany dia maneho ny tsy fahafahana mamindra tsara satria tsy ampy tongotra iray. DH: "tsy misy tongotra ilany"

**ary hariana any amin'ny helo**

Afaka atao hoe: "ary Andriamanitra no hanipy anareo any amin'ny helo"

**Mark 9:47****Raha ny masonao no manafintohina anao**

Eto ny hoe "maso" dia hevitra ambadiky ny 1) faniriana te-hanota amin'ny fijerena zavatra. DH: "Raha maniry hijery zavatra feno fahotana amin'ny masonao ianao dia esory hiala ny masonao." na "Faniriana te-hanota amin'izay nojerena. DH: "Raha mitady hanao zavatra feno fahotana amin'izay hitanao ianao, dia esory hiala ny masonao"

**miditra ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin'ny maso tokana toy izay maso roa**

Izany dia maneho ny toetoetry ny vatan'ny olona iray rehefa maty izy. Ny olona iray dia tsy mitondra ny vatany miaraka aminy mankany amin'ny fiainana mandrakizay. DH: "miditra ny fanjakan'Andriamanitra, taorian'ny niainana teto"



an-tany miaraka amin'ny maso tokana, toy izay niaina teto an-tany ary nanana maso roa"

**ary hariana any amin'ny helo**

Afaka atao hoe: "ary Andriamanitra no hanipy anareo any amin'ny helo"

**any amin'ny toerana izay tsy mahafaty ny kankan'izy ireo**

Afaka atao ihany koa hoe: "any amin'ny toerana izay tsy mahafaty ny kankana mihinana ny olona"

**Mark 9:49**

**Fa ny olona rehetra dia samy ho voasira amin'ny afo**

Eto Jesosy dia miteny ny olon-drehetra voadio amin'ny fijaliana. Jesosy miresaka momba ny

fijalian'ny olona amin'ny afo sy ny fijalian'ny olona amin'ny fanasiana sira amin'izy ireo. DH: "Toy ny hanadiovan'ny sira ny sorona, no hanadiovan'Andriamanitra ny olon-drehetra amin'ny famelana azy ireo hijaly"

**ahoana no ahafahanao mampasira azy indray?**

Afaka atao hoe: "tsy afaka ataonao masira intsony izany"

**Asio sira ao aminareo**

Jesosy dia miresaka momba ny fanaovana zavatra tsara ho an'ny hafa tahaka ny hoe ny zavatra tsara no sira hananan'ny olona. DH: "Manaova ny tsara mba hampianatra ny hafa, toy ny sira atao amin'ny sakafo"

## Chapter 10

<sup>1</sup> Niala teo amin'izany toerana izany Jesosy ary nandeha tany amin'ny faritr'iJodia sy teny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana, ary nankeo aminy indray ny vahoaka. Ary araka ny fanaony, dia nampianatra azy ireo indray Izy. <sup>2</sup> Dia nanatona Azy ireo fariseo mba hitsapa Azy ka nanontany hoe: "Ara-dalàna ho an'ny lehilahy va ny misaraka amin'ny vadiny?" <sup>3</sup> Namaly Izy hoe: "Inona no nandidian'i Mosesy anareo?" <sup>4</sup> Dia hoy izy ireo hoe: "Mosesy dia namela ny lehilahy iray hanoratra taratasy fanamarinana fisaraham-panambadiana ary mandefa azy avy eo." <sup>5</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nohon'ny hamafin'ny fonareo no nanoratany ho anareo izany lalàna izany." <sup>6</sup> "Fa tany am-piandohan'ny famoronana, 'Andriamanitra nanao azy ireo ho lahy sy vavy.'" <sup>7</sup> 'Amin'izany antony izany dia handao ny rainy sy reniny ny lahy ka hikambana amin'ny vadiny, <sup>8</sup> ary hanjary ho nofo iray izy roa.' Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray ihany. <sup>9</sup> Koa izay nakamban'Andriamanitra, dia aoka tsy ho sarahin'olombelona." <sup>10</sup> Ary rehefa tao an-trano izy ireo, dia mbola namerina nanontany mikasika izany indray ireo mpianatra. <sup>11</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na iza na iza lehilahy misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa dia mijangajanga. <sup>12</sup> Raha misaraka amin'ny vadiny ny vehivavy ka manambady lehilahy hafa, dia mijangajanga izy." <sup>13</sup> Avy eo izy ireo dia nitindra ny zanak'izy ireo teo Aminy mba hametrahany tanana, fa nobedesin'ireo mpianatra izy ireo. <sup>14</sup> Fa rehefa nahatsikaritra izany Jesosy, dia tezitra mafy Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo izay toa azy ireo. <sup>15</sup> Lazaiko aminareo marina tokoa, na iza na iza tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zazakely dia tsy hiditra izany amin'izany velively." <sup>16</sup> Avy eo dia notrotrony ireo zaza ireo ka notsofiny rano sady nametrahany tanana. <sup>17</sup> Ary rehefa nanomboka ny diany Izy, dia nisy lehilahy nihazakazaka ka nandohalika teo anatrehany, ary nanontany hoe: "Ry mpampianatra tsara, inona no tsy maintsy ataoko mba handovàko ny fiainana mandrakizay?" <sup>18</sup> Jesosy nanao hoe: "Nahoana no antsoinao hoe tsara Aho? Tsy misy tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany. <sup>19</sup> Fantatrao ny didy hoe: 'Aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina, aza mamitaka, hajao ny ray sy reninao.'" <sup>20</sup> Dia hoy ilay lehilahy hoe: "Mpampianatra ô, efa narahiko hatramin'ny fahatanorako avokoa ireo rehetra ireo." <sup>21</sup> Nijery azy Jesosy dia tia azy. Ary hoy Izy taminy hoe: "Misy zavatra banga iray ao aminao. Tsy maintsy amidinao izay rehetra anananao ary omena ny mahantra izany, dia hanana harena any an-danitra ianao. Avy eo, manaraha Ahy." <sup>22</sup> Fa noho izany filazana izany dia nalahelo izy ka nandeha nangahiahy, satria nanana fananam-be tokoa izy. <sup>23</sup> Nijery ny manodidina Azy Jesosy ary niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Tena sarotra ho an'ireo manana harena be ny miditra ny fanjakan' Andriamanitra!" <sup>24</sup> Dia gaga tamin'ny teniny ireo mpianatra. Fa hoy indray Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Anaka, sarotra ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra! <sup>25</sup> Mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vody fanjaitra, noho ny hidiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>26</sup> Dia mbola gaga indray ny mpianatra ary dia nifanontany ireo hoe: "Iza izany no afaka ny ho voavonjy?" <sup>27</sup> Nijery azy ireo Jesosy ary hoy Izy hoe: "Tsy vitan'ny olona izany, fa vitan'Andriamanitra. Satria ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra atao." <sup>28</sup> Dia nanomboka niteny taminy i Petera hoe: "Jereo, Izahay ireto dia nahafy ny rehetra ary nanaraka Anao." <sup>29</sup> Ary hoy Jesosy: "Lazaiko marina aminareo, tsy misy olona izay nandao ny tranony, na ny rahalahiny; na ny rahavaviny, na ny reniny, na ny rainy, na ny zanany, na ny taniny noho ny amiko, sy ny Filazantsara, <sup>30</sup> ka tsy nahazo avo zato heny amin'izao taonjato ankehitriny izao: dia trano, rahalahy, rahavavy, reny, zanaka sy tany, miaraka amin'ny fanenjarahana, ary amin'ny taonjato ho avy, dia ny fiainana mandrakizay. <sup>31</sup> Fa betsaka ny voalohany no ho lasa farany, ary ny farany ho lasa voalohany." <sup>32</sup> Teny an-dalana izy ireo, hiakatra ho any Jerosalema, ary Jesosy nandeha nialoha azy ireo. Gaga ireo mpianatra, ary ireo izay nanaraka Azy taoriana dia natahotra. Nantsoin'i Jesosy ho eo Aminy indray izy roa ambinifolo ary dia nanomboka nilaza izay zavatra hihatra Aminy tsy ho ela Izy. <sup>33</sup> "Jereo, miakatra ho any Jerosalema isika izao, ary ny Zanak'Olona dia atolotra ny mpisoronabe sy ny mpanora-dalàna. Ho helohin'izy ireo ho faty Izy ary hatolony amin'ny Jentilisa. <sup>34</sup> Ireo dia haneso Azy, handrora Azy, hikapoka Azy, sy hahafaty Azy. Fa afaka telo andro dia hitsangana amin'ny maty Izy." <sup>35</sup> Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, nanatona Azy ary niteny Taminy hoe: "Mpampianatra ô, mba tianay raha mba ataonao izay rehetra angatahanay aminao." <sup>36</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no tianareo ho ataoko ho anareo?" <sup>37</sup> Hoy izy ireo hoe: "Avelao izahay hiara-hipetraka aminao ao amin'ny voninahitrao, ka ny iray eo an-tanana ankavananao ary ny iray eo ankavianao." <sup>38</sup> Fa Jesosy namaly azy ireo hoe: "Tsy fantatrareo izay angatahanareo. Ianareo ve afaka misotro amin'ny kapoaka izay hisotroako na hiaritra ho atao batisa amin'izay hanaovana batisa Ahy?" <sup>39</sup> Hoy izy ireo Taminy hoe: "Vitanay izany." Ary niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Ny kapoaka izay ho sotroiko, dia ho sotroinareo, ary amin'ny batisa izay hanaovam-batisa Ahy, no hanaovam-batisa anareo

koa. <sup>40</sup> Fa izay hipetraka eo an-tanana ankavanako na eo ankaviako kosa dia tsy miankina amiko izany, fa izany dia ho an'ireo izay nanomanana izany." <sup>41</sup> Rehefa nahare ny momba izany ireo mpianatra folo hafa, dia nanomboka tezitra mafy tamin'i Jakoba sy Jaona. <sup>42</sup> Nantsoin'i Jesosy ho eo aminy izy ireo ary niteny hoe: "Fantatrarao fa ireo izay heverina ho mpanapaky ny Jentilisa dia mampanompo azy ireo, ary ny lehibe mpifehy azy ireo dia manampatra fahefana amin'izy ireo. <sup>43</sup> Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo. Fa na iza na iza maniry ho lehibe aminareo dia aoka izy ho mpanomponareo, <sup>44</sup> ary na iza na iza maniry ho voalohany aminareo dia aoka izy no andevonareo rehetra. <sup>45</sup> Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba ho tompoina, fa mba hanompo, sy hanolotra ny ainy ho takalon'aina ho an'ny maro." <sup>46</sup> Tonga tao Jeriko izy ireo. Rehefa nivoaka ny tanàna niaraka tamin'ny mpianany sy vahoaka marobe Izy, ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba, nipetraka teo amoron-dalana. <sup>47</sup> Rehefa nahare izy fa Jesosy avy any Nazareta izany, dia nanomboka nihiakiaka mafy izy ary niteny hoe: "Ry Jesosy, Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!" <sup>48</sup> Betsaka no niteny mafy ilay jamba, niteny taminy mba hangina. Fa vao mainka izy nihiaka mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!" <sup>49</sup> Nljanona Jesosy ary nampiantso azy. Nantsoin'ireo ilay jamba, ary noteneniny hoe: "Mahereza! Mitsangàna! Miantso anao Izy." <sup>50</sup> Nariany ny lambany, ary nitsangana, ka nankeo amin'i Jesosy izy. <sup>51</sup> Dia namaly azy Jesosy ary niteny hoe: "Inona no tianao ataoko aminao?" Hoy ilay lehilahy jamba hoe: "Raby ô, te-hahiratra aho." <sup>52</sup> Ary hoy Jesosy taminy hoe: "Mandehana. Ny finoanao no nahavonjy anao." Dia nahita niaraka tamin'izay ny masony, ary nanaraka an'i Jesosy teny an-dalana izy.

## Mark 10:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ary niala tao Kapernaomy Jesosy sy ireo mpianany, Jesosy nampahatsiahy ireo Fariseo, toy ny mpianany, izay andrasan'Andriamanitra amin'ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana.

### Niala teo amin'izany toerana izany Jesosy

Nandeha niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianany. Niala tao Kapernaomy izy ireo. DH: "Jesosy sy ireo mpianany dia niala tao Kapernaomy"

teny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana  
"teo am-pitan'i Reniranon'i Jordana"

### dia nampianatra azy ireo indray Izy

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo vahoaka.

### araka ny fanaony

"izay mahazatra Azy" na "ataony matetika"

### Inona no nandidian'i Mosesy anareo

Mosesy nanome ny lalàna ho an'ny razamben'izy ireo, izay tokony harahin'izy ireo ihany koa ankehitriny. DH: "Inona no nandidian'i Mosesy ny razambenareo momba izany"

### taratasy fanamarinana fisaraham-bady

Taratasy izay miteny fa ilay vehivavy dia tsy vadiny intsony.

## Mark 10:5

### hamafin'ny fonareo no nanoratany ho anareo

Mosesy nanoratra ny lalàna ho an'ny razambenareo, izay tokony harahin'izy ireo ihany koa ankehitriny. DH: "hamafin'ny fon'ny razambenareo no nanoratany ho anareo io lalàna io"

### hamafin'ny fonareo

"ny fanamafisam-ponareo"

### Andriamanitra nanao azy ireo

"Andriamanitra nanao ny olona"

## Mark 10:7

### Amin'izany antony izany ... aoka tsy ho sarahin'ny olombelona

Amin'ireo andininy ireo, Jesosy dia milaza izay notenenin'Andriamanitra tao amin'ny bokin'i Genesisy. DH: "Izany dia manazava izay lazain'Andriamanitra hoe: "Ny lehilahy ... ka aoka tsy ho sarahin'ny olombelona."

### Amin'izany antony izany

"Noho izany"

### hikambana

"hiray"

### tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray ihany

Izany dia sarin-teny hanehoana ny fifandraisana akaikin'ny mpivady. DH: "ny olona roa dia ho lasa iray" na "tsy ho roa intsony izy ireo, fa hitambatra ho vatana iray"

### Koa izay nakamban'Andriamanitra, dia aoka tsy ho sarahin'ny olombelona

Afaka atao hoe: "Noho izany rehefa nakamban'Andriamanitra ny mpivady, dia aoka tsy ho sarahin'ny olombelona"

## Mark 10:10

### rehefa tao an-trano izy ireo

"Rehefa tao an-trano Jesosy sy ireo mpianany"

**tao an-trano**

Niresaka mitokana tamin'i Jesosy ireo mpianany.  
DH: "irery tao an-trano"

**namerina nanontany mikasika izany indray**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny resaka momba ny fisaraham-panambadiana izay nifanaovan'i Jesosy sy ireo Fariseo.

**Na iza na iza**

"Raha misy lehilahy"

**Mark 10:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nibedy ny olona ireo mpianatra tamin'ny fitondran'izy ireo ny zanak'izy ireo ho eny amin'i Jesosy, dia notahiany ireo zaza ary nampahatsiahy an'ireo mpianatra fa ny olona dia tsy maintsy manetry tena tahaka ny zaza mba hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**nitondra**

"Ary nitondra ny olona." Io no tranga manaraka ao anatin'ny tantara.

**mba hametrahany tanana**

Izany dia midika fa tokony hikasika azy ireo amin'ny tanana sy hitahy azy ireo Jesosy. DH: "mba hikasiany azy ireo amin'ny tanana sy hitahiany azy ireo" na "mba hahafahany mametraka ny tanany eo amin'izy ireo sy hitahiany azy ireo"

**nobedesin'ireo mpianatra izy ireo**

"nobedesin'ireo mpianatra ny olona"

**nahatsikaritra izany Jesosy**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny fibedesan'ireo mpianatra ny olona izay nitondra ireo zanany ho eo amin'i Jesosy.

**Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovitovy dika. DH: "Avelao hanatona Ahy ny zaza"

**aza raràna**

"avelao"

**fa ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo izay tahaka azy ireny**

DH: "ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo olona izay tahaka azy ireny" na "satria ny olona tahaka azy ireny ihany no isan'ny olon'ny fanjakan'Andriamanitra"

**Mark 10:15****tahaka ny zazakely**

Jesosy dia mampitaha ny fomba hahazoan'ny olona ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny fomba hahazoan'ny zaza izany.

**tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra**

"tsy hanaiky an'Andriamanitra ho mpanjakan'izy ireo"

**tsy hiditra izany mihitsy**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny fanjakan'Andriamanitra.

**notrotroiny ireo zaza ireo**

"nofihininy ireo zaza"

**Mark 10:17****mba handovàko ny fiainana mandrakizay**

Eto ilay lehilahy dia miresaka ny "fahazoana" toy ny hoe: "fandovàna." Sarinteny ampiasaina mba hanasongadinana ny lanjan'ny fandovàna. Ary ihany koa, ny "fandovàna" eto dia tsy midika hoe maty aloha ny olona iray. DH: "mba hahazoana ny fiainana mandrakizay"

**Nahoana no antsoinao hoe tsara Aho? Tsy misy tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany**

Jesosy dia manontany an'ilay lehilahy raha tonga saina izy fa ny fiantsoana an'i Jesosy hoe "tsara" dia maneho fa Andriamanitra Jesosy. DH: "Fantatrao fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Nahoana ianao no miantso Ahy hoe tsara?" na "Ianao mahafantatra fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Fantatrao ve ny dikan'izay lazainao rehefa miantso Ahy hoe tsara ianao?"

**tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany**

"tsara. Andriamanitra irery no tsara"

**Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina**

"Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina na amin'iza na amin'iza" na "aza mandainga momba ny olona any amin'ny fitsarana"

**hajao**

Midika hoe mankato

**Mark 10:20****Misy zavatra banga iray ao aminao**

"Misy zavatra iray tsy ampy any aminao" Eto Jesosy dia miresaka momba ny "tsy fanaovana zavatra" ho "fahabangan-javatra." DH: "Mbola misy zavatra iray tsy vitanao"

**bang**

tsy fananana zavatra

**omena ny mahantra izany**

Eto ny teny hoe: "izany" dia maneho ny zavatra izay varotany ary hevitra ambadiky ny vola izay azony rehefa mivarotra ireny izy. DH: "omeo ny mahantra ny vola"

**ny mahantra**

Maneho ny olona mahantra. DH: "ny olona mahantra"

**nanana fananam-be tokoa izy**

"manana zavatra marobe"

**Mark 10:23****hoy indray Jesosy tamin'izy ireo**

"hoy indray Jesosy tamin'ireo mpianatra"

**Anaka**

"Ry zanako." Jesosy dia manao an'ireo mpianany ho "zanaka," fa nampianatra azy ireo tahaka ny Ray mampianatra ny zanany Izy. DH: "Ry namako"

**Mora kokoa ... ny fanjakan'Andriamanitra**

Jesosy dia mampiasa filaza masaka mba hanasongadinana fa tena sarotra ho an'ny mpanan-karena ny mahazo ny fanjakan'Andriamanitra.

**Mora kokoa ho an'ny rameva**

Izany dia miresaka trangan-javatra iray izay tsy ho tanteraka mihitsy. DH: "Ho mora kokoa ho an'ny rameva"

**Mark 10:26****Iza izany no afaka ny ho voavonjy?**

DH: "Raha izany no izy, dia tsy misy olona ho voavonjy!"

**Tsy vitan'ny olona izany, fa vitan'Andriamanitra**

DH: "Tsy vitan'ny olona ny mamonjy ny tenan'izy ireo, fa vitan'Andriamanitra ny mamonjy azy ireo!"

**Jereo, izahay ireto dia nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao**

Eto ny teny hoe: "Jereo" dia ampiasaina mba hisarihana amin'izay hitranga manaraka. DH: "Izahay nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao!"

**nahafoy ny rehetra**

"namela ny zavatra rehetra"

**Mark 10:29****tsy misy olona izay nandao ny ... ka tsy nahazo**

Afaka atao hoe: "Izay rehetra nandao ny ... dia hahazo"

**noho ny amiko**

"noho Izaho"

**ny Filazantsara**

"nitry ny filazantsara"

**na ny rahalahiny; na ny rahavaviny, na ny reniny, na ny rainy, na ny zanany,**  
mamaritra ny fianakaviana na ankohonana

**miaraka amin'ny fanenjehana, ary amin'ny taonjato ho avy, dia ny fiainana mandrakizay.**

Afaka atao ihany koa hoe: "na dia hanenjika azy ireo aza ny olona, ary amin'ny taonjato ho avy, dia hahazo ny fiainana mandrakizay izy ireo"

**amin'ny taonjato ho avy**

"ny fiainana ho avy" na "ny taona ho avy"

**ny voalohany no ho lasa farany, ary ny farany ho lasa voalohany**

Jesosy dia miresaka momba ny "manan-danja" ho "voalohany" ary "tsy manan-danja" ho "farany". DH: "ny manan-danja no ho lasa tsy manan-danja, ary ny tsy manan-danja ho lasa manan-danja"

**Mark 10:32****Teny an-dalana izy ireo ... ary Jesosy nandeha nialoha azy ireo**

"Teny an-dalana Jesosy sy ireo mpianany ... ary Jesosy nandeha nialoha ireo mpianany"

**ary ireo izay nanaraka Azy taoriana**

olona izay nanaraka an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**Jereo**

"Henoy. "Jesosy nampiasa io teny io mba hisarihana ny olona, mba hampahafantatra azy ireo fa hiteny zavatra manan-danja Izy.

**Zanak'Olona**

Jesosy dia miresaka momba ny tenany. Afaka atao hoe: "Izaho, ilay Zanak'Olona,"

**ny Zanak'Olona dia atolotra ny**

DH: "hisy olona iray hanolotra ny Zanak'Olona amin'ny" na "izy ireo dia hametraka ny Zanak'Olona eo am-pelatanan'ny"

**Ho helohin'izy ireo**

Ny "izy ireo" dia maneho ny lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna.

**ary hatolony**

"hametraka Azy eo am-pelatanan'ny." Izany dia midika fa atolotra ny fahefan'ny Jentilisa i Jesosy.

**Ireo dia haneso Azy**

"Haneso Azy ny olona"

**Mark 10:35****tianay raha mba ataonao izay rehetra angatahanay**

Jakoba sy Jaona no miteny eto.

**ao amin'ny voninahitrao**

"rehefa omem-boninahitra Ianao." Ny teny "ny voninahitrao" dia maneho an'i Jesosy rehefa nomem-boninahitra Izy ka hanapaka ny fanjakany. DH: "rehefa handidy ny fanjakanao Ianao"

## Mark 10:38

**Tsy fantatrareo**  
"Tsy takatrareo"

### kapoaka izay hisotroako

Eto ny "kapoaka" dia maneho izay tsy maintsy ho fijalian'i Jesosy. DH: "ny kaopin'ny fijaliana izay hosotroiko"

### hiaritra ho atao batisa

Eto ny "batisa" dia maneho izay tsy maintsy ho fijalian'i Jesosy. DH: "hiaritra ny batisan'ny fijaliana"

### Vitanay izany

Izany no fomba namalian'izy ireo, midika fa mahavita misotro amin'ilay kaopy izy ireo ary miaritra ny batisa.

### dia ho sotroinareo

"dia ho sotroinareo ihany koa"

### izay hanaovam-batisa Ahy

Afaka atao hoe: "izay hiaretako"

### Fa izay hipetraka eo an-tanana ankavanako ... dia tsy miankina amiko izany

"Fa tsy Izaho no ilay hamela ny olona hipetraka eo an-tanana ankavanako na eo an-tanana ankaviako"

### fa izany dia ho an'ireo izay nanomanana izany

"fa ireo toerana ireo dia ho an'izay nanomanana azy ihany." Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny toerana eo an-tanana ankavanany sy eo an-tanana ankaviany.

### nanomanana izany

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanomana izany" na "Andriamanitra nanomana izany ho azy ireo"

## Mark 10:41

### Rehefa nahare ny momba izany

Ny teny hoe: "izany" dia maneho an'i Jaona sy Jakoba mangataka hipetraka eo ankavanana sy ankavian'i Jesosy.

### Nantsoin'i Jesosy izy ireo

"Nantsoin'i Jesosy ho eo aminy ireo mpianany"

### ireo izay heverina ho mpanapaky ny Jentilisa

Afaka atao ihany koa hoe: "ireo izay heverin'ny olona ho mpanapaky ny Jentilisa"

### mampanompo azy ireo

"mifehy ny" na "manana fahefana amin'ny"

### manampatra fahefana

"manampatra ny fahefan'izy ireo" Izany dia midika fa izy ireo dia manampatra mihoatra ny tokony ho izy ny fahefan'izy ireo.

## Mark 10:43

### Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo

Afaka atao ihany koa hoe: "Kaneffa aza maka tahaka azy ireo"

### maniry ho lehibe

"te-ho hajaina fatratra"

### maniry ho voalohany

"te-ho manan-danja indrindra"

### Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba ho tompoina

Afaka atao ihany koa hoe: "Fa ny Zanak'Olona dia tsy tonga mba ho tompoin'ny olona"

### mba ho tompoina, fa mba hanompo

Afaka ampiana kely ny fehezanteny: "mba ho tompoin'ny olona, fa mba hanompo ny olona"

### ho an'ny maro

"ho an'ny olona maro"

## Mark 10:46

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Raha mbola nanohy nandeha nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany, dia nanasitrana an'i Bartolomeo jamba i Jesosy, izay lasa niaraka tamin'izy ireo.

### ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba

"ilay mpangataka jamba antsoina hoe: Bartolomeo, zanak'i Timeo." Bartolomeo dia anaran'ilay lehilahy. Timeo dia anaran'ny rainy.

### Rehefa nahare izy fa Jesosy izany

Bartolomeo nandre ireo olona niteny fa izy dia Jesosy. DH: "Rehefa nandre ny olona fa Jesosy izany"

### Zanak'i Davida

Jesosy dia antsoina hoe Zanak'i Davida satria taranak'i Davida Izy. DH: "Ianao ilay Mesia avy amin'ny taranak'i Davida Mpanjaka"

### Betsaka

"Olona maro"

## Mark 10:49

### nampiantso azy

Afaka atao ihany koa hoe: "nibaiko azy ireo mba hiantso azy" na "nibaiko azy ireo," Antsoy izy hankaty amiko."

### Nantsoin'ireo

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo vahoaka.

### Miantso anao Izy

"Miantso anao Jesosy"

**Mark 10:51**

**namaly azy**

"namaly an'ilay lehilahy jamba"

**te-hahiratra aho**

"afaka mijery"

**Ny finoanao no nahavonjy anao**

Io fehezanteny io dia nosoratana toy izao mba hanasongadinana ny finoan'ilay lehilahy. Jesosy nanasitrana ilay lehilahy satria nino izy fa Jesosy dia afaka manasitrana azy. DH: "Izaho manasitrana anao satria ianao nino Ahy"

---

## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary raha nandeha tany Jerosalema izy ireo, dia nanakaiky an'i Betifaga sy Betania, any antendrombohitry Oliva, ary Jesosy naniraka roa tamin'ireo mpianany <sup>2</sup> ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana amin'iry vohitra kely manoloana antsika iry. Raha vao tafiditra ao ianareo, dia hahita zana-boriky iray mbola tsy notaingenan'olona. Vahao izy dia ento aty amiko. <sup>3</sup> Raha misy olona miteny aminareo hoe: 'Nahoana ianareo no manao izao?' Dia ataovy hoe: 'Misy ilain'ny Tompo azy dia haverina haingana aty izy.'" <sup>4</sup> Nandeha nivoaka izy ireo dia nahita zana-boriky iray nifatotra teo ivelan'ny trano anilan'ny varavarana iray eo amoron-dalana, ary novahan'izy ireo ny fatorany. <sup>5</sup> Nisy olona sasany nijoro teo ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona ity ataonareo, mamaha io zana-boriky io?" <sup>6</sup> Dia nolazainy azy ireo ny tenin'i Jesosy tamin'izy ireo, ary navelan'ny olona handeha amin'ny lalany izy ireo. <sup>7</sup> Ary nentin'ireo mpianatra roa lahy teo amin'i Jesosy ny zana-boriky dia nataony teo ambonin'izany ny lamban'izy ireo ka afaka nitaingina azy Jesosy. <sup>8</sup> Maro ny olona namelatra ny lambany teny an-dalana, ary ny sasany kosa namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha. <sup>9</sup> Ireo izay nandeha teo alohany sy ireo nanaraka Azy niantsoantso hoe: "Hosana! Deraina ilay iray avy amin'ny anaran'ny Tompo. <sup>10</sup> Deraina ny fanjakana ho avin'i Davida raintsika! Hosana any amin'ny avo indrindra!" <sup>11</sup> Avy eo Jesosy niditra tao Jerosalema ka nankao an-kianjan'ny tempoly ary nijerijery ny zavatra rehetra. Ary, efa niha-hariva ny andro, dia nizotra nankany Betania Izy sy ireo roambinifolo lahy. <sup>12</sup> Ny andro manaraka, raha niverina avy any Betania izy ireo, dia noana Izy. <sup>13</sup> Ary nahita hazon'aviavy iray nandravina avy tery lavidavitra, dia nanatona Izy hijery raha misy voa teo aminy, ary rehefa nankeo amin'izany Izy, dia tsy nahita na inona na inona afa tsy ravina fotsiny, fa tsy mbola taom-pamoazan'ny aviavy tamin'io. <sup>14</sup> Ary Izy niteny tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana ny voa avy aminao intsony mandrakizay." Ary ny mpianany nandre izany. <sup>15</sup> Nankany Jerosalema izy ireo, ary niditra tao an-kianjan'ny tempoly Izy ary nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra tao. Nazerany ny latabatr'ireo mpanakalo vola sy ny sezan'ireo mpivarotra voromailala. <sup>16</sup> Tsy namela an'iza na iza hitondra zavatra izay azo amidy hiditra ny kianjan'ny tempoly Izy. <sup>17</sup> Dia nampianatra azy ireo Izy ka nilaza hoe: "Tsy efa voasoratra va hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe trano fivavahana ho an'ny firenen-drehetra'? Nefa nataonareo ho zohy fieren'ny mpangalatra." <sup>18</sup> Ren'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanoradalana izay nolazainy, dia nitady fomba hamonoana Azy izy ireo. Fa natahotra Azy izy ireo satria ny vahoaka rehetra dia talanjona tamin'ny fampianarany. <sup>19</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia niala ny tanàna izy ireo. <sup>20</sup> Ary raha nandeha izy ireo ny maraina, dia nahita ilay hazon'aviavy nalazo hatramin'ny fakany. <sup>21</sup> Ary Petera nahatsiaro ka niteny hoe: "Raby o, jereo! Nalazo ilay aviavy nozoninao." <sup>22</sup> Jesosy namaly azy ireo hoe: "Manàna finoana an'Andriamanitra. <sup>23</sup> Lazaiko aminareo marina tokoa fa na iza na iza miteny amin'ity tendrombohitra ity hoe: 'Mitsangàna ka mianjerà any an-dranomasina,' ka raha tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino fa hitranga aminy izay nolazainy, dia toy izany no hataon'Andriamanitra. <sup>24</sup> Noho izany Izaho milaza aminareo hoe: Izay rehetra hivavahanareo sy angatahinareo, minoa fa efa nandray izany ianareo, dia ho azonareo izany. <sup>25</sup> Rehefa mijoro sy mivavaka ianareo, dia tsy maintsy mamela izay alahelo rehetra anananareo amin'iza na iza ianareo, mba ho avelan'ny Rainareo Izay any an-danitra ihany koa ny fahotanareo. <sup>26</sup><sup>[1]</sup><sup>27</sup> Dia niakatra ho any Jerosalema indray izy ireo. Ary raha nandehandeha tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia tonga nanatona Azy ny lohandohan'ny mpisorona, ny mpanoradalana, ary ireo loholona. <sup>28</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Fahefana avy aiza no hanaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome Anao fahefana hanao ireny?" <sup>29</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Hametraka fanontaniana iray aminareo Aho. Lazao Amiko dia ho lazaiko ianareo hoe fahefana avy aiza no anaovako ireny zavatra ireny. <sup>30</sup> Ny batisan'i Jaona, avy any an-danitra va izany sa avy amin'ny olona? Valio Aho." <sup>31</sup> Nifampidinika miaraka izy ireo sady nifamaly sy niteny hoe: "Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra,' dia hiteny Izy hoe: 'Fa nahoana ary no tsy nino azy ianareo?' <sup>32</sup> Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona,'..." Natahotra ny olona izy ireo, satria resy lahatra ny olon-drehetra fa Jaona dia mpaminany tokoa. <sup>33</sup> Avy eo namaly an'i Jesosy izy ireo ka nanao hoe: "Tsy hainay." Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho ihany koa tsy hilaza aminareo hoe fahefana avy aiza no hanaovako ireny zavatra ireny."

### Footnotes

11:26 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny hoe (Jereo ao amin'ny Mat. 16:15) Mk. 11:26 "Fa raha tsy mamela heloka kosa ianareo, dia tsy hamela ny fahotanareo mihintsy koa ny Rainareo Izay any an-danitra."



**Mark 11:1**

**Ary raha nandeha tany Jerosalema izy ireo, dia nanakaiky an'i Betifaga sy Betania, any antendrombohitra'Oliva**

"Rehefa nanakaiky an'i Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany, dia tonga tao Betifaga sy Betania akaikin'ny tendrombohitra'Oliva"

**Betifaga**

Anarana tanàna iray.

**manoloana antsika**

"eo alohantsika"

**zana-boriky iray**

Maneho zana-boriky iray izay afaka mitondra olona.

**Nahoana ianareo no manao izao**

Afaka tenenina mazava tsara izay soloin'ny "izao" toerana. DH: "Nahoana ianareo no mamaha fatorana sy maka ilay zana-boriky"

**haverina haingana aty izy**

Jesosy dia hamerina haingana izany rehefa vita ny ilàny azy. DH: "hamerina izany eo no ho eo rehefa tsy ilainy intsony izany"

**Mark 11:4****Nandeha izy ireo**

"Ireo mpianatra roa dia nandeha"

**nolazainy azy ireo**

"Namaly izy ireo"

**ny tenin'i Jesosy tamin'izy ireo**

"araka izay nolazain'i Jesosy ho valian'izy ireo" Izany dia maneho ny fomba nolazain'i Jesosy azy ireo hamaliana ny fanontaniana'ny olona momba ny fangalana ilay zana-boriky.

**ary navelan'ny olona handeha amin'ny lalany izy ireo**

Izany dia midika fa navelan'izy ireo hanohy izay nataony izy ireo. DH: "avelao haka ilay zana-boriky hiaraka aminy izy ireo"

**Mark 11:7**

**nataony teo ambonin'izany ny lamban'izy ireo ka afaka nitaingina azy Jesosy**

"nametraka ny akanjon'izy ireo teo ambonin'izany ka afaka nitaingina azy Jesosy." Moramora kokoa ny mitaingina zana-boriky na soavaly rehefa misy lamba na zavatra mitovitovy amin'izay eo amboniny. Teto dia ny akanjon'ireo mpianatra no nataony teo.

**lamba**

"akanjo lava"

**Maro ny olona namelatra ny lambany teny an-dalana**

Izany famelarana lamba amin'ny lalana eo alohan'ny olona manan-danja izany dia fombafomba hanajana azy ireny. DH: "Olona maro no namelatra ny lamban'izy ireo tamin'ny lalana mba ho fanajana Azy"

**ary ny sasany kosa namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha**

Izany famelarana rantsan-kazo amin'ny lalana eo alohan'ny olona manan-danja izany dia fombafomba hanajana azy ireny. DH: "ny sasany namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha, mba ho fanajana Azy ihany koa"

**Hosana**

Io teny io dia midika hoe: "vonjeo izahay" kanefa midika ihany koa hoe: "derao Andriamanitra"

**Deraina ilay iray**

Maneho an'i Jesosy. DH: "Deraina anie Ianao, ilay iray"

**amin'ny anaran'ny Tompo**

hevitra ambadiiky ny fahefan'Andriamanitra. "ny fahefan'ny Tompo"

**Deraina ny fanjakana ho avy**

"Deraina ny fanjakana izay ho avy." Izany dia maneho an'i Jesosy ho avy ary hanapaka toy ny mpanjaka. DH: "Deraina ny fihavian'ny fanjakanao"

**Deraina anie**

"Deraina anie Andriamanitra"

**Davida raintsika**

Eto ny firazanan'i Davida dia maneho ny tenany ihany. DH: "ny firazanan'i Davida raintsika" na "taranaka avy amin'i Davida raintsika"

**Hosana any amin'ny avo indrindra**

Ny mety ho dikany hafa 1) "Derao Andriamanitra izay any an-danitra" na 2) "Aoka izay any an-danitra hihiaika hoe: 'Hosana'."

**ny avo indrindra**

Eto ny lanitra dia resahana hoe "avo indrindra." DH: "ny lanitra avo indrindra"

**Mark 11:11****niha-hariva ny andro**

"satria efa hariva ny andro"

**nizotra nankany Betania Izy sy ireo roa ambin'ny folo lahy**

"nizotra nankany Betania Izy sy ireo mpianany roa ambin'ny folo lahy"

**raha niverina avy any Betania izy ireo**

"raha niverina ho any Jerosalema avy any Betania izy ireo"

**Mark 11:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Niseho izany raha mbola nihazo nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany.

**tsy nahita na inona na inona afa tsy ravina fotsiny**

DH: "tsy nahita voankazo teo amin'ilay hazo Izy fa ravina fotsiny"

**taom-pamoazana**

"vanim-potoana"

**Ary Izy niteny tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana ny voa avy aminao intsony mandrakizay"**

Jesosy dia miteny amin'ilay hazo ary manozona izany. Niteny toy izany Izy mba handrenesan'ireo mpianany Azy.

**Izy niteny tamin'izany hoe**

"Izy niteny tamin'ilay hazo hoe"

**Ary ny mpianany nandre izany**

Ny "izany" dia maneho ny tenin'i Jesosy tamin'ilay hazon'aviavy.

**Mark 11:15****Tonga tao izy ireo**

"Tonga tao Jesosy sy ireo mpianany"

**nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra tao an-tempoly**

Jesosy nandroaka ireo olona ireo hivoaka ny tempoly. DH: "nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra hivoaka ny tempoly"

**Mark 11:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Andriamanitra dia niteny talohan'ny fotoana tamin'ny teniny, tamin'ny alalan'Isaia mpaminany, fa ny tempoliny dia natao ho toeram-pivavahan'ny firenen-drehetra.

**Tsy efa voasoratra va hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe ... ho an'ny firenen-drehetra'?**

Jesosy dia mibedy ireo Lehiben'ny Jiosy ny amin'ny fampiasan'izy ireo ny tempoly. DH: "Efa voasoratra ao amin'ny Soratra Masina fa Andriamanitra dia niteny hoe: 'Tiako antsoina hoe trano izay hahafahan'ny firenena rehetra mivavaka ny tranoko'"

**Nefa nataonareo ho zohy fieren'ny mpangalatra**

Jesosy dia mampitaha ny olona amin'ny mpangalatra ary ny tempoly amin'ny zohin'ny mpangalatra. DH: "Fa ianareo dia toy ny mpangalatra izay nanao ny tranoko ho zohin'ny mpangalatra"

**zohy fieren'ny mpangalatra**

"zohy fiafenana'ny mpangalatra"

**dia nitady fomba hamonoana izy ireo**

"dia nitady fomba izy ireo"

**dia niala ny tanàna izy ireo**

"Jesosy sy ireo mpianany niala ny tanàna"

**Mark 11:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia mampiasa ohatra momba ilay hazo mba hampatsiahivana an'ireo mpianatra ny fananana finoana ao amin'Andriamanitra.

**nandeha ny**

"nandeha namakivaky ny lalana"

**Nalazo ilay aviavy**

DH: "Nalazo ary maty ilay hazo"

**Nalazo**

"maina"

**Ary Petera nahatsiaro**

DH: "Petera nahatsiaro izay nolazain'i Jesosy an'ilay hazon'aviavy"

**Mark 11:22****Jesosy namaly azy ireo**

"Jesosy namaly an'ireo mpianany"

**Lazaiko aminareo marina tokoa**

"Izaho milaza ny marina aminareo." Io fehezanteny io dia manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka.

**na iza na iza miteny**

"raha misy miteny"

**raha tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino**

Eto ny teny hoe: "tsy misy fisalasalana" dia midika "finoana marina." Jesosy dia miteny ireo teny ireo ho fanasongadinana. DH: "raha mino marina ao am-pony"

**no hataon'Andriamanitra**

"Andriamanitra hampisy"

**Mark 11:24****Noho izany Izaho milaza**

"Ka Izaho milaza aminareo"

**dia ho azonareo izany**

Hiseho izany satria Andriamanitra hanome izay angatahinareo. DH: "Andriamanitra hanao izany ho anareo"

**Rehefa mijoro sy mivavaka ianareo**

Ny mitsangana rehefa mivavaka amin'Andriamanitra dia fombafomba hiraiana amin'ny kolontsaina Hebreo. DH: "Rehefa mivavaka ianao"

**izay alahelo rehetra anananareo amin'iza na amin'iza**  
 "izay lolom-po rehetra anananareo amin'iza na iza."  
 Eto ny teny hoe: "izay rehetra" dia maneho ny lolom-ponao amin'ny olona iray nanota na hatezeranao amin'ny olona iray.

**Mark 11:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny andro manaraka dia niverina tao an-tempoly Jesosy, nanome valin-teny an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona, valin-tenin'ny fanontaniana izy ireo momba ny fandroahana ireo mpanakalo vola ivelan'ny faritry ny tempoly, amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana hafa, izay tsy ho vitan'izy ireo ny hamaly izany.

**Dia nankany Jerosalema izy ireo**

"Dia nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianatra"

**Ary raha nandehandeha tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy**

Izany dia midika fa nandehandeha nanodidina ny tao anatin'ny tempoly Jesosy; fa tsy nandehandeha tao anatin'ny.

**Hoy izy ireo taminy**

Ny teny hoe: "Izy ireo" dia maneho ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona.

**Fahefana avy aiza no hanaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome Anao fahefana hanao ireny?**

Ireo fanontaniana ireo dia mitovy dika ary hapetraka miaraka mba hanamafy ny fanontaniana momba ny fahefan'i Jesosy. DH: "Iza no manome fahefana Anao hanao ireo zavatra ireo?"

**hanaovanao ireny zavatra ireny**

Ny teny hoe: "ireny zavatra ireny" dia maneho an'i Jesosy manjera ny latabatry ny mpivarotra ao an-tempoly sy maneho ny fitenenana manohitra ny fampianaran'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna. DH: " hanaovanao zavatra toy ireny nataonao omaly ireny"

**Mark 11:29****Lazao Amiko**

"Valio Aho"

**Ny batisan'i Jaona**

"Ny batisa izay nataon'i Jaona"

**avy any an-danitra va izany sa avy amin'ny olona**  
 "fahefana avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona"

**avy any an-danitra**

Eto ny "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra"

**avy amin'ny olona**

"avy amin'ny olombelona"

**Mark 11:31****Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra,'**

Afaka atao ihany koa hoe: "Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra izany'"

**avy any an-danitra**

Eto ny "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra"

**tsy nino azy**

Ny teny hoe: "izy" dia maneho an'i Jaona Mpanao batisa.

**Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona,'**

Afaka atao ihany koa hoe: "Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona izany'"

**Natahotra ny olona izy ireo**

Ny mpanoratra, Marka, dia manazava hoe nahoana ny mpitarika fivavahana no tsy te-hiteny fa avy amin'ny olona i Jaona Mpanao batisa. Afaka atao mazava tsara hoe: "Tsy te-hilaza izy ireo hoe avy amin'ny olona Jaona Mpanao batisa satria natahotra ny olona izy ireo"

**resy lahatra ny olon-drehetra**

"nino avokoa ny olona"

**Tsy hainay**

Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy hainay hoe avy aiza i Jaona Mpanao batisa"



## Chapter 12

<sup>1</sup> Nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana Jesosy. Hoy Izy hoe: "Nisy lehilahy nanao tanim-boaloboka, nanisy fefy manodidina izany, ary nandavaka famiazana. Nanangana tilikambo izy ary avy eo nampanofa ilay tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka. Dia niala nandia lavitra izy avy eo." <sup>2</sup> Tamin'ny fotoana mety, dia naniraka mpanompo ho any amin'ilay mpamboly voaloboka izy mba haka amin'izy ireo ny sasany amin'ireo izay tokony ho anjarany amin'ny vokatr'ilay tanim-boaloboka. <sup>3</sup> Fa nosamborin'izy ireo izy, nokapohiny, ary noroahiny tsy hitondra na inona na inona. <sup>4</sup> Naniraka mpanompo hafa ho any amin'izy ireo indray izy, dia noratrain'izy ireo teo amin'ny lohany ary nalainy baraka. <sup>5</sup> Dia mbola nandefa hafa ihany izy, ary novonoin'izy ireo io iray io. Nataon'izy ireo tahaka izany ireo maro hafa, nokapohiny ny sasany ary novonoiny ireo hafa. <sup>6</sup> Mbola nanana olona iray hafa hirahina izy, dia zanaka malala. Izy no farany nalefany tany amin'izy ireo. Hoy izy hoe: "Mba hanaja ny zanako lahy izy ireo." <sup>7</sup> Nefa nifampiteny ireo mpamboly voaloboka hoe: "Inty ilay mpandova. Avia, andeha ho vonointsika izy, dia ho lasantsika ny lova." <sup>8</sup> Nosamborin'izy ireo izy, dia novonoiny, ary natsipiny tany ivelan'ny tanim-boaloboka. <sup>9</sup> Koa, inona ary no ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka? Ho avy izy ka handringana ireo mpamboly voaloboka ary hanome ny tanim-boaloboka ho an'ny hafa. <sup>10</sup> Tsy novakianareo angaha izao Soratra Masina izao? 'Ny vato izay nolavin'ny mpanorin-trano, no natao vato fehizoro. <sup>11</sup> Avy tamin'ny Tompo izany, ary dia mahagaga eo imasontsika.'" <sup>12</sup> Nitady ny hisamborana an'i Jesosy izy ireo, saingy natahotra ny vahoaka, satria fantatr'izy ireo fa hanoherana azy ireo no nitenenany izany fanoharana izany. Koa dia navelan'izy ireo Izy ary lasa nandeha izy ireo. <sup>13</sup> Dia naniraka ny Fariseo sy Herodiana sasany ho any Aminy mba hamandrika Azy amin'ny teny izy ireo. <sup>14</sup> Rehefa tonga izy ireo, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Mpampianatra ô, fantatray fa tsy miraharaha ny hevitra ny olona ianao, ary tsy maneho fiangarana eo amin'ny olona. Mampianatra marina ny lalan'Andriamanitra ianao. Ara-dalàna ve sa tsia ny mandoa hetra amin'i Kaisara? Tokony handoa hetra va izahay sa tsia?" <sup>15</sup> Fa fantatr'i Jesosy ny fiatsarambelatsihin'izy ireo ka niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitsapa Ahy? Itondray denaria iray Aho mba hijereko izany." <sup>16</sup> Dia nitondran'izy ireo vola iray Jesosy. Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Endrik'iza ity sary sy soratra ity?" Hoy izy ireo hoe: "An'i Kaisara." <sup>17</sup> Hoy Jesosy hoe: "Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara, ary omeo an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra." Dia talanjona taminy izy ireo. <sup>18</sup> Avy eo ireo Sadoseo, izay milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tonga teo aminy. Nanontany Azy izy ireo, nanao hoe: <sup>19</sup> "Mpampianatra ô, nanoratra izao ho anay Mosesy hoe: 'Raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray ary namela vady izy, nefa tsy mba nanan-janaka, dia tokony manambady ilay vadin-dralahiny ilay lehilahy, ka hanana taranaka ho an'ny rahalahiny.'" <sup>20</sup> Nisy fito mirahalaly; nanambady ilay voalohany ary maty, tsy namela taranaka. <sup>21</sup> Avy eo naka azy ny faharoa dia maty, tsy namela taranaka, dia torak'izany koa ny fahatelo. <sup>22</sup> Tsy nisy namela taranaka izy fito. Ny farany indrindra, maty koa ilay ramatoa. <sup>23</sup> Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, rehefa hitsangana indray izy ireo, dia ho vadin'iza izy? Satria samy nanambady azy daholo izy fito mirahalaly." <sup>24</sup> Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy izany va no antony maha-diso hevitra anareo, satria tsy fantatrareo na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra?" <sup>25</sup> Satria rehefa mitsangana amin'ny maty izy ireo, dia tsy hanambady na hatolotra amin'ny fanambadiana, fa ho tahaka ny anjely any an-danitra. <sup>26</sup> Fa mahakasika ny amin'ny fitsanganana'ny tena amin'ny maty, tsy novakianareo va ny tao amin'ny bokin'i Mosesy, ao amin'ny andalana momba ilay voaroy, ny niresahan'Andriamanitra taminy ka nilazany hoe: 'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba'?" <sup>27</sup> Izy dia tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona. Somary diso hevitra ianareo." <sup>28</sup> Nisy iray tamin'ireo mpanora-dalàna tany ary nandre ny resak'izy ireo; hitany fa novalian'i Jesosy tsara izy ireo. Ary nanontany Azy izy hoe: "Inona no didy lehibe indrindra amin'izy rehetra?" <sup>29</sup> Jesosy namaly hoe: "Ny lehibe indrindra dia ny hoe: 'Mihainoa, ny Tompo Andriamanitsika, ry Israely, iray ny Tompo. <sup>30</sup> Tsy maintsy mitia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra ianao, amin'ny fanahinao rehetra, amin'ny sainao rehetra, sy amin'ny herinao rehetra.'" <sup>31</sup> Ity no didy faharoa: 'Tsy maintsy mitia ny namanao tahaka ny tenanao ianao.' Tsy misy didy hafa lehibe mihoatra noho ireo." <sup>32</sup> Hoy ilay mpanora-dalàna hoe: "Tsara izany, ry Mpampianatra! Voalazanao marina fa Andriamanitra dia Iray, ary tsy misy afa-tsy Izy. <sup>33</sup> Ary ny mitia azy amin'ny fo rehetra sy amin'ny saina rehetra sy ny hery rehetra, ary ny mitia ny namana tahaka ny tena, dia tsara lavitra mihoatra ny fanatitra dorana sy ny sorona rehetra." <sup>34</sup> Rehefa hitan'i Jesosy fa nanome valin-teny hendry Izy, dia niteny taminy Izy hoe: "Tsy lavitry ny fanjakan' Andriamanitra ianao." Ary taorian'izany, dia tsy nisy olona sahy nametraka fanontaniana tamin'i Jesosy intsony. <sup>35</sup> Namaly Jesosy, raha nampianatra tao amin'ny tempoly Izy; dia hoy Izy hoe: "Ahoana moa no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Kristy dia zanak'i Davida?" <sup>36</sup> Davida tenany, tamin'ny Fanahy Masina, nanao hoe: 'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe:

mipetraha eo an-tanana ankavanako, mandram-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.' <sup>37</sup> Davida tenany aza niantso Azy hoe 'Tampo,' koa ahoana no maha zanak'i Davida an'i Kristy?" Nihaino Azy tamimpifaliana ireo vahoaka maro be. <sup>38</sup> Tamin'ny fampianarany Jesosy dia niteny hoe: "Mitandrema amin'ireo mpanora-dalàna, izay tia mandehandeha amin'ny akanjo lava ary tian'izy ireo ny fiarahabana azon'izy ireo eny an-tsena <sup>39</sup> ary tian'izy ireo ny mahazo ny seza voalohany any amin'ny synagoga sy ny toerana voalohany any amin'ny fety. <sup>40</sup> Mandroba ny tranon'ireo mpitondra tena izy ireo, ary manao vavaka lava be mba ho hitan'ny olona. Ireo lehilahy ireo dia handray fanamelohana lehibe kokoa." <sup>41</sup> Avy eo Jesosy nipetraka nifanandrify ny vatan-drakitra tao amin'ny faritry ny tempoly; nijery ireo olona rehetra izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. Mpanankarena maro no nandatsaka vola be dia be tao. <sup>42</sup> Dia nisy vehivavy mahantra mpitondratena iray tonga nandrotsaka farantsakely roa, izay kely variroaventy oharina amin'ny iraimbilanja. <sup>43</sup> Dia nantsoiny ireo mpianany ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa ity vehivavy mahantra mitondratena ity no nandrotsaka betsaka mihoatra amin'ny olona izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. <sup>44</sup> Satria ny rehetra dia nanome tamin'ny fananam-ben'izy ireo. Fa ity mpitondratena ity kosa, tamin'ny fahantrany, dia nandrotsaka ny vola rehetra izay tokony hivelomany tao."

## Mark 12:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy miteny izany fanoharana izany hanoherana ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona.

### Nanomboka nampianatra azy ireo Jesosy

Ny teny hoe: "izy ireo" eto dia maneho an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona izay noresahin'i Jesosy tao amin'ny toko teo aloha.

### nanisy fefy manodidina izany

Izy nanisy fefy nanodidina ny tanim-boaloboka. Mety ho fefy hazo, na rindrina vato izany.

### ary nandavaka famiazana

Izany dia midika fa nandavaka teo amin'ny vatolampy izy, izay famiazana voaloboka mba hahazoana ny ranony. DH: " nanamboatra fitehirizana izy mba hanangonana ny ranomboaloboka avy amin'ny famiazana"

### nampanofa ilay tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka

Izany dia midika fa ilay tompon'ilay tanim-boaloboka dia nifampiraharaha tamin'ny olon-kafa mba hikarakara ny voaloboka. Ilay mpamboly voaloboka dia hahazo anjara amin'ny vokatra ho karaman'ny asan'izy ireo.

### Tamin'ny fotoana mety

Izany dia maneho ny fotoam-bokatra. DH: "Rehefa tonga ny fotoana fiakaran'ny vokatra"

### Fa nosamborin'izy ireo izy

"Fa nosamborin'ireo mpamboly voaloboka ilay mpanompo"

### tsy hitondra na inona na inona

Izany dia midika fa tsy nanome voaloboka azy izy ireo. DH: "tsy nitondra na dia voaloboka iray aza"

## Mark 12:4

### Naniraka ho azy ireo

"ny tompon'ilay tanim-boaloboka nandefa tany amin'ireo mpamboly voaloboka"

### dia noratrain'izy ireo teo amin'ny lohany

Afaka atao mazava tsara hoe: "nokapohin'izy ireo teo amin'ny lohany izy, ary voarattran'izy ireo mafy izy"

### mbola nandefa hafa ihany izy ... ireo maro hafa

Ireo teny ireo dia maneho an'ireo mpanompo hafa. DH: "mbola nandefa mpanompo hafa ihany izy ... ireo mpanompo maro hafa"

### Nataon'izy ireo tahaka izany ireo maro hafa

Izany dia maneho an'ireo mpanompo izay nalefan'ilay tompony. Ny teny hoe: "tahaka izany" dia maneho ny fomba nitondrana azy ireo. DH: "Nataon'izy ireo toy izany koa ireo mpanompo maro hafa izay nalefany"

## Mark 12:6

### zanaka malala

Izany dia maneho ny zanak'ilay tompon-tany. DH: "ny zanany malalany"

### ily mpandova

Inty ilay mpandova an'ilay tompon-tany, izay handova ny tanim-boaloboka rehefa maty ny rainy. DH: "ny mpandova an'ilay tompon-tany"

### ny lova

Ireo mpamboly dia manao an'ilay tanim-boaloboka ho "lova." DH: "io tanim-boaloboka io"

## Mark 12:8

### Nosamborin'izy ireo izy

"Ireo mpamboly voaloboka nisambotra ilay zanaka"

**Koa, inona ary izany izao no ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka?**

Jesosy mametraka fanontaniana ary avy eo manome ny valiny mba hampianarana ny olona. DH: "Ka ho teneniko anareo izay ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka."

**Koa**

Jesosy dia mampiasa io teny io mba hanamarihana fiovana amin'ny fampianarana, raha nahavita niteny ny hevi-dehibe tamin'ny fanoharana Izy.

**handringana**  
"hamono"

**hanome ny tanim-boaloboka ho an'ny hafa**

Ny teny hoe: "ny hafa" dia maneho an'ireo mpamboly voaloboka hafa izay mikarakara ny tanim-boaloboka. DH: "homeny hokarakarain'ny mpamboly voaloboka hafa ny tanim-boaloboka."

## Mark 12:10

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Io soratra masina io dia efa voasoratra efa hatry ny ela tao amin'ny tenin'Andriamanitra.

**Tsy novakianareo angaha izao Soratra Masina izao?**

Jesosy dia mampatsiahy andinin'ny soratra masina amin'ny olona. Mampiasa fanontaniana izay tsy mila valiana Izy mba hivedesana azy ireo. DH: "Efa novakianareo tokoa io soratra masina io" na "Tokony ho tadidinareo io soratra masina io."

**no natao vato fehizoro**

Afaka atao hoe: "Ny Tompo no natao vato fehizoro"

**Avy tamin'ny Tompo izany**

"Ny Tompo no nanao izany"

**ary dia mahagaga eo imasontsika**

Eto ny "eo imasontsika" dia maneho ny fahitana, izay hevitra ambadiky ny fanehoan-kevitra. DH: "ary nahita izany izahay ary nieritreritra fa mahagaga izany" na "ary hitanay fa mahagaga izany"

**Nitady ny hisamborana an'i Jesosy izy ireo**

"Izy ireo" dia maneho an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona. Io vondrona io dia azo hilazana ireo "Mpitarika Jiosy"

**Nitady ny**

"te-"

**saingy natahotra ny vahoaka izy ireo**

Natahotra izay mety ho ataon'ny vahoaka izy ireo raha misambotra an'i Jesosy izy ireo. DH: "fa izy ireo dia natahotra izay mety ho ataon'ireo vahoaka azy ireo"

**fa hanoherana azy ireo**

"hiampangana azy ireo"

## Mark 12:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mba hamandrihana an'i Jesosy, ny sasany tamin'ireo Fariseo sy Herodiana, ary ireo Sadoseo, nankeo amin'i Jesosy sy nanontany.

**Dia naniraka izy ireo**

"Ary ireo Mpitarika Jiosy nandefa"

**mba hamandrika Azy**

Eto ny mpanoratra dia mamaritra ny famitahana an'i Jesosy ho "famandrihana Azy." DH: "mba hamitaka Azy"

**Rehefa tonga izy ireo, dia hoy izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo izay nalefa teo amin'ireo Fariseo sy ireo Herodiana.

**fantatray fa tsy miraharaha ny hevitra ny olona ianao**

Izany dia midika fa Jesosy dia tsy miraharaha. DH: "fantatray fa tsy miraharaha ny fahazoana ny sitraky ny olona ianao"

**Fa fantatr'i Jesosy ny fihatsaram-belatsihin'izy ireo**

Mihatsara-velatsihy izy ireo. DH: "Jesosy dia nahafantatra fa izy ireo dia tsy tena te-hahafantatra izay tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo" (UDB)

**Nahoana ianareo no mitsapa Ahy?**

Jesosy nibedy ireo Mpitarika Jiosy satria saika hamitaka Azy izy ireo. DH: "Fantatro fa te-hampiteny zavatra diso mba hahafahana miampangana Ahy ianareo."

**denaria**

Io vola vy io dia mitentina karaman'olona iray andro.

## Mark 12:16

**Dia nitondran'izy ireo vola iray**

Ireo Fariseo sy ireo Herodiana nitondra denaria iray"

**Endrika sy soratra**

"sary sy anarana"

**Hoy izy ireo hoe: "An'i Kaisara**

Afaka ampiana io fehezanteny io: "Hoy izy ireo hoe: 'sary sy anaran'i Kaisara ireo'"

**Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara**

Jesosy dia nampianatra fa ny olony dia tsy maintsy manaja ny governemanta amin'ny fandoavan-ketra. Io endri-teny io dia afaka hazavaina amin'ny fanovana ho governemanta Romana ny an'ny Kaisara. DH: "Omeo ny governemanta Romana izay an'ny governemanta Romana"

**Dia talanjona taminy izy ireo**

Gaga tamin'izay nolazain'i Jesosy izy ireo. DH: "Gaga taminy sy tamin'izay nolazainy izy ireo"

**Mark 12:18**

**izay milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty**  
Ity fehezanteny ity dia manazava hoe iza ireo Sadoseo.

**nanoratra izao ho anay Mosesy hoe: 'Raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray**  
Ireo Sadoseo milaza izay nosoratan'i Mosesy ao amin'ny lalàna. DH: "Mosesy nanoratra ho anay fa raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray"

**nanoratra ho anay**  
" nanoratra ho anay Jiosy." Ireo Sadoseo dia vondrona Jiosy. Eto izy ireo dia mampiasa ny teny hoe: "izahay" mba hanehoana ny tenan'izy ireo sy ny Jiosy rehetra.

**dia tokony manambady ilay vadin-dralahiny ilay lehilahy**  
Izany dia midika fa tokony manambady ilay vadin-dralahiny ilay lehilahy, fa tsy maka azy sy miaramandry aminy mba hanan-janaka aminy fotsiny ihany.

**ka hanana taranaka ho an'ny rahalahiny**  
Izany dia midika fa ireo zanaka dia ho atao tahaka ny hoe taranak'ilay rahalahy maty. DH: "manan-janaka ho an'ny rahalahiny izay ho raisina ho toy ny taranany"

**Mark 12:20**

**Nisy fito mirahalaha**  
Ireo Sadoseo nanolotra tantara mba hitsapana an'i Jesosy. DH: "Raha atao hoe misy mpirahalaha fito"

**ilay voalohany ... ny faharoa ... ny fahatelo ... izy fito**  
Ireo laharana ireo dia maneho ny rahalahy tsirairay. Afaka atao hoe: "ilay rahalahy voalohany ... ilay rahalahy faharoa ... ilay rahalahy fahatelo ... izy fito mirahalaha"

**Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, rehefa hitsangana indray izy ireo, dia ho vadin'iza izy?**  
Ireo Sadoseo dia nitsapa an'i Jesosy tamin'io fanontaniana io. Afaka atao hoe: "Teneno anay izao hoe vadin'iza izy any amin'ny fitsanganana amin'ny maty, rehefa samy hitsangana indray izy rehetra."

**Mark 12:24**

**Tsy izany va no antony maha-diso hevitra anareo ... ny herin'Andriamanitra?**  
Jesosy dia mibedy ireo Sadoseo satria diso hevitra momba ny lalàn'Andriamanitra izy ireo. DH: "Diso ianareo satria ... ny herin'Andriamanitra."

**tsy fantatrarao na ny Soratra Masina**  
Izany dia midika fa izy ireo dia tsy mahatakatra izay voasoratra ao amin'ny soratra masina ao amin'ny Testamenta Taloha.

**ny herin'Andriamanitra**  
"tahaka ny ahoana ny herin'Andriamanitra"

**Satria rehefa mitsangana amin'ny maty izy ireo**  
Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo rahalahy sy ireo vehivavy tao amin'ny fanoharana.

**mitsangana amin'ny maty**  
Izany dia midika fa velona indray.

**any an-danitra**  
Izany dia maneho ny fitoeran'Andriamanitra.

**Mark 12:26**

**ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty**  
"izay nitsangana tamin'ny fahafatesana"

**ny bokin'i Mosesy**  
"ny boky nosoratan'i Mosesy"

**Izaho no Andriamanitr'i Abrahama ... Jakoba**  
Izany dia midika fa Abrahama, Isaka, ary Jakoba dia nidera an'Andriamanitra. Maty ara-batana ireo lehilahy ireo, kanefa velona ara-panahy ary mbola midera an'Andriamanitra hatrany.

**ny velona**  
Izany dia maneho ny olona izay velona ara-batana sy ara-panahy.

**diso hevitra**  
"diso tanteraka"

**Mark 12:28**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mpanora-dalàna iray mametraka fanontaniana lalina, izay novalian'i Jesosy.

**nanontany Azy izy hoe**  
"Ilay mpanora-dalàna nanontany an'i Jesosy"

**amin'ny fonao rehetra ianao, amin'ny fanahinao rehetra**  
Ny "fo" sy "fanahy" dia izay faniriana sy fihetsem-po. DH: "amin'izay fanirianao rehetra sy ny fihetsem-ponao rehetra"

**ny sainao rehetra, sy amin'ny herinao rehetra**  
Ny "saina" dia maneho ny eritreritry ny olona iray ary ny "tanjany" dia maneho ny tanjaky ny olona iray rehefa manao zavatra. DH: "amin'izay eritreritrao rehetra, sy izay ataonao rehetra"

**mitia ny namanao tahaka ny tenanao**  
Jesosy dia mampiasa io fanoharana io mba hampitahana ny fitiavan'ny olona ny olon-kafa amin'ny fitiavany ny tenan'izy ireo. DH: "tiavo tahaka ny hitiavanao ny tenanao ny namanao"

**noho ireo**  
Eto ny teny hoe: "ireo" dia maneho ireo didy izay vao nolazain'i Jesosy ny olona.



**Mark 12:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy nandoka ilay mpanora-dalàna amin'ny fanehoan-kevitra nataony tamin'izay nolazain'i Jesosy.

**Tsara izany**

"Valin-teny tsara"

**Andriamanitra dia Iray**

Izany dia midika fa Andriamanitra iray ihany no misy. DH: "Andriamanitra iray ihany no misy"

**ary tsy misy afa-tsy Izy**

Afaka atao ihany koa hoe: "tsy misy Andriamanitra hafa"

**amin'ny fo rehetra sy amin'ny saina rehetra sy ny hery rehetra**

Ny "fo" sy "fanahy" dia hevitra ambadiky ny faniriana sy fihetsem-pon'ny olona. Ny "saina" dia maneho ny eritreritry ny olona iray ary ny "tanjany" dia maneho ny tanjaky ny olona iray rehefa manao zavatra. DH: "amin'izay fanirianao rehetra sy ny fihetsem-ponao rehetra, amin'izay eritreritrao rehetra, ary izay ataonao rehetra"

**ny fo ... ny saina ... ny hery**

Afaka atao ihany koa hoe: "ny fonao ... ny sainao ... ny herinao"

**mitia ny namana tahaka ny tena**

Fanoharana izay mampitaha ny fitiavan'ny olona ny olon-kafa amin'ny fitiavany ny tenan'izy ireo. DH: "mitia ny namanao tahaka ny hitiavanao ny tenanao"

**dia tsara lavitra mihoatra ny**

Io fomba fiteny io dia midika fa ny zavatra iray dia manan-danja kokoa nohon'ny zavatra iray hafa. Amin'ity tranga ity, ireo didy roa ireo dia ankasitrahana'Andriamanitra lavitra kokoa noho ny fanolorana fanatitra nodorana sy sorona. DH: "dia manan-danja kokoa" na "ankasitrahana'Andriamanitra lavitra kokoa"

**Tsy lavitry ny fanjakan' Andriamanitra ianao**

Eto Jesosy dia miresaka momba ilay lehilahy izay efa vonona hanaiky an'Andriamanitra ho mpanjaka. DH: "Ianao dia efa akaikin'ny fanekena an'Andriamanitra ho mpanjaka"

**dia tsy nisy olona sahy**

Afaka atao hoe: "natahotra ny olon-drehetra"

**Mark 12:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola nampianatra tao an-tempoly Jesosy, dia nilaza izay notenenin'i Davida tao amin'ny soratra masina ary nampitandrina ny olona mba hitandrina ny amin'ny fomba fiainan'ny mpanora-dalàna.

**Namaly Jesosy, raha nampianatra tao amin'ny tempoly Izy; dia hoy Izy hoe:**

Fotoana vitsivitsy izay no lasa ary ao an-tempoly Jesosy ankehitriny. Ity dia tsy anisan'ny resaka teo aloha. DH: "Tato aoriana, raha nampianatra tao amin'ny faritry ny tempoly Jesosy, dia hoy Izy tamin'ny olona"

**Ahoana moa no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Kristy dia zanak'i Davida?**

Jesosy nampiasa io fanontaniana io mba hampandinika lalina ny olona momba ny Salamo izay lazainy. DH: "Hevero hoe nahoana ireo mpanora-dalàna no miteny fa i Kristy dia zanak'i Davida."

**zanak'i Davida**

Izany dia midika fa avy amin'ny taranak'i Davida Izy.

**tamin'ny Fanahy Masina**

Izany dia midika fa notarihin'ny Fanahy Masina izy, ny Fanahy no nanoro azy tamin'izay noteneniny. DH: "notarihin'ny fanahy"

**nanao hoe: 'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe:**

Eto Davida dia miantso an'Andriamanitra ho "Tompoko" ary miantso an'i Kristy ho "Tompoko" DH: "niteny momba ny Mesia, 'Andriamanitra niteny tamin'ny Tompoko"

**mipetraka eo an-tanana ankavanako,**

Izany dia teny avy ao amin'ny salamo izay notenenin'i Jesosy. Eto Andriamanitra dia miresaka amin'i Kristy.

**mandram-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotra**

Amin'ity fitenenana ity, Andriamanitra dia milaza ny fandresena ireo fahavalo amin'ny fanaovana azy ireo ho fitoeran-tongotra. DH: "mandram-pandreseko tanteraka ireo fahavalonao"

**niantso Azy hoe 'Tompoko,'**

Eto ny teny hoe: "Azy" dia maneho ny Mesia.

**koa ahoana no maha zanak'i Davida an'i Kristy?**

Afaka atao ihany koa hoe: "koa ahoana no hiheverana fa zanak'i Davida ny Mesia"

**Mark 12:38****ny fiarahabana azon'izy ireo eny an-tsena**

Izany dia midika fa manaja ireo mpanora-dalàna ny olona. DH: "arahabaina am-panajana eny an-tsena" na "fa ny olona dia miarahaba azy ireo am-panajana eny an-tsena"

**Mandroba ny tranon'ireo mpitondra tena izy ireo**

Eto Jesosy dia mamaritra ny fisolokian'ireo mpanora-dalàna ny mpitondra tena sy mangalatra ny tranon'izy ireo ho "fandevonana" ny tranon'izy ireo. DH: "Izy ireo ihany koa dia mamitaka ireo"

mpitondra tena mba hahafahan'izy ireo mangalatra ny tranon'izy ireo"

**Ireo lehilahy ireo dia handray fanamelohana lehibe kokoa**

Afaka atao ihany koa hoe: "Andriamanitra dia hanasazy azy ireo amin'ny fanamelohana lehibe tokoa" na "Andriamanitra hanasazy mafy azy ireo"

**handray fanamelohana lehibe kokoa**

Ny teny hoe: "lehibe" dia maneho fampitahana. Eto ny fampitahana dia amin'ny olona iray hafa izay voasazy. DH: "handray fanamelohana lehibe kokoa noho ny olon-kafa"

**Mark 12:41**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mbola ao anatin'ny tempoly ihany, Jesosy dia maneho hevitra amin'ny lanjan'ny fanatitr'ilay mpitondra tena.

**vatan-drakitra**

Io vata io dia vata fanangonana ny fanatitry ny olon-drehetra ho an'ny tempoly.

**farantsakely roa**

"vola kely varahina anankiroa." Ireo no vola tsy manan-danja indrindra.

**oharina amin'ny iraimbilanja**

"ambany vidy be." Ny iraimbilanja dia ambany vidy be.

**Mark 12:43**

**Dia nantsoiny**

"Ary Jesosy niantso"

**Lazaiko marina aminareo**

Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**olona rehetra izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra**

olona rehetra izay nametraka vola tao amin'ny "

**fananam-ben'izy ireo**

Izany dia maneho ny haren'izy ireo.

**ny fahantrany**

"tsy fananana" na "izay kely nananany"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Ary raha niala tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia niteny taminy ny iray tamin'ireo mpianany hoe: "Mpampianatra ô, jereo ny hatsaran'ny vato sy ny hatsaran'ny rafitra!" <sup>2</sup> Hoy izy taminy hoe: "Hitanao va ireto rafitra lehibe ireto? Tsy havela hisy vato iray hifanongoa eo ka tsy ho ravana." <sup>3</sup> Ary raha nipetraka teo an-tendrombohitra Oliva tandrifin'ny tempoly Izy, dia nanontany Azy mangingina Petera, Jakoba, Jaona sy Andrea hoe: <sup>4</sup> "Lazao aminay, rahoviana no hitranga izany zavatra rehetra izany? Inona no famantarana rehefa hitranga ireo zavatra ireo?" <sup>5</sup> Ary Jesosy nanomboka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mitandrema mba tsy hisy olona hampivily lalana anareo. <sup>6</sup> Fa maro no ho avy amin'ny Anarako sy hilaza hoe: 'Izaho no izy,' ary maro no ho voafitany. <sup>7</sup> Rehefa mandre ady sy resabe momban'ny ady ianareo, dia aza manahy; tsy maintsy hitranga ireo, fa tsy mbola izay ny farany. <sup>8</sup> Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hamely fanjakana. Ary hisy horohoron-tany amin'ny toerana maro, sady hisy mosary. Izany no fiandohan'ny fahorian'ny fiterahana. <sup>9</sup> Mitandrema ianareo. Ho atolotr'izy ireo amin'ny Synedriona ianareo, ary ho kapohina ao amin'ny synagoga. Hitsangana manoloana ireo mpanapaka sy ireo mpanjaka noho ny Amiko ianareo, ho vavolombelona amin'izy ireo. <sup>10</sup> Fa ny Filazantsara dia tsy maintsy ho toriana any amin'ny firenena rehetra aloha. <sup>11</sup> Rehefa misambotra sy manolotra anareo izy ireo, dia aza manahy ny amin'izay tokony ho lazainareo. Fa amin'iny ora iny, dia homena anareo izay tokony ho teneninareo; tsy ianareo akory no hiteny, fa ny Fanahy Masina. <sup>12</sup> Ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho faty, ary ny ray hanolotra ny zanany. Ny zanaka hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny ka hahafaty azy ireo. <sup>13</sup> Ho halan'ny olon-drehetra ianareo nohon'ny Anarako. Fa na iza na iza maharitra hatramin'ny farany, dia ho voavonjy izany olona izany. <sup>14</sup> Fa raha hitanareo mitsangana eo amin'ny tsy tokony hitsanganany ny fahavetavetan'ny fandravana (aoka hisaina izay mamaky), dia aoka izay avy any Jodia rehetra handositra eny an-tendrombohitra, <sup>15</sup> izay ao an-tampon-trano aoka tsy hidina ao an-trano na hamoaka zavatra avy ao amin'izany, <sup>16</sup> ary izay any an-tsaha aoka tsy hiverina haka ny lambany. <sup>17</sup> Lozan'ireo vehivavy bevohoka sy mampinono amin'izany andro izany! <sup>18</sup> Mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina no hitrangan'izany. <sup>19</sup> Fa hisy fahoriana be, izay tsy mbola nisy hatramin'ny voalohany, rehefa namorona izao tontolo izao Andriamanitra, ka mandrak'ankehitriny, tsia, ary mandrakizay tsy hisy intsony izany. <sup>20</sup> Ary raha tsy hoe nohafahezin'ny Tompo izany andro izany, dia tsy hisy nofo ho voavonjy. Fa nohon'ny olomboafidy, izay nofinidiny, dia nafahezin'ny isan'izany andro izany. <sup>21</sup> Ary raha misy olona miteny aminao hoe: 'Jereo, aty Ilay Kristy!' na koa hoe: 'Jereo, ery Izy!' dia aza mino izany. <sup>22</sup> Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hiseho ary haneho famantarana sy fahagagana, mba hamitahana, na dia ny olomboafidy aza, raha azo atao. <sup>23</sup> Miambena! Efa voalazako taminareo mialoha ny fotoan'ireo zavatra rehetra ireo. <sup>24</sup> Kanefa aorian'ny fahorian'ireo andro ireo, dia hihamaizina ny masoandro, ny volana tsy hanome ny hazavany, <sup>25</sup> ireo kintana hiaraka avy eny amin'ny lanitra, ary ireo hery izay ao an-danitra ho hozongozonina. <sup>26</sup> Ka ho hitan'izy ireo ny Zanak'Olona avy eny amin'ny rahona amin'ny hery lehibe sy voninahitra. <sup>27</sup> Ary haniraka ny anjeliny Izy ka hanangona miaraka ireo olomboafidy avy any amin'ny vazan-tany efatra, avy any amin'ny faran'ny tany ka hatrany amin'ny faran'ny lanitra. <sup>28</sup> Makà lesona avy amin'ny hazon'aviavy. Raha vao manaroka sy mandravina ny rantsany, dia fantatrareo fa akaiky ny lohataona. <sup>29</sup> Toy izany koa, raha vao hitanareo mitranga izany zavatra rehetra izany, dia fantatrareo fa efa akaiky Izy, manakaiky ny vavahady. <sup>30</sup> Lazaiko aminareo, marina tokoa, ity taranaka ity dia tsy ho lany ritra mandra-pitrangan'izany zavatra rehetra izany. <sup>31</sup> Ho levona ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko kosa tsy mba ho levona mandrakizay. <sup>32</sup> Fa ny mahakasika izany andro na ora izany, dia tsy misy mahalala, na dia ireo anjely any an-danitra aza, na ny Zanaka, fa ny Ray ihany. <sup>33</sup> Mitandrema! Miambena, satria tsy fantatrareo ny ora. <sup>34</sup> Izany dia tahaka ny lehilahy iray handeha lavitra nandao ny tranony izy ka ireo mpanompony no nataony niandraikitra ny tranony, samy amin'ny raharahany avy, ary nandidy ny mpiambina Izy mba tsy hatory. <sup>35</sup> Koa miambena, satria tsy fantatrareo hoe rahoviana no ho avy ny tompoan-trano; mety ho amin'ny hariva izany, na amin'ny sasak'alina, na maneno akoho, na maraina. <sup>36</sup> Fa raha avy tampoka izy, dia aza avela hahita anareo matory izy. <sup>37</sup> Izay lazaiko aminareo dia lazaiko amin'ny olona rehetra koa: Miambena!"

### Footnotes

13:33 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo fahefana taloha dia hoe: Mitandrema! Miambena ary mivavaha, satria...

**Mark 13:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Raha niala ny faritry ny tempoly izy ireo, dia niteny tamin'ny mpianatra momba izay hiseho ao amin'ny tempoly mahafinaritra izay naorin'i Heroda Lehibe indrindra Jesosy.

**ny hatsaran'ny vato sy ny hatsaran'ny rafitra**

Ny "vato" dia maneho ny vato izay nanorenana ny trano. DH: "ny hatsaran'ny vato nanorenana ny trano sy ny hatsaran'ny rafitra"

**Hitanao va ireto rafitra lehibe ireto? Tsy havela hisy vato iray**

Io fanontaniana io dia ampiasaina mba hisarihana ny saina ho any amin'ilay trano. DH: "Jereo io fanorenana lehibe io! Tsy havela hisy vato iray"

**Tsy havela hisy vato iray hifanongoa eo ka tsy ho ravana**

Izany dia maneho fa ireo miaramila fahavalo dia handrava ireo vato. DH: "Tsy havela hisy vato iray hifanongoa eo ka tsy ho ravana, fa ho avy handrava io fanorenana io ireo miaramila fahavalo"

**Mark 13:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ho valin'ny fanontaniana ireo mpianatra momba ny fandravana ny tempoly sy ny zavatra hiseho, Jesosy dia niteny azy ireo ny zavatra hiseho amin'ny ho avy.

**Ary raha nipetraka teo an-tendrombohitry'Oliva tandrifin'ny tempoly Izy, Petera**

Tonga tao an-tendrombohitry'i Oliva izy ireo, ary nipetraka Jesosy. DH: "Taorian'ny nahatongavan'izy ireo tao an-tendrombohitry'Oliva, tandrifin'ny tempoly, dia nipetraka Jesosy. Ary Petera"

**mangingina**

"rehefa irery izy ireo"

**hitranga izany zavatra izany ... rehefa hitranga ireo zavatra ireo**

Izany dia maneho izay nolazain'i Jesosy fa hiseho amin'ny vaton'ny tempoly. DH: "izay hiseho amin'ny fanorenana ny tempoly ... izay hiseho amin'ny fanorenana ny tempoly"

**Mark 13:5****tamin'izy ireo**

"tamin'ireo mpianatra"

**tsy hisy olona hamitaka anareo**

Jesosy dia mampitandrina ireo mpianany mba tsy ho voafitaky na iza na iza momba izay hiseho. DH: "famitahana anareo momba izay hiseho"

**amin'ny Anarako**

Ny mety ho dikan-teny hafa: 1) "hanambara ny fahefako" na 2) "hanambara fa nirahin'Andriamanitra izy ireo."

**Izaho no izy**

"Izaho no Kristy"

**maro no ho voafitany**

"olona maro no ho voafitany"

**Mark 13:7****mandre ady sy resabe momba ny ady ianareo**

Ny mety ho dikany hafa 1) "mandre ny resabe momba ny ady any alavitra any" na 2) "mandre ny ady izay mitranga amin'izao fotoana ary ny olona milaza fa hanomboka ny ady"

**resabe**

resaka tsy voafaritry na marina na diso

**fa tsy mbola izay ny farany**

Izany dia maneho ny faran'izao tontolo izao. DH: "fa tsy mbola faran'izao tontolo izao izany" na "fa mbola ho avy ny faran'izao tontolo izao"

**hitsangana hamely**

Io fomba fiteny io dia midika hoe mifampiadry. DH: "hifamely"

**Izany no fiandohan'ny fahorian'ny fiterahana**

Jesosy dia miresaka ireo loza ireo ho fiandohan'ny fahoriana satria mbola loza mafy kokoa no hitranga aorian'ireo. DH: "Ireo tranga ireo dia ho toy ny fahorian'ny vehivavy rehefa mihetsi-jaza. Mbola hijaly mafimafy kokoa noho izany izy ireo atsy aoriana"

**Mark 13:9****Mitandrema ianareo**

"Mivonona amin'izay mety ho ataon'ny olona aminareo"

**Ho atolotr'izy ireo amin'ny**

Izany dia midika fisamborana olona iray ary fanolorana azy eo amin'ny fahefan'olon-kafa. DH: "hisambotra anao ary hanolotra anao amin'ny"

**ary ho kapohina**

Afaka atao hoe: "hokapohin'ny olona"

**Hitsangana manoloana ianareo**

Izany dia midika hoe atao fanadihadiana sy tsaraina. DH: "Ho hadihadiana aloha Ianao" na "Ho entina eo amin'ny fanadihadiana ary ho tsaraina"

**noho ny Amiko**

"noho Izaho"

**ho vavolombelona amin'izy ireo**

Izany dia midika fa hijoro vavolombelona momba an'i Jesosy izy ireo. DH: "ary hijoro vavolombelona momba Ahy amin'izy ireo" na "hiteny ny momba Ahy amin'izy ireo"

**Fa ny Filazantsara dia tsy maintsy ho toriana any amin'ny firenena rehetra aloha**

Jesosy dia mbola miresaka momba ny zavatra izay tsy maintsy hiseho alohan'ny farany. DH: "Fa ny Filazantsara dia tsy maintsy ho toriana amin'ny firenena rehetra mialohan'ny fiafarana."

**Mark 13:11****hanolotra anareo izy ireo**

Izany dia midika hoe apetraka amin'ny fahefan'olon-kafa. DH: "hanolotra anareo amin'ireo manam-pahefana"

**fa ny Fanahy Masina**

Afaka atao hoe: "fa ny Fanahy Masina hiteny amin'ny alalanareo"

**Ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho faty**

Izany dia midika fa ny rahalahy iray dia hamadika ny rahalahiny iray, ary izany dia hitarika ny fahafatesan'ny rahalahiny.

**Ny rahalahy ... ny rahalahiny**

Izany dia midika hoe rahalahy sy rahavavy. DH: "Mpiray tampo"

**ary ny ray hanolotra ny zanany**

Izany dia midika fa ny ray dia hamadika ny zanany, ary izany dia hitarika ny fahafatesan'ny zanany. DH: "ny rainy hanolotra ny zanany ho faty"

**Ny zanaka hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny**

"Ny zanaka hamaly ny ray aman-dreniny"

**ka hahafaty azy ireo**

Izany dia midika fa hampamono azy ireo ho faty ireo manam-pahefana. DH: "hahatonga ireo manam-pahefana hampamono azy ireo"

**Ho halan'ny olon-drehetra ianareo**

"Hankahala anareo ny olon-drehetra"

**nohon'ny Anarako**

Maneho an'i Jesosy. DH: "noho Izaho" na "nohon'ny finoanareo Ahy" (UDB)

**Fa na iza na iza maharitra hatramin'ny farany, dia ho voavonjy izany olona izany**

Izany dia midika hoe: manam-pinoana amin'Andriamanitra mandra-pahatapitry ny ainy. DH: "Andriamanitra hamonjy izay rehetra manam-pinoana Aminy, miaritra ireo fitsapana, mandra-pahatapitry ny ainy"

**Mark 13:14****ny fahavetavetan'ny fandravana**

Io fehezanteny io dia avy ao amin'ny bokin'i Daniela. Ny mpanotrona azy dia efa zatra io andalana io sy ny faminaniana momba ny fahavetavetana miditra ao an-tempoly sy mandoto azy. DH: "ireo zavatra mahamenatra izay mandoto ireo zavatr'Andriamanitra"

**mitsangana eo amin'ny tsy tokony hitsanganany**

Ireo mpihaino an'i Jesosy dia tokony hahafantatra fa maneho ny tempoly izany. DH: "mitsangana ao an-tempoly izay tsy tokony hitsanganan'izy ireo"

**aoka hisaina izay mamaky**

Tsy i Jesosy no miteny eto. Matio dia nanampy an'io mba hisarihana ny mpamaky, mba hihaino ity fampitandremana ity izy ireo. DH: "aoka izay rehetra mamaky ity mba hihevitra tsara ny fampitandremana"

**ao an-tampon-trano**

Ny tampon-trano izay fitoeran'i Jesosy dia mahitsy, ary afaka mitsangana eo ambonin'izany ny olona.

**aoka tsy hiverina**

"aoka tsy hiverina any an-trano"

**Mark 13:17****Mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina no hitrangan'izany**

"Mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina izany fotoana izany" na "Mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina no hitranga izany zavatra izany"

**izay tsy mbola nisy**

"lehibe noho izay efa nisy teo aloha." Izany dia mamaritra fa ho lehibe sy mahatsiravina ny fahoriana izay ho avy.

**nafohezin'ny Tompo izany andro izany**

Afaka atao hoe: "nafohezin'ny Tompo izany andron'ny fahoriana izany" na "nafohezin'ny Tompo izany fotoan'ny fahoriana izany"

**nafohezina**

lasa vitsivitsy ireo andron'ny fahoriana.

**dia tsy hisy nofo ho voavonjy**

Ny teny hoe: "nofo" dia maneho ny olona. Eto ny "voavonjy" dia maneho ny famonjena ara-batana. DH: "tsy hisy ho voavonjy" na DH: "ho faty ny olon-drehetra"

**olom-boafidy, izay nofinidiny**

Ireo teny roa ireo dia manasongadina fa Andriamanitra no nisafidy ireo olona ireo.

**Mark 13:21****Kristy sandoka**

"olona izay manambara fa Kristy izy ireo"

**mba hamitahana**

" mba hamitahana ny olona"

**na dia ny olom-boafidy aza, raha azo atao**

"na ireo olom-boafidy aza dia ho ezahin'izy ireo fitahana"

**Miambena**

"Mitandrema"

**Efa voalazako taminareo mialoha ny fotoan'ireo zavatra rehetra ireo**

Jesosy niteny ireo zavatra ireo azy ireo mba ho fampitandremana. "Efa voalazako taminareo mialoha ny fotoan'ireo zavatra rehetra ireo mba hampitandremana anareo"

**Mark 13:24****ny volana tsy hanome ny hazavany**

"hihamaizina ny volana"

**ireo hery izay ao an-danitra ho hozongozonina**

"Andriamanitra hanozongozona ny hery izay any an-danitra"

**ireo hery**

Mamaritra ireo planeta, ao anatin'izany ireo kintana. DH: "ireo planeta"

**Ka ho hitan'izy ireo**

"Ka ho hitan'ireo olona"

**hery lehibe sy voninahitra**

"mahery sy be voninahitra"

**ka hanangona miaraka**

Ny teny hoe: "izy" dia maneho an'Andriamanitra ary hevitra ambadik'ireo anjely, fa izy ireo no hampiangona ireo voafidy. DH: "izy ireo no hanangona" na "ireo anjely no hanangona"

**any amin'ny vazan-tany efatra**

Ny tany rehetra dia resahana ho "vazan-tany efatra," izay avaratra, atsimo, antsinanana, ary andrefana.

**any amin'ny faran'ny tany ka hatrany amin'ny faran'ny lanitra**

DH: "any amin'ny toerana rehetra eto ambonin'ny tany"

**Mark 13:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia manome fanoharana roa fohifohy mba hampatsiahivana ny olona hitandrina ny zavatra izay efa nazavainy fa hiseho.

**Raha vao manaroka ny rantsany**

Ny teny hoe: "ny rantsany" dia maneho ny rantsan-kazo. DH: " Raha vao manaroka sy mandravina ny rantsan-kazo"

**manaroka**

"maitso sy tanora"

**mandravina**

Midika fa velona ilay hazo ary afaka mampitombo ny raviny. DH: "manomboka mitsimoka ny raviny"

**ny lohataona**

vanim-potoana mafana na fotoam-piakaran'ny vokatra

**izany zavatra rehetra izany**

maneho ireo andron'ny fahoriana. DH: "ireo zavatra efa nofaritako"

**efa akaiky Izy**

"efa akaiky ny Zanak'Olona"

**manakaiky ny vavahady**

Io fomba fiteny io dia midika fa efa tena akaiky ary efa akaiky ho tonga, tahaka ny mpandehandeha efa akaiky ho tonga amin'ny vavahadin'ny tanàna. DH: "efa akaiky ho tonga Izy"

**Mark 13:30****Lazaiko marina aminareo**

Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**dia tsy ho tapitra**

DH: "tsy ho faty"

**mandra-pitrangan'izany zavatra rehetra izany**

"izany zavatra rehetra izany" dia maneho ireo andron'ny fahoriana.

**ny lanitra sy ny tany**

Maneho ny lanitra rehetra, ao anatin'izany ny masoandro, ny volana, ireo kintana, ary ireo planeta sy ny manerana ny tany rehetra. DH: "ny lanitra sy ny tany, ary ny zava-drehetra ao aminy"

**Ho levona**

"tsy hisy intsony." Eto ny fehezanteny dia maneho ny fiafaran'izao tontolo izao.

**fa ny teniko kosa tsy mba ho levona mandrakizay**

Jesosy dia miresaka momba ireo teny izay tsy mamoy ny heriny tahaka ny hoe zavatra izay tsy mety ho faty mandrakizay. DH: "tsy ho lany hery ireo teniko"

**izany andro na ora izany**

Izany dia maneho ny fotoana izay hiverenan'ny Zanak'Olona. DH: "izany andro na ora izay hiverenany izany"

**na dia ireo anjely any an-danitra aza, na ny Zanaka**

Izy ireo dia ao anatin'ny lisitr'ireo izay tsy mahalala ny hiverenan'ny Zanak'Olona. DH: "fa na dia ireo anjely any an-danitra na ny Zanaka aza tsy mahafantatra"

**any an-danitra**

Eto "ny lanitra" dia maneho ny fitoeran'Andriamanitra.

**fa ny Ray ihany**

"fa ny Ray ihany no mahafantatra"

### **Mark 13:33**

**tsy fantatrarao ny ora**

Afaka faritana tsara ny "ora" eto. DH: "rehefa tonga izany ora izany rehefa hiseho izany zavatra rehetra izany"

**samy amin'ny raharahany avy**

"miteny amin'ny tsirairay avy izay asa tokony ataony"

### **Mark 13:35**

**mety ho amin'ny hariva izany**

Izany dia maneho ny fiverenan'ny tompo. DH: "mety ho amin'ny hariva izy no miverina"

**na maneno akoho**

vorona maneno vao maraina.

**dia aza atao hitany matory ianareo**

Eto Jesosy dia miresaka tsy fahavononana ho "fatoriana". DH: "dia aza atao hitany mbola tsy vonona amin'ny fiverenany ianareo"

## Chapter 14

<sup>1</sup> Ary roa andro mialohan'ny Paska sy ny Fankalazana ny fihinanana ny Mofo Tsy misy Masirasira tamin'izany. Nitady fomba hisamborana an'i Jesosy mangingina ireo lohan'ny mpisorona sy ny mpanoradalàna ary hamono Azy avy eo. <sup>2</sup> Fa hoy izy ireo hoe: "Aleo tsy amin'ny andro fety, mba tsy hampitabataba ny olona." <sup>3</sup> Raha tany Betania tao an-tranon'i Simona boka Jesosy, raha nipetraka teo an-databatra Izy, dia nisy vehivavy iray nanatona Azy nitondra tavoara alabastara misy menaka lafo vidy, izay narda tsy misy fangarony. Novakiany ilay tavoara dia naranany teo amin'ny lohany izany. <sup>4</sup> Nahatezitra ny olona sasany anefa izany. Nifampiresaka izy ireo ka nanao hoe: "Inona no anton'izao fandanindaniam-poana izao?" <sup>5</sup> Io menaka manitra io dia afaka namidy mihoatry ny denaria telonjato, ary nomena ny mahantra." Dia nibedy ilay vehivavy izy ireo avy eo. <sup>6</sup> Nefa hoy Jesosy hoe: "Avelao izy. Nahoana ianareo no manao izay mampalahelo azy? Zavatra tsara no nataony tamiko. <sup>7</sup> Ny mahantra dia eo aminareo mandrakariva, ary afaka hanao asa soa ho azy ireo foana ianareo na amin'ny fotoana inona na fotoana inona, fa izaho kosa tsy hitoetra eo aminareo mandrakariva. <sup>8</sup> Nanao izay azony atao izy: nanosotra ny tenako ho amin'ny fandevenana izy. <sup>9</sup> Lazaiko marina aminareo, na aiza na aiza hitoriana ny Filazantsara manerana izao tontolo izao, dia ho lazaina ny nataon'ity vehivavy ity, mba ho fahatsiarovana azy." <sup>10</sup> Avy eo Jodasy Iskariota, iray tamin'izy roa ambin'ny folo lahy, lasa nankany amin'ireo lohan'ny mpisorona hahafahany manolotra Azy eo amin'izy ireo. <sup>11</sup> Rehefa nandre izany ireo lohan'ny mpisorona, dia faly izy ireo ka nampantanana hanome vola azy. Dia nanomboka nitady irika hanolorana Azy amin'izy ireo izy. <sup>12</sup> Tamin'ny andro voalohan'ny fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, rehefa nanao sorona ny ondrin'ny Paska izy ireo, dia hoy ireo mpianany taminy hoe: "Aiza no tianao alehanay hikorakarana sakafo, mba hihananao ny sakafon'ny Paska?" <sup>13</sup> Dia naniraka roa tamin'ireo mpianany Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana any an-tanàna, ary hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo. Manaraha Azy. <sup>14</sup> Izay trano hidirany, manaraha azy dia lazao ny tompon'izany trano izany hoe: 'Hoy ny Mpampianatra hoe: "Aiza ny efitrano fandraisam-bahiny ahafahako miara-mihinana ny Paska amin'ireo mpianatro?"' <sup>15</sup> Hanoro anareo efitrano lehibe ambony rihana misy fanaka izay efa vonona tsara izy. Ao no ataovy ny fanomanana rehetra ho antsika." <sup>16</sup> Dia lasa ny mpianatra ary nihazo ny tanàna. Hitan'izy ireo araka izay efa nolazainy tamin'izy ireo ny zava-drehetra, dia nanomana ny sakafon'ny Paska izy ireo. <sup>17</sup> Rehefa hariva ny andro, dia tonga niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo lahy Izy. <sup>18</sup> Rehefa nipetraka teo an-databatra sy nihinanana izy ireo, dia hoy Jesosy hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa ny iray aminareo izay miara-mihinana amiko eto dia hamadika Ahy". <sup>19</sup> Nalahelo mafy izy rehetra, ka niteny taminy ny tsirairay hoe: "Tsy izaho mihitsy izany?" <sup>20</sup> Jesosy namaly ka niteny azy ireo hoe: "Ny anankiray aminareo roa ambin'ny folo izany, ilay iray miara-manatsoboka mofo amiko anaty lovia izao." <sup>21</sup> Fa ny Zanak'Olona dia handeha amin'ny lalana izay efa voalazan'ny Soratra Masina momba Azy. Fa loza kosa ho an'izany lehilahy izay mamadika ny Zanak'olona izany. Tsara ho azy kokoa aza raha tsy teraka izy." <sup>22</sup> Raha mbola teo am-pihinanana izy ireo, dia nandray ny mofo i Jesosy, nisaotra, ary nizarazara izany. Natolony azy ireo izany sady nanao hoe: "Raiso, ity no vatako." <sup>23</sup> Dia nandray ny kapoaka Izy, nisaotra, ary nanolotra izany azy ireo, dia nisotro tamin'izany izy rehetra. <sup>24</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ity ny rà'n'ny fanekem-pihavanako, rà izay alatsaka ho an'ny maro. <sup>25</sup> Lazaiko marina aminareo, tsy hisotro ity vokatry ny voaloboka ity intsony Aho mandra-pahatongan'ny andro izay hisotroako izany indray any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra." <sup>26</sup> Rehefa avy nihira fiderana izy ireo, dia nandeha teny an-tendrombohitri'Olive. <sup>27</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Handao Ahy avokoa ianareo rehetra, fa voasoratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Aho ary hiparitaka ny ondry.' <sup>28</sup> Fa rehefa avy hatsangana amin'ny maty Aho, dia hialoha lalana anareo ao Galilia." <sup>29</sup> Dia hoy Petera taminy hoe: "Na dia handao avokoa aza ny rehetra, izaho tsy mba handao." <sup>30</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio alina, raha mboola tsy maneno in-droa akory ny akoho, dia efa handà Ahy in-telo ianao." <sup>31</sup> Fa hoy Petera hoe: "Na tsy maintsy hiara-maty aminao aza aho, tsy mba handà Anao." Dia samy nampanantena toy izany avokoa izy rehetra. <sup>32</sup> Ary tonga tany amin'ny toerana atao hoe Getsemane izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Mipetraka eto raha mbola mivavaka Aho." <sup>33</sup> Dia nitondra an'i Petera, sy Jakoba, ary Jaona niaraka taminy Izy ary nanomboka nalahelo sady ory tanteraka. <sup>34</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fadiranovana loatra ny Fanahiko, toy ny efa ho faty. Mitoera eto ka miambena." <sup>35</sup> Nanalavitra kelikely Jesosy, niankohoka tamin'ny tany, dia nivavaka Izy mba raha toa ka azo atao, dia hiala Aminy izany ora izany. <sup>36</sup> Hoy Izy hoe: "Aba, Ray o, ny zavatra rehetra hainao atao. Esory amiko ity kapoaka ity. Nefa aoka tsy ny sitrapoko no hatao, fa ny Anao." <sup>37</sup> Niverina Izy dia nahita azy ireo natory, ka hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Simona, matory va ianao? Tsy nahavita niambina ora iray va ianao? <sup>38</sup> Miambena dia mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy. Ny fanahy mety mazoto tokoa, fa ny nofo no malemy." <sup>39</sup> Dia lasa



indray Izy nisintaka kely ary nivavaka, ary dia namerina ny teny nataony teo aloha ihany. <sup>40</sup> Niverina indray Izy dia nahita azy ireo natory, fa navesatry ny torimaso ny mason'izy ireo ary tsy hitan'izy ireo izay nolazaina taminy. <sup>41</sup> Nanatona fanintelony Izy ka niteny azy ireo hoe: "Mbola matory sy maka aina foana va ianareo? Ampy izay! Efa tonga ny fotoana. Jereo! Ny Zanak'Olona novadihana hatolotra eo an-tanan'ny mpanota. <sup>42</sup> Mitsangàna; andao andeha isika. Jereo, efa akaiky ilay hamadika Ahy." <sup>43</sup> Ary raha mbola teo am-pitenenana Izy, dia tonga Jodasy, iray amin'ireo roambinifolo lahy, niaraka tamina vahoaka maro izay nilanja sabatra sy langilangy, avy amin'ireo lohan'ny mpisorona, ny mpanoradalàna, ary ny loholona. <sup>44</sup> Ary ilay mpamadika Azy nanome famantarana azy ireo, niteny hoe: "Izay horohako, Izy ilay Izy. Sambory Izy dia ambeno." <sup>45</sup> Rehefa tonga Jodasy, dia nanatona an'i Jesosy avy hatrany izy sady niteny hoe: "Raby," ary nanoroka Azy izy. <sup>46</sup> Avy eo dia nosamborin'izy ireo Jesosy. <sup>47</sup> Fa nisy iray tamin'ireo nijoro teo namoaka ny sabatrany ary namely ilay mpanompon'ny mpisoronabe ka nanapaka ny sofny. <sup>48</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avy hisambotra Ahy, toy ny hisambotra jiolahy, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy va ianareo? <sup>49</sup> Tamin'Izaho teo aminareo isan'andro sy nampianatra teo amin'ny tempoly, tsy nosamborinareo. Fa natao izao mba hahatanteraka ny Soratra Masina." <sup>50</sup> Dia nandao Azy avokoa ireo rehetra niaraka tamin'i Jesosy ary niery. <sup>51</sup> Ary nisy zatovo lahy anankiray, tsy nitafy afa-tsy lamba hariry fotsiny ihany, nanaraka an'i Jesosy. Rehefa nosamborin'ny olona izy <sup>52</sup> dia navelany teo ny lambany ka lasa nandositra nitanjaka izy. <sup>53</sup> Nentin'izy ireo tany amin'ny mpisoronabe Jesosy. Niara-niangona taminy teo daholo ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna. <sup>54</sup> Ary Petera nanaraka Azy avy eny lavidavitra eny, hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe. Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izy, izay namindro teo akaikin'ny afo. <sup>55</sup> Ary ireo lohan'ny mpisorona sy ny Synedriona Jiosy dia nitady vavolombelona manohitra an'i Jesosy mba hahafahan'izy ireo mamono Azy ho faty. Saingy tsy nahita izy ireo. <sup>56</sup> Fa maro no niampanga lainga Azy, nefa na ny fiampangan'izy ireo aza tsy nitombomona akory. <sup>57</sup> Ary nisy olona sasany nitsangana ka niampanga lainga Azy; hoy izy ireo hoe: <sup>58</sup> "Renay Izy niteny hoe: 'Ho ravako ity tempoly natao tanana ity, ary ao anatin'ny telo andro Aho dia hanangana iray hafa tsy nataon-tanana.'" <sup>59</sup> Fa mbola tsy nifanaraka ihany ny fiampangan'izy ireo. <sup>60</sup> Ary ny mpisoronabe nijoro teo amin'izy ireo dia nanontany an'i Jesosy hoe: "Tsy manan-kavaly va Ianao? Inona izany hiampangan'ireto olona ireto Anao izany?" <sup>61</sup> Fa nangina Izy sady tsy namaly na inona na inona. Dia mbola nanontany Azy indray ny mpisoronabe ka nanao hoe: "Ianao va no Kristy, Zanak'Ilay voatahy?" <sup>62</sup> Dia hoy Jesosy hoe: "Izaho no Izy; ary ho hitanareo ny Zanak'Olona rehefa mipetraka eo an-tanana ankavanana'ny herin'Andriamanitra sy avy eny amin'ny rahon'ny lanitra." <sup>63</sup> Ary ny mpisoronabe nandrovitra ny fitafiany sady nanao hoe: "Mbola mila vavolombelona ihany va isika? <sup>64</sup> Efa renareo ny fitenenan-dratsy. Inona no fanapahan-kevitrareo?" Izy rehetra dia samy nanameloka Azy toy ny olona mendrika ny ho faty. <sup>65</sup> Ny sasany nanomboka nandrora Azy ary nanarona ny tavany ka namely Azy ary nanao taminy hoe: "Maminania!" Ary ireo manam-boninahitra naka Azy ka nidaroka Azy. <sup>66</sup> Ary raha teo ambany teo ankianja Petera, dia nanatona azy ny iray tamin'ireo mpanompo vavin'ny mpisoronabe. <sup>67</sup> Nahita an'i Petera nijoro namindro teo amin'ny afo izy, dia nodinihany akaiky. Dia hoy izy taminy hoe: "Ianao koa niaraka tamin'ilay Nazarena, Jesosy". <sup>68</sup> Fa izy nandà izany, nanao hoe: "Tsy fantatro sady tsy azoko izay teneninao." Avy eo lasa niala ny kianja izy. <sup>69</sup> Fa ilay ankizivavy teo nahita azy dia nanomboka niteny tamin'ireo olona nitsangana manodidina indray hoe: "Io lehilahy io dia iray amin'izy ireny!" <sup>70</sup> Fa mbola nandà izany indray izy. Kelikely avy eo dia hoy ireo nitsangana teo tamin'i Petera hoe: "Iray amin'izy ireo mihitsy ianao, satria ianao koa dia Galiliana." <sup>71</sup> Fa nanomboka nanozon-tena sy nianiana izy hoe: "Tsy fantatro izany lehilahy lazainareo izany." <sup>72</sup> Ary niaraka tamin'izany dia naneno fanindroany ny akoho. Avy eo dia nahatsiaro ny tenin'i Jesosy taminy Petera hoe: "Raha tsy mbola maneno fanindroany ny akoho, dia handà Ahy intelo ianao," Dia nalahelo mafy izy sady nitomany.

---

## Footnotes

---

14:68 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo fandikana sasany manampy hoe: "Dia naneno ny akoho," fa ireo fandikana taloha tsara indrindra dia tsy misy an'io teny io.

---

**Mark 14:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Roa andro talohan'ny Paska, ny lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna nikononkonona mangingina hamono an'i Jesosy.

**mangingina**

tsy nisy olona nahatsikaritra

**Fa hoy izy ireo hoe**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna.

**tsy amin'ny andro fety**

DH: "Tsy azontsika atao mandritra ny fankalazana mihitsy izany"

**Mark 14:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Na dia tezitra aza ny sasany fa nampiasaina nanosorana an'i Jesosy ilay menaka, Jesosy nilaza fa ilay vehivavy dia nanosotra ny vatany alohan'ny hahafaty Azy.

**Simona boka**

Io lehilahy io dia nanana fahabokana teo aloha teo fa tsy marary intsony izy izao. Simona hafa io fa tsy Simona Petera sy Simona ilay Zelota.

**raha nipetraka teo an-databatra Izy**

Amin'ny fombafomban'i Jesosy, rehefa niangona mba hihinana ny olona, nipetraka teo amin'ny andaniny roa izy ireo, nipetraka ambonin'ny ondana eo alohan'ny latabatra iva.

**tavoara alabastara**

Tavoara vita tamin'ny alasabatra. Ny Alasabatra dia vato mavo sy fotsy tena lafo. DH: "vato alasabatra fotsy tsara tarehy"

**misy menaka lafo vidy, izay narda tsy misy fangarony**

"izay nisy ranomanitra lafo vidy antsoina hoe: narda." Ny narda dia menaka lafo vidy izay manitra sy fanaovana ranomanitra.

**teo amin'ny lohany**

"teo amin'ny lohan'i Jesosy"

**Inona no anton'izao fandanindaniam-poana izao?**

Izy ireo dia mametraka izany fanontaniana izany mba hampisehoana ny tsy fankatoavan'izy ireo ny fanosoran'ilay vehivavy menaka manitra amin'i Jesosy. DH: "Mampalahelo fa nariany fotsiny io ranomanitra io!"

**Io menaka manitra io dia afaka namidy**

Marka dia te-hampiseho amin'ny mpamaky fa ireo izay teo dia liana tamin'ny resa-bola. DH: "Afaka namidintsika iny ranomanitra iny" na "Afaka namidiny iny ranomanitra iny"

**denaria telonjato**

300 denaria. Volafotsy an'ireo Romana.

**ary nomena ny mahantra**

Afaka atao hoe: "ary ny vola nomena an'ireo olona mahantra"

**Mark 14:6****Nahoana ianareo no manao izay mampalahelo azy?**

Jesosy nibedy ireo vahiny tamin'ny fametrahana fanontaniana momba izay nataon'ilay vehivavy. DH: "Tsy tokony hanao izay mampalahelo azy ianareo!"

**Lazaiko marina aminareo**

Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**na aiza na aiza hitoriana ny Filazantsara**

Afaka atao hoe: "na aiza na aiza hitorian'ireo mpanaraka Ahy ny Filazantsara"

**dia ho lazaina ny nataon'ity vehivavy ity**

"dia ho lazaina ihany koa izay nataon'ity vehivavy ity"

**Mark 14:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanosoran'ilay vehivavy menaka manitra an'i Jesosy, Jodasy nampanantena an'i Jesosy fa hanafaka Azy amin'ireo lohan'ny mpisorona.

**hahafahany manolotra Azy eo amin'izy ireo.**

Jodasy dia tsy hanafaka an'i Jesosy eo amin'izy ireo akory, fa hanao fifanarahana amin'izy ireo. DH: "mba hifanarahana amin'izy ireo no hanolorana an'i Jesosy amin'izy ireo."

**Rehefa nandre izany ireo lohan'ny mpisorona**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "Rehefa nandre izay ho ataony miaraka amin'izy ireo ny lohan'ny mpisorona"

**Mark 14:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy nandefa roa tamin'ireo mpianany hanomana ny sakafon'ny Paska.

**rehefa nanao sorona ny ondrin'ny Paska izy ireo**

Tamin'ny fiatombohan'ny Fankalazana ny Mofa tsy misy Masirasira, dia fombafomba ny manao sorona ondry iray. DH: "satria ara-pomba ny manao sorona ny ondrin'ny Paska"

**mitondra siny feno rano**

"mitondra tavoara lehibe feno rano"

**Hoy ny Mpampianatra hoe: "Aiza ny efitrano fandraisana hahafahako miara-mihinana ny Paska amin'ireo mpianatra?"**

Afaka somary atao fangatahana manaja kokoa. DH: "Ny mpampianatray dia te-hahafantatra hoe aiza ny toerana fandraisam-bahiny hahafahany mihinana miaraka amin'ireo mpianany amin'ny Paska."

**fandraisana**  
trano fandraisam-bahiny

**miara-mihinana ny Paska**  
Eto ny "Paska" dia maneho ny sakafon'ny Paska.  
DH: "mihinana ny sakafon'ny Paska"

### Mark 14:15

**ataovy ny fanomanana rehetra ho antsika**  
Ao no hanomanan'izy ireo ny sakafo ho an'i Jesosy sy ireo mpianatra amin'ny Paska. DH: "Karakarao ao ny sakafon'ny Paska"

**Dia lasa ny mpianatra**  
"Dia lasa ireo mpianatra roa"

**efa nolazainy tamin'izy ireo**  
"efa nolazain'i Jesosy tamin'izy ireo"

### Mark 14:17

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Io hariva io raha nihinana ny sakafon'ny Paska Jesosy sy ireo mpianatra, Jesosy niteny azy ireo fa hisy iray amin'izy ireo hamadika Azy.

**tonga niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo lahy Izy**  
"tonga niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo lahy tao an-trano Izy"

**nipetraka teo an-databatra**  
Amin'ny fombafomban'i Jesosy, rehefa niangona mba hihinana ny olona, nipetraka teo amin'ny andaniny roa izy ireo, nipetraka ambonin'ny ondana eo alohan'ny latabatra iva.

**Lazaiko marina aminareo**  
Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**tsirairay**  
mifandimby manontany Azy

**Tsy izaho mihitsy izany**  
Ny mety ho dikany hafa: 1) fanontaniana izay niandrasan'izy ireo valin-teny hoe "Tsia" na 2) fanontaniana izay tsy mila valin-teny. DH: "Tsy izaho mihitsy izany iray hamadika anao izany!"

### Mark 14:20

**miara-manatsoboka mofo amiko anaty lovia**  
Amin'ny fomban'i Jesosy, dia mofo no hohanin'ny olona matetika, manatsoboka mofo anaty lovia misy saosy na menaka nafangaro tamin'ny hanitra.

**Fa ny Zanak'Olona dia handeha amin'ny lalana izay efa voalazan'ny Soratra Masina momba Azy**  
Eto Jesosy dia maneho ireo soratra masina faminaniana momba ny fahafatesany. Raha misy fomba fiteny manalefaka kokoa ny fahafatesana amin'ny fitenim-paritrao dia afaka ampiasaina eto. DH: "Fa ny Zanak'Olona dia ho faty araky ny fomba izay efa voalazan'ny Soratra Masina"

### Mark 14:22

**ny mofo**  
Mofo fisaka tsy misy masirasira, izay anisan'ny sakafo hohanina amin'ny Paska.

**Dia nandray ny kaopy Izy**  
Eto ny "kaopy" dia hevitra ambadiky ny divay. DH: "Nandray ny kaopy misy divay Izy"

**Ity ny ràn'ny faneke-m-pihavanako, rà izay alatsaka ho an'ny maro**  
Ny faneke-m-pihavanana dia ho an'ny famelana ny fahotana. DH: "Ity ny ràko izay manamafy ny faneke-m-pihavanako, rà izay alatsaka mba hahazoan'ny maro ny famelana ny fahotana"

**Ity ny ràko**  
"Ity divay ity no ràko." Tsy tena hoe rà ny divay, fa ny divay eto dia maneho ny ràn'i Jesosy.

**Lazaiko marina aminareo**  
Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**vokatr'ity voaloboka ity**  
Maneho ny "divay" izany.

**indray**  
Ny mety ho dikany hafa: "amin'ny fomba vaovao"

### Mark 14:26

**hira fiderana**  
Fombafomba fihiran'izy ireo ny Salamon'ny Testamenta Taloha.

**Hoy Jesosy tamin'izy ireo**  
"Hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

**Handao avokoa**  
"hamela Ahy irery"

**Hamely ny mpiandry ondry Aho**  
"hamono." Eto ny "Aho" dia maneho an'Andriamanitra.

**hiparitaka ny ondry**

Afaka atao hoe: "Hanaparitaka ny ondry Aho"

**Mark 14:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia miteny amin'i Petera mazava tsara fa handà Azy izy. Petera sy ireo mpianatra rehetra dia nahatoky tena fa tsy handà an'i Jesosy.

**atsangana amin'ny maty Aho**

Izany dia midika fa hanangana an'i Jesosy amin'ny maty Andriamanitra. DH: "Andriamanitra no hanangana Ahy amin'ny maty" na "Andriamanitra hanangana Azy ho velona indray"

**dia hialoha lalana anareo**

"Handeha mialoha anareo Aho"

**Na dia handao avokoa aza ny rehetra, izaho tsy mba handao**

Afaka atao hoe: "Na dia handao Anao avokoa aza ny olon-drehetra, Izaho hiaraka Aminao hatrany"

**Mark 14:30****Lazaiko marina aminareo**

Manoro io fa ny hevitra manaraka eo dia tena marina tokoa ary manan-danja.

**handà Ahy**

"hilaza fa tsy mahafantatra Ahy ianao"

**Na tsy maintsy hiara-maty aminao aza aho**

"Na dia ho faty aza aho"

**Dia samy nampanantena toy izany avokoa izy rehetra**

Izany dia midika fa niteny tahaka izay nolazain'i Petera avokoa ny mpianatra rehetra.

**Mark 14:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nankany Getsemania tany antendrombohitra'Oliva izy ireo, dia nankahery ny telo tamin'ireo mpianany Izy mba tsy hatory mandritran'Izy mivavaka. Indroa Izy no namoha azy ireo, ary ny fanintelony dia niteny azy ireo mba hifoha Izy satria tonga ny fotoan'ny famadihana.

**Ary tonga tany amin'ny toerana**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**nanomboka nalahelo**

resin'ny alahelo tanteraka

**ory tanteraka**

Ny teny hoe: "tanteraka" dia maneho an'i Jesosy izay tena ory fanahy tanteraka.

**ny Fanahiko**

Jesosy dia milaza ny tenany ho "fanahy." DH: "Aho"

**toy ny efa ho faty**

Jesosy dia tena ory sy nalahelo tanteraka ka nahatsapa toy ny efa ho faty Izy. DH: "tsapako fa efa ho faty Aho"

**miambena**

Ireo mpianatra dia niambina raha mbola nivavaka Jesosy. Tsy midika akory izany fa mijery an'i Jesosy mivavaka izy ireo.

**Mark 14:35****raha toa ka azo atao**

Izany dia midika fa raha hamela izany hiseho Andriamanitra. DH: "raha azon'Andriamanitra atao izany"

**dia hiala Aminy izany ora izany**

Eto ny teny hoe: "izany ora izany" dia maneho ny fotoana fijalian'i Jesosy, teo amin'io toerana io sy izay hiseho aoriana. DH: "mba tsy handalo amin'io fotoanan'ny fijaliana io Izy"

**Aba**

Ny "Aba" dia teny Grika ampiasain'ny zaza hiresahana amin'ny rain'izy ireo. Izany dia midika fifandraisana akaiky eo amin'izy ireo. Satria efa misy "Ray" aorian'ny "Aba" dia tsara raha ajanona amin'io fiteny grika hoe "Aba" io ny dikan-teny.

**Ray**

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Esory amiko ity kapoaka ity**

Jesosy dia miresaka momba ny fijaliana izay tsy maintsy hiaretany ho toy ny kapoaka.

**Nefa aoka tsy ny sitrapoko no hatao, fa ny Anao**

Jesosy dia mangataka amin'Andriamanitra mba hanatanteraka izay sitrapony fa tsy ny Azy. DH: "Fa aza izay sitrapoko no tanterahana, fa ny Anao"

**Mark 14:37****nahita azy ireo natory**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**Simona, matory va ianao? Tsy nahavita niambina ora iray va ianao?**

Jesosy dia mibedy an'i Petera nohon'ny fatoriany. DH: "Simona, natory ianao rehefa nolazaiko mba hiari-tory. Tsy mahavita miari-tory na dia ora iray akory aza."

**mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy**

Jesosy dia miresaka momba ny fakam-panahy toy ny hoe miditra amin'ny toerana iray. DH: "mba tsy ho voan'ny fakam-panahy ianareo"

**Ny fanahy mety mazoto tokoa, fa ny nofo no malemy**

Jesosy dia mampitandrina an'i Simona Petera fa tsy hahavita hanohitra hanao izay tiany amin'ny heriny

manokana izy. DH: "Hazoto amin'ny fanahinao ianao, fa tsy hahavita hanohitra izay tianao ho atao" na "Te-hanao izay lazainao ianao, kanefa osa ianao"

#### **Ny fanahy ... ny nofo**

Ireo dia maneho zavatra roa samihafa. Ny "fanahy" dia ireo faniriany. Ny "nofo" dia ny fahaiza-manaony araky ny maha-olombelona azy sy ny tanjany.

#### **namerina ny teny nataony**

"namerina nivavaka izay efa nivavahany teo aloha"

### **Mark 14:40**

#### **nahita azy ireo natory**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

#### **fa navesatry ny torimaso ny mason'izy ireo**

Eto ny mpanoratra dia miresaka momba ny olona te-hatory ka tsy mahavita manajanona ny masony hisokatra toy ny hoe: "maso mavesatry ny torimaso" DH: "fa te-hatory izy ireo ka tsy nahavita nanajanona ny mason'izy ireo hisokatra"

#### **Nanatona fanintelony Izy**

Jesosy nandeha ary nivavaka indray. Niverina fanintelony teo amin'izy ireo Izy. DH: "Ary nandeha Jesosy ka nivavaka indray. Niverina fanintelony Izy"

#### **Mbola matory sy maka aina foana va ianareo?**

Jesosy nibedy an'ireo mpianany satria tsy niari-tory sy nivavaka izy ireo. Afaka atao toy ny fanontaniana tsy mila valiny izany. DH: "Mbola matory sy maka aina foana ve ianareo!"

#### **Efa tonga ny fotoana**

Tonga ny fotoana hijalian'i Jesosy sy ny hamadihan'i Jodasy Azy.

#### **Jereo**

"Henoy!"

#### **Ny Zanak'Oloha nivadihana**

Jesosy dia mampitandrina ireo mpianany fa efa akaiky azy ireo ilay mpamadika Azy. DH: "Izaho, Zanak'Oloha, izay nivadihana"

### **Mark 14:43**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jodasy mamadika an'i Jesosy amin'ny oroka, ary ireo mpianatra rehetra dia nandositra.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny andininy 44 dia manome fampahafantarana fototra momba ny fifanarahan'i Jodasy tamin'ireo Mpitarika Jiosy mba hamadihana an'i Jesosy.

#### **Ary ilay mpamadika Azy**

Maneho an'i Jodasy.

#### **Izy ilay Izy**

Eto ny teny hoe: "ilay izy" dia maneho an'ilay lehilahy izay ho tondroin'i Jodasy. DH: "izy ilay iray izay tadiavinareo"

#### **ary nanoroka Azy izy**

"ary nanoroka Azy Jodasy"

### **Mark 14:47**

#### **nijoro teo**

"nijoro teo akaiky teo"

#### **Hoy Jesosy tamin'izy ireo**

"Hoy Jesosy tamin'ireo vahoaka"

#### **Avy hisambotra Ahy, toy ny hisambotra jiolahy, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy va ianareo?**

Jesosy dia nibedy an'ireo vahoaka. DH: "Tsy misy dikany ny fahatongavanareo hisambotra Ahy miaraka amin'ny sabatra sy langilangy toy izao, tahaka ny hoe mpangalatra Aho!"

#### **Fa natao izao mba**

"Fa niseho izao mba"

#### **ireo rehetra niaraka tamin'i Jesosy**

Izany dia maneho ireo mpianatra.

### **Mark 14:51**

#### **lamba hariry**

akanjo vita amin'ny kofehy hariry

#### **nitafy**

nasarona nanodidina Azy.

#### **Rehefa nosamborin'ny olona izy**

"Rehefa nosamborin'ny olona io lehilahy io"

#### **dia navelany teo ny lambany**

Raha mbola niezaka nandositra ilay lehilahy, dia nosamborin'ny hafa tamin'ny lambany, mba hanajanonana azy.

### **Mark 14:53**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanoloran'ny lohan'ny mpisorona, ny mpanora-dalàna, sy ny loholona an'i Jesosy tamin'ny mpisoronabe, Petera nijery teo akaiky teo raha mbola nanao fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra an'i Jesosy ny sasany.

#### **Niara-niangona taminy teo daholo ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "Ny lohandohan'ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna niara-niangona teo"

**Ary**

Io teny io dia manamarika fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara toy ny hoe: hanomboka hitantara izay momba an'i Petera amintsika izy.

**lavidavitra eny, hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe**

Raha mbola nanaraka an'i Jesosy Petera, dia nijanona tao amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe izy. DH: "ary nandeha lavitra hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe izy"

**Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izy**

Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izay niasa teo an-tokontany i Petera. DH: "Nipetraka teo an-tokontany teo amin'ireo mpiambina izy"

**Mark 14:55****Ary**

Io teny io dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara toy ny hoe manohy mitantara momba ny fanadihadiana an'i Jesosy.

**mamono Azy ho faty**

Tsy izy ireo irery no te-hamono an'i Jesosy; fa kosa hampamiraka olona hanao izany izy ireo. DH: "Mety hovanoin'izy ireo Jesosy" na "mety misy olona iray hampamonoan'izy ireo an'i Jesosy"

**Saingy tsy nahita izy ireo**

Tsy nahita vavolombelona hanohitra an'i Jesosy izy ireo mba hahafahan'izy ireo mandresy Azy sy mampamono Azy. DH: "Fa tsy nahita vavolombelona izay handresen'izy ireo lahatra azy izy ireo"

**niampanga lainga Azy**

Eto ny fiampangana lainga dia voafaritra ho zavatra mivaingana. DH: "miampanga Azy amin'ny fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra Azy"

**na ny fiampangan'izy ireo aza tsy nifanaraka akory**

Afaka atao hoe: "fa ny fijoroan'izy ireo vavolombelona dia nifanipaka"

**Mark 14:57****niampanga lainga Azy**

Eto ny fiampangana lainga dia voafaritra ho zavatra mivaingana. DH: "miampanga Azy amin'ny fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra Azy"

**Renay Izy niteny hoe**

"Renay Jesosy niteny hoe." Ny hoe: "-nay" dia maneho an'ireo olona izay miampanga lainga an'i Jesosy ary tsy tafiditra ao anatin'izany ireo olona izay miresaka.

**natao tanana**

Eto ny hoe: "tanana" dia maneho ny lehilahy. DH: "nataon'ny lehilahy ... tsy misy fanampian'olona" na

"namboarin'ny lehilahy ... tsy misy fanampian'olona"

**ao anatin'ny telo andro**

Izany dia midika fa ho voatsangana ao anatin'ny telo andro ny tempoly.

**hanangana iray hafa**

"hanangana tempoly iray hafa"

**tsy nifanaraka**

nifanipaka

**Mark 14:60****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa namaly Jesosy fa Izy no Kristy, dia nanameloka Azy ho faty avokoa ny mpisoronabe sy ireo loholona teo.

**nijoro teo amin'izy ireo**

Jesosy nijoro teo afovoan'ireo vahoaka tezitra mba hiresaka amin'izy ireo. DH: "nijoro teo amin'ireo lohandohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona"

**Tsy manan-kavaly va Ianao? Inona no hiampangan'ireto olona ireto Anao?**

Ny lohandohan'ny mpisorona dia tsy nanontany an'i Jesosy momba izay tenenin'ireo vavolombelona. Manontany an'i Jesosy izy mba hanaporofan'i Jesosy fa diso izay lazain'ireo vavolombelona ireo. DH: "Tsy hamaly va Ianao? Inona no havalinao an'izany fijoroana vavolombelona hanoheran'ireo olona ireo anao izany?"

**Zanak'Ilay voatahy?**

Eto Andriamanitra dia antsoina hoe: "Ilay voatahy." DH: "Zanak'Andriamanitra"

**eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra**

Eto ny "hery" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra, izay tena mahery tokoa"

**avy amin'ny rahon'ny lanitra**

Eto ny rahona dia voafaritra hoe manaraka an'i Jesosy rehefa hiverina Izy. DH: "rehefa hidina avy amin'ny rahona eny amin'ny lanitra izy"

**Mark 14:63****nandrovitra ny fitafiany**

Ny mpisoronabe nandrovitra am-panahiniana ireo fitafiany mba hampisehoana ny hatezerany sy horohorony amin'izay nolazain'i Jesosy. DH: "nandrovitra ireo akanjony tamim-pahatezerana"

**Mbola mila vavolombelona ihany va isika?**

Afaka atao hoe: "Tsy mila olona hafa hiampanga an'io lehilahy io intsony isika!"

**Efa renareo ny fitenenan-dratsy**

Izany dia maneho izay nolazain'i Jesosy, izay antsoin'ny mpisoronabe hoe fitenenan-dratsy. DH: "Efa renareo ny fitenenan-dratsy nolazainy"

**Izy rehetra ... Ny sasany nanomboka**

Ireo fehezanteny ireo dia maneho ny olona sasany amin'ireo vahoaka.

**nanarona ny tavany**

Nosaronan'izy ireo akanjo na tapi-maso mba tsy ho afaka hahita Izy. DH: "hanaronana ny tavany amin'ny tapi-maso"

**Maminania**

Naneso Azy izy ireo, niteny Azy mba haminany hoe iza no namely Azy. DH: "Maminania hoe iza no hamely Anao"

**ireo manam-boninahitra**

"ireo mpiambina"

**Mark 14:66****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tahaka ny faminanian'i Jesosy, Petera dia handà an'i Jesosy in-telo mialohan'ny maneno akoho.

**teo ambany teo an-kianja**

"tao ivelan'ny kianja"

**iray tamin'ireo mpanompo vavin'ny mpisoronabe**

Mpanompo vavy izay miasa ho an'ny mpisoronabe. DH: "iray tamin'ireo mpanompo vavy miasa ho an'ny mpisoronabe"

**nandà**

Izany dia midika fa mitaraina ny amin'ny tsy fahamarinan'ny zavatra iray. Amin'ity tranga ity,

Petera dia niteny fa diso izay nolazain'ilay mpanompo vavy momba azy.

**Tsy fantatro sady tsy azoko izay teneninao**

Ny "tsy fantatro" sy "tsy azoko" dia mitovy dika eto. Miverimberina ny dikan-teny eto mba hanampy ny fanamafisana izay lazain'i Petera. DH: "Tena tsy fantatro ny momba izay resahanao!"

**Mark 14:69****ilay ankizivavy**

Ilay mpanompo vavy izay nahafantatra an'i Petera ihany io

**iray amin'izy ireny**

Nahafantatra ny olona fa Petera dia iray amin'ny mpianatr'i Jesosy. DH: "iray amin'ny mpianatr'i Jesosy" na "iray amin'ireo izay niaraka tamin'ilay lehilahy nosamborin'izy ireo"

**Mark 14:71****nanozon-tena sy nianiana izy**

"niteny an'Andriamanitra mba hanozona ny tenany"

**Ary niaraka tamin'izany dia naneno ny akoho**

vorona izay maneno vao mangiran-dratsy.

**fanindroany**

laharana

**nalahelo mafy izy**

Io fomba fiteny io dia midika fa resin'ny alahelo tanteraka izy ary tsy nahatana ny fihetsem-pony. DH: "resin'alahelo tanteraka" na "tsy nahatana ny fihetsem-pony"

## Chapter 15

<sup>1</sup> Vao maraim-be, dia nivory ny mpisoronabe niaraka tamin'ireo loholona sy ireo mpanora-dalàna ary ny Synedriona Jiosy iray manontolo. Nofatoran'izy ireo Jesosy ary nentin'izy ireo nivoaka. Natolotr'izy ireo teo amin'i Pilato Izy. <sup>2</sup> Nanontany Azy Pilato hoe: "Ianao va no mpanjakan'ny jiosy?" Novaliany hoe: "Voalazanao." <sup>3</sup> Nanolotra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy ireo lohan'ny mpisorona. <sup>4</sup> Nanontany Azy indray Pilato hoe: "Tsy manome valin-teny va ianao? Jereo ny habetsaky ny fiampangana entin'izy ireo manohitra Anao!" <sup>5</sup> Fa tsy namaly an'i Pilato intsony Jesosy, dia nahagaga azy izany. <sup>6</sup> Ary tamin'ny andro firavoravoana, dia namotsotra gadra iray ho azy ireo foana Pilato, gadra izay angatahan'izy ireo. <sup>7</sup> Niaraka tamin' ireo mpikomy tao am-ponja, teo amin'ireo mpamono olona izay voatazona nohon'ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Barabasy. <sup>8</sup> Dia nankeo amin'i Pilato ny vahoaka ka nanomboka nangataka taminy mba hanao ho azy ireo araka ny fanaony tany aloha. <sup>9</sup> Pilato namaly azy ireo ka nanao hoe: "Tianareo va raha ny Mpanjakan'ny Jiosy no halefako ho anareo?" <sup>10</sup> Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy. <sup>11</sup> Fa nanentana ny vahoaka ireo lohan'ny mpisorona mba hihika mafy fa tokony ho Barabasy kosa no havotsotra. <sup>12</sup> Dia namaly azy ireo indray Pilato ka nanao hoe: "Inona ary izany no tokony ho ataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?" <sup>13</sup> Dia nihiakiaka indray izy ireo hoe: "Homboy Izy!" <sup>14</sup> Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Inona no ratsy nataony?" Fa nihiaka mafy hatrany hatrany izy ireo hoe: "Homboy Izy." <sup>15</sup> Te-hanao izay mahafa-po azy ireo Pilato, koa dia nafahany ho azy ireo Barabasy. Nokapohiny Jesosy ary avy eo natolony mba homboana. <sup>16</sup> Nentin'ireo miaramila ho eo an-kianja Izy (izay ivon-toeran'ny fanjakana), ary nantsoin'ireo avokoa ny antoko miaramila manontolo <sup>17</sup> Notafian'izy ireo lamba voloparasy Jesosy, ary nandrandrana fehiloaha tsilo izy ireo ka nametraka izany teo aminy. <sup>18</sup> Dia nanomboka niarahaba Azy izy ireo ary niteny hoe: "Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy!" <sup>19</sup> Nokapohin'izy ireo tamin'ny volotara ny lohany sady nandrora teo aminy. Dia nandohalika teo anatrehan'izy ireo mody nidera Azy. <sup>20</sup> Rehefa avy naneso Azy izy ireo, dia nesorin'izy ireo taminy indray ny lamba volomparasy ary nampitafian'izy ireo Azy ny fitafiany manokana, ary dia nentin'ireo nivoaka Izy mba hanomboana Azy. <sup>21</sup> Noteren'izy ireo ny mpandalo anankiray izay avy any an-tsaha mba hilanja ny hazofijalian'i Jesosy, lehilahy iray antsoina hoe Simona Kyreniana rain'i Aleksandra sy Rofosy. <sup>22</sup> Nentin'ireo miaramila tany amin'ny toerana atao hoe Gologota Jesosy (izay midika hoe "Toeran'ny karandoha"). <sup>23</sup> Nomen'izy ireo divay nifangaro miora Izy, fa tsy nisotro izany Izy. <sup>24</sup> Dia nohomboan'izy ireo Izy ary nifampizaran'izy ireo tamin'ny alalan'ny ankitsapaka ny fitafiany mba hahalalana izay ampahany raisin'ny miaramila tsirairay. <sup>25</sup> Tamin'ny ora fahatelo Izy no nohomboan'izy ireo. <sup>26</sup> Ary teo amin'ny takelaka hazo iray no nosoratan'izy ireo ny fiampangana nanohitra Azy hoe: "Mpanjakan'ny Jiosy." <sup>27</sup> Jiolahy roa no niaraka nohomboan'izy ireo taminy, ny iray teo ankavanany ary ny iray kosa teo ankaviany. <sup>28</sup><sup>1</sup><sup>29</sup> Ireo izay nandalo teo dia naniratsira Azy, nihifikifi-doha ary nanao hoe: "Aha! Ianao ilay afaka mandrava ny tempoly ary manorina izany ao anatin'ny telo andro, <sup>30</sup> vonjeo ny tenanao ary midina avy eo amin'io hazofijaliana io!" <sup>31</sup> Ny lohan'ny mpisorona koa dia naneso Azy tahaka izany, niaraka tamin'ireo mpanora- dalàna, ary niteny hoe: "Namonjy ny hafa Izy, nefa tsy mahavonjy ny tenany. <sup>32</sup> Aoka ilay kristy, ilay Mpanjakan'Israely, hidina avy eo amin'ny hazofijaliana, mba ho hitanay ary hinoanay," ary ireo nohomboana niaraka taminy koa dia naneso Azy. <sup>33</sup> Tamin'ny ora faha-enina, dia tonga teo amin'ny tany rehetra ny aizina hatramin'ny ora fahasivy. <sup>34</sup> Ary tamin'izany ora fahasivy izany dia nihiaka tamin'ny feo mahery Jesosy hoe: "Eloy, Eloy, lamà sabaktany?" izay midika hoe: "Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana ianao no nahafoy Ahy?" <sup>35</sup> Ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo nandre ny teniny ka niteny hoe: "Jereo, miantso an'i Elia Izy." <sup>36</sup> Nisy olona iray nihazakazaka, namonto divay marikivy ny sipaonjy, ary nandraikitra izany tamin'ny volotara, dia nanome izany ho sotroiny. Ilay lehilahy nilaza hoe: "Aoka ho hitanay raha ho avy ampidina Azy eo Elia." <sup>37</sup> Avy eo Jesosy nihiaka tamin'ny feo mafy dia maty. <sup>38</sup> Rovitra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany ny lamban'ny tempoly. <sup>39</sup> Rehefa hitan'ilay kapiteny izay nitsangana sy nifanatrika tamin'i Jesosy fa maty tamin'izany fomba izany Izy, dia hoy Izy hoe: "Tena Zanak'Andriamanitra marina tokoa io lehilahy io." <sup>40</sup> Dia nisy vehivavy koa nijery teny lavitra teny. Isan'izany Maria Magdalena, Maria (renin'i Jakobà zandriny sy Josesy), ary Salome <sup>41</sup> Tamin'Izy tany Galilia dia nanaraka Azy sy nanompo Azy izy ireo. Ary vehivavy maro hafa koa no niara-niakatra taminy tany Jerosalema. <sup>42</sup> Koa rehefa tonga ny hariva, satria Andro Fiomanana, izany hoe, andro mialohan'ny Sabata io, <sup>43</sup> dia tonga teo Josefa avy any Arimatia. Mpikambana hajaina ao amin'ny Synedriona izy, izay niandry ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanam-pasahiana izy nankany amin'i Pilato hangataka ny fatin'i Jesosy. <sup>44</sup> Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; dia nantsoiny ilay kapiteny ary nanontany azy izy raha maty Jesosy. <sup>45</sup> Rehefa nahazo antoka tamin'ilay kapiteny izy fa maty Jesosy, dia nomeny an'i Josefa ny vatana mangatsiaka. <sup>46</sup> Ary Josefa nividy hariry



madinika. Nampidina an'i Jesosy teo amin'ny ny hazofijaliana izy, dia namono hariry madinika Azy, ary nametraka Azy tao amin'ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy. Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy. <sup>47</sup> Dia hitan'i Maria Magdalena sy Maria renin'i Josesy ny toerana nandevenana Azy.

## Footnotes

15:28 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ireo fandikana taloha tsara indrindra dia tsy manisy ny Marka 15: 28 hoe: "Dia tanteraka ny Soratra Masina manao hoe: 'Natao ho isan'ny mpanota Izy.' (Ampitahao ny Lioka 22:35)

### Mark 15:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Rehefa natolotry ny lohandohan'ny mpisorona, ny loholona, ny mpanora-dalàna, ary ny filan-kevitra an'i Pilato i Jesosy, dia tsy nanameloka Azy i Pilato. Na dia nitondra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy aza ny vahoaka, dia tsy namaly azy ireo izy.

#### Nofatoran'izy ireo Jesosy ary nentin'izy ireo nivoaka

Izy ireo dia nandidy ny mba hamatorana an'i Jesosy, fa ireo mpiambina no namatotra Azy sy nitondra Azy nivoaka. DH: "nandidy ireo mpiambina izy ireo mba hamatotra an'i Jesosy sy hitondra Azy mivoaka"

#### Natolotr'izy ireo teo amin'i Pilato Izy

Natolotr'izy ireo ho eo ambany fahefan'i Pilato i Jesosy.

#### Voalazanao

Afaka atao hoe: "Efa izany voalazanao izany Aho"

#### Nanolotra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy

"niampanga an'i Jesosy tamin'ny zavatra ratsy maro"

### Mark 15:4

#### Nanontany Azy indray Pilato hoe

"Nanontany an'i Jesosy indray Pilato hoe"

#### Tsy manome valin-teny va Ianao

Afaka atao hoe: "Manana valin-teny va Ianao"

#### Jereo ny habetsaky ny fiampangana entin'izy ireo manohitra Anao!

Afaka atao hoe: "Mitondra fiampangana maro manohitra Anao izy ireo!"

#### Jereo

"Henoy." Io dia teny ampiasaina mba hisarihana an'i Jesosy amin'ireo fiampangana manohitra Azy.

#### nahagaga azy izany

Gaga i Pilato fa tsy namaly i Jesosy mba ho fiarovana ny tenany.

### Mark 15:6

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Pilato, nanantena fa hisafidy an'i Jesosy ny vahoaka, dia nanolo-kevitra hamoaka gadra iray, kanefa Barabasy no nangatahan'ireo vahoaka.

#### Ary

Io teny io dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara raha hamadika ny tantara ho any amin'i Pilato ny mpanoratra hilaza fampahafantarana momba ny fombafomban'i Pilato amin'ny famoahana gadra iray amin'ny fety sy momba an'i Barabasy.

#### Niaraka tamin'ireo mpikomy tao am-ponja, teo amin'ireo mpamono olona izay voatazona nohon'ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Barabasy

"Tamin'io fotoana io dia nisy lehilahy iray antsoina hoe: Barabasy, izay nigadra niaraka tamin'ny lehilahy hafa. Nanao vono olona izy ireo rehefa niady tamin'ny governemanta Romana"

#### hanao ho azy ireo araka ny fanaony tany aloha

Izany dia maneho an'i Pilato manafaka gadra amin'ny andro fety. DH: "hanafaka gadra iray ho azy ireo toy izay fanaony taloha"

### Mark 15:9

#### Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy

Io dia fampahafantarana manodidina ny antony nanolorana an'i Jesosy tamin'i Pilato.

#### fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy

Nialona an'i Jesosy izy ireo, mety hoe satria maro ny olona nanaraka Azy sy tonga mpianany. DH: "ireo lohandohan'ny mpisorona dia nialona an'i Jesosy. Izany no antony nahatonga azy ireo" na "ireo lohandohan'ny mpisorona dia nialona ny lazan'i Jesosy teo amin'ny vahoaka. Izany no antony nahatonga azy ireo"

#### nanentana ny vahoaka

Ny mpanoratra dia miresaka momba ny lohandohan'ny mpisorona manentana ny vahoaka.

**havotsotra**

"tokony ho Barabasy kosa no havotsotra fa tsy Jesosy"

**Mark 15:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny vahoaka dia nangataka ny fahafatesan'i Jesosy ka naverin'i Pilato tamin'ireo miaramila izay naneso Azy Izy, satrohy amin'ny fehiloaha tsilo Izy, kapohy Izy, ary ento mivoaka ary fantsiho amin'ny hazofijaliana.

**Inona ary izany no tokony ho ataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?**

Pilato dia nanontany izay tokony ataony amin'i Jesosy raha hanafaka an'i Barabasy ho azy ireo izy. Izany dia tombatomban-tranga. DH: "Raha alefako Barabasy, dia inona no hataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy"

**Mark 15:14****Hoy Pilato tamin'izy ireo**

"Hoy Pilato tamin'ireo vahoaka"

**izay mahafa-po**

"izay mahafaly"

**Nokapohiny Jesosy**

Tsy i Pilato no nikapoka an'i Jesosy eto fa ireo miaramilany no nanao izany.

**Nokapohiny**

Izany dia midika hoe: kapoka maharary.

**nanolotra Azy mba homboana**

Pilato niteny tamin'ireo miaramilany mba haka an'i Jesosy hivoaka sy hamantsika Azy amin'ny hazofijaliana.

**Mark 15:16****ho ao amin'ny tonkotanin'ny kianja Izy (izay ivon-toeran'ny fanjakana)**

Ao amin'ny fitoeran'ireo miaramila Romana, ary fitoeran'ny governora rehefa ao Jerosalema izy. DH: "ho ao amin'ny tokontanin'ny kianja fitoeran'ny miaramila Izy" na "ho ao amin'ny tokontanin'ny kianjan'ny governora"

**ny antoko miaramila manontolo**

"ny vondrona miaramila rehetra"

**Notafin'izy ireo lamba voloparasy Jesosy**

Ny voloparasy dia loko hanaovan'ny mpanjaka. Ireo miaramila dia tsy nino fa Jesosy dia mpanjaka. Notafin'izy ireo tahaka izany Izy mba hanesoana Azy satria ny hafa dia miteny fa Mpanjakan'ny Jiosy Izy.

**fehiloaha tsilo**

"satro-boninahitra vita tamin'ny tsilo"

**Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy**

Ny fiarahabana miaraka amin'ny fananganana tanana dia fomba fiarahabana ny Emperora Romana ihany. Ireo miaramila dia tsy nino fa Jesosy dia mpanjakan'ny Jiosy. Fa kosa niteny izany izy ireo mba hanesoana Azy.

**Mark 15:19****volotara**

"hazokely" na "tehina"

**Noteren'izy ireo ny mpandalo anankiray ... hilanja ny hazofijalian'i Jesosy**

Araka ny lalàna Romana, ny miaramila iray dia afaka manery lehilahy iray eny an-dalana hilanja entana. Amin'ity tranga ity, dia Simona no noteren'izy ireo hilanja ny hazofijalian'i Jesosy.

**avy any an-tsaha**

"avy any ivelan'ny tanàna"

**lehilahy iray antsoina hoe Simona Kyreniana rain'i Aleksandra sy Rofosy**

Fampahafantarana kely momba ilay mpandalo.

**Simona Kyreniana ... Aleksandra ... Rofosy**

Anarana lehilahy ireo.

**Mark 15:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireo miaramila nitondra an'i Jesosy nankany Golgota toerana izay hamantsihana Azy miaraka amin'ny olona roa hafa. Olona maro no naneso Azy.

**Toeran'ny karandoha**

Anaran'ilay toerana io. Izany akory tsy midika fa feno karandoha any.

**karandoha**

taolan-doha

**ireo divay nifangaro miora**

DH: "divay mifangaro fanafody mampitony fanaintainana antsoina hoe: miora"

**Mark 15:25****Tamin'ny ora fahatelo**

"Fahatelo" dia laharana. Izany dia maneho ny amin'ny sivy ora maraina. DH: "amin'ny sivy ora katroka amin'ny maraina"

**Ary teo amin'ny takelaka hazo iray**

Ireo miaramila nametaka io soratra io teo ambonin'ny hazofijalian'i Jesosy. DH: "Izy ireo nametaka soratra teo amin'ny hazofijaliana teo ambonin'ny lohan'i Jesosy"

**Jiolahy**

"mpangalatra mitam-piadiana"

ny iray teo ankavanany ary ny iray kosa teo ankaviany  
Afaka atao hoe: "ny iray teo ankavanany ny  
hazofijaliany ary ny iray kosa teo ankavian'ny  
hazofijaliany"

### Mark 15:29

#### nihihikifi-doha

Fihetsika ataon'ny olona rehefa mandà na tsy  
mankato.

Aha!

Feo maneho fanesoana.

Ianao ilay afaka mandrava ny tempoly ary manorina  
izany ao anatin'ny telo andro

Ny olona dia miresaka momba ny faminaniana teo  
aloha izay ho ataon'i Jesosy. DH: "Ianao izay nilaza  
fa afaka mandrava ny tempoly ary manorina izany  
ao anatin'ny telo andro"

### Mark 15:31

#### tahaka izany

Izany dia maneho ny fomba nanesoan'ireo olona  
izay miaraka mandeha amin'i Jesosy eny an-dalana.

#### naneso Azy, niaraka tamin'ireo

"izy ireo dia nifampilaza eso-teny momba an'i  
Jesosy"

#### Mpanjakan'Israely

Anarana hafa ho an'i Jesosy.

#### hinoanay

Izany dia midika hoe mino an'i Jesosy. DH: "mino  
Azy"

#### naneso

"nanaraby" na "niteny ratsy"

### Mark 15:33

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tamin'ny mitataovovonana dia rakotra haizina ny  
tany iray manontolo mandra-pahatongan'ny  
tamin'ny telo katroka rehefa nihiaka tamin'ny feo  
mamy Jesosy ary maty, ary nitriatra hatreny ambony  
ka hatrany ambany ny lamban'ny tempoly.

#### Tamin'ny ora faha-enina

Tamin'ny 12 atoandro.

#### tonga teo amin'ny tany rehetra ny haizina

Eto ny mpanoratra dia mamaritra fa niha-maizina  
ny tany ivelany tahaka ny hoe nisy onjan-  
dranomasina nanaloka ny tany. DH: "niha-maizina  
ny tany rehetra"

#### tamin'ny ora fahasivy

Izany dia maneho ny amin'ny telo katroka amin'ny  
hariva. DH: "Tamin'ny telo hariva katroka"

#### Eloy, Eloy, lamà sabaktany

Teny Aramaika ireo teny ireo izay tokony adika  
amin'ny fitenim-paritrao fa mitovitovy ny feo.

#### Ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo nandre ny teniny ka niteny hoe

Afaka soratana mazava tsara fa tsy azon'izy ireo  
izay nolazain'i Jesosy. DH: "Rehefa nandre izany ny  
sasany tamin'ireo izay nitsangana teo, dia tsy  
nahafantatra ary niteny hoe: "

### Mark 15:36

#### divay marikiv

"vinaigitra"

#### volotara

"hazokely" na "tehina vita amin'ny volotara"

#### nanome izany

"nanome izany an'i Jesosy." Ilay lehilahy dia  
nanolotra izany tamin'ny tehina mba hahafahan'i  
Jesosy misotro ny divay amin'ilay spaonjy. DH:  
"nanolotra izany an'i Jesosy"

#### Rovitra nizara roa

Marka dia mampiseho fa Andriamanitra mihitsy no  
nandrovitra ny lamban'ny tempoly. Afaka atao hoe:  
"Andriamanitra nampizara roa ny lamban'ny  
tempoly"

### Mark 15:39

#### kapiteny

kapiteny izay miandraikitra ireo miaramila  
namantsika an'i Jesosy tamin'ny hazofijaliana.

#### fa maty tamin'izany fomba izany Izy

"ny fomba nahafatesan'i Jesosy"

#### Zanak'Andriamanitra

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

#### nijery teny lavitra teny

"nijery avy lavitra"

#### Jakoba zandriny

Natao hoe Jakoba zandriny izy mba hanavahana azy  
amin'ilay lehilahy hafa antsoina hoe Jakoba.

#### Josesy

Tsy ilay Josesy rahalahin'i Jesosy io.

#### Salome

Anaran'ilay vehivavy.

#### Tamin'Izy tany Galilia dia nanaraka Azy ... taminy tany Jerosalema

"Tamin'i Jesosy tao Galilia ireo vehivavy ireo dia  
nanaraka Azy ... niaraka taminy tany Jerosalema."  
Io dia fampahafantarana fohifohy momba ilay  
vehivavy izay nijery ny famantsihana teny alavitra.

**niara-niakatra taminy tany Jerosalema**

Jerosalema dia avo kokoa nohon'ny ankamaroan'ny toerana ao Israely, ka tsy mahagaga raha miresaka hoe hiakatra sy hidina any Jerosalema ny olona.

**Mark 15:42****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Josefan'i Arimatea nangataka ny vata-mangatsiakan'i Jesoa, izay nofonosiny tamin'ny lamba hariry ary naleviny tao am-pasana.

**rehefa tonga ny hariva**

Eto ny hariva dia resahina toy ny hoe afaka mifindrafindra toerana. DH: "rehefa hariva ny andro"

**Josefa avy any Arimatia. Mpikambana hajaina**

Ny teny hoe: "tonga teo" dia maneho an'i Josefa tonga eo amin'i Pilato, izay manolotra fampahafantarana fohifohy momba an'i Josefa. Nosoratana mialoha ny hoe: "tonga teo" mba hampidirana azy ao anatin'ny tantara.

**Mpikambana hajaina ao amin'ny Synedriona izy, izay niandry ny Fanjakan'Andriamanitra**

Fampahafantarana fohifohy momba an'i Josefa.

**nankany amin'i Pilato**

"nankany amin'izay nisy an'i Pilato"

**hangataka ny fatin'i Jesosy**

Raha tsy aleviny amin'io hariva io Jesosy dia tsy maintsy miandry mandra-pahatapitry ny Sabata izy satria ny lalàna dia tsy mamela an'iza na iza hiasa amin'ny Sabata. DH: "nangataka ny fatin'i Jesosy mba ho aleviny eo no ho eo dieny mbola fotoan'ny fiomanana ny andro"

**Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; dia nantsoiny ilay kapiteny**

Pilato nandre ny olona niteny fa maty Jesosy. Nahagaga azy izany, ka nanontany ny kapiteny izy raha marina izany. DH: "Pilato dia gaga rehefa nandre fa Jesosy dia maty sahady, ka niantso ny kapiteny izy"

**Mark 15:45****Rehefa nahazo antoka izy**

"Rehefa nahazo antoka i Pilato"

**nomeny an'i Josefa ny vatana mangatsiaka**

"namela an'i Josefa haka ny vatana mangatsiakan'i Jesosy izy"

**hariry**

Lamba vita amin'ny hariry.

**Nampidina an'i Jesosy izy ... Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy**

Josefa dia nampian'ny olona hafa nampidina an'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana, nikarakara Azy ho alefa ao am-pasana, ary nanidy ny fasana. DH: "Nampidina Azy Josefa sy ireo olon-kafa ... Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy ireo"

**ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy**

Afaka atao hoe: "fasana izay efa nolavahan'olona iray tamin'ny vatolampy tany aloha"

**nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy**

"vato fisaka goavambe manoloana ny"

**Josesy**

Tsy i Josesy zandrin'i Jesosy io.

**ny toerana nandevenana Azy**

"ny toerana nandevenan'i Josefa sy ireo hafa ny vata mangatsiakan'i Jesosy"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata, dia nividy zava-manitra hosorana amin'ny fatin'i Jesosy i Maria Magdalena sy Maria renin'i Jakoba, ary Salome nividy hanitra mba handeha ary hanosotra ny fatin'i Jesosy. <sup>2</sup> Vao maraim-be tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nankeny amin'ny fasana izy ireo rehefa niposaka ny masoandro. <sup>3</sup> Dia nifampiteny izy ireo hoe: "Iza no hanakodia ny vato eo amin'ny varavaram-pasana ho antsika?" <sup>4</sup> Rehefa nitraka izy ireo, dia hitany fa efa voakodia niala ilay vato, izay tena lehibe tokoa. <sup>5</sup> Niditra tao am-pasana izy ireo dia nahita zatovolahy niakanjo fotsy, nipetraka teo ankavanana, ary dia gaga izy ireo. <sup>6</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra. Mitady an'i Jesosy ianareo, ilay Nazarena, izay nombohana. Nitsangana Izy! Tsy eto Izy. Jereo ny toerana izay nametrahany izy ireo Azy. <sup>7</sup> Fa mandehana, lazao ireo mpianany sy Petera fa hialoha lalana anareo any Galilia Izy. Any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo." <sup>8</sup> Nivoaka izy ireo ka nihazakazaka niala ny fasana; nangovitry sy talanjona izy ireo. Tsy nilaza na inona na inona tamin'ny olona izy ireo satria tena natahotra mafy. <sup>9</sup><sup>[1]</sup> Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, taorian'ny nitsanganany, dia niseho tamin'i Maria Magdalena aloha Izy, ilay nandroahany demonia fito. <sup>10</sup> Dia lasa Maria ary nilaza ny vaovao tamin'ireo niaraka tamin'i Jesosy, raha mbola nisaona sy nitomany izy ireo. <sup>11</sup> Ren'izy ireo fa velona Izy ary nahita Azy izy, saingy tsy nino izy ireo. <sup>12</sup><sup>[2]</sup> Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo, raha nandeha ho any an-tanàna izy ireo. <sup>13</sup> Dia lasa izy ireo ary nilaza tamin'ireo mpianatra sisa, saingy tsy nino izy ireo. <sup>14</sup><sup>[3]</sup> Taoriana kely dia niseho tamin'ny iraka ambiny folo lahy Jesosy raha mbola teo am-pisakafoana izy ireo, ary niteny mafy azy ireo Izy nohon'ny tsy finoana sy hamafin'ny fon'izy ireo, satria tsy nino ireo izay nahita Azy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty izy ireo. <sup>15</sup> Ary hoy Izy tamin'ireo hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao, ary torio amin'ny olona rehetra ny Filazantsara. <sup>16</sup> Izay mino sy atao batisa no ho vonjena, ary izay tsy mino kosa dia ho helohina. <sup>17</sup><sup>[4]</sup> Ireto famantarana ireto dia hanaraka ireo izay mino: Amin'ny anarako no hamoahan'izy ireo demonia. Hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo. <sup>18</sup> Handray menarana amin'ny tanana izy ireo, ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Hametra-tanana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." <sup>19</sup><sup>[5]</sup> Rehefa avy niresaka tamin'izy ireo ny Tompo, dia nampiakarina ho any andanitra Izy ary nipetraka eo an-tanana ankavanana' Andriamanitra. <sup>20</sup> Dia lasa ireo mpianatra nitory teny rehetra teny, ary ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo ary nanamafy ny teny tamin'ny alalan'ny famantarana izay niaraka tamin'izy ireo.

### Footnotes

- 16:9 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka: 16:9-20  
 16:12 <sup>[2]</sup>Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:14 <sup>[3]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:17 <sup>[4]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:19 <sup>[5]</sup>Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20

### Mark 16:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, nisy vehivavy maromaro tonga vao mangiran-dratsy satria saika hanosotra zava-manitra amin'ny vatan'i Jesosy izy ireo. Gaga izy ireo fa nahita zatovolahy izay niteny fa velona i Jesosy, kanefa natahotra izy ireo ary tsy niteny an'iza na iza.

#### Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata

Izany hoe, rehefa niposaka tamin'ny andro fahafito ny masoandro ary nanomboka ny andro voalohany amin'ny herinandro.

### Mark 16:3

#### efa voakodia niala ilay vato

Afaka atao hoe: "nisy olona iray nanakodia ny vato"

### Mark 16:5

#### Nitsangana Izy!

Ilay anjely dia maneho fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy. DH: "Efa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy" na "Efa nanangana ny tenany tamin'ny maty Izy!"

## Mark 16:8

**ny fasana**

toerana fandevenana ny maty

**talanjona**

gaga

## Mark 16:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy no niseho voalohany tamin'i Maria Magdalena, izay niteny tamin'ireo mpianatra, avy eo dia niseho tamin'ireo hafa raha mbola nandeha teny an-tanàna iny izy ireo, ary avy eo niseho tamin'ireo mpianatra iraka ambin'ny folo.

**andro voalohan'ny herinandro**

"tamin'ny andro alahady"

**Ren'izy ireo**

"Nandre an'i Maria Magdalena niteny izy ireo hoe"

## Mark 16:12

**Jesosy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo**

Jesosy ilay olona izay hitan'ny "roa tamin'izy ireo," fa tsy mitovy amin'i Jesosy no hitan'izy ireo, ka tsy nahafantatra izy ireo hoe Jesosy io hitany io.

**roa tamin'izy ireo**

roa "tamin'ireo izay niaraka taminy"

**fa tsy nino izy ireo**

Tsy nino izay nolazain'ireo anankiroa nandeha tao amin'ny tanàna ny ambin'ireo mpianatra.

## Mark 16:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nifankahita tamin'ireo iraka ambin'ny folo Jesosy, dia nibedy azy ireo tamin'ny tsy finoan'izy ireo ary niteny tamin'izy ireo mba handeha eran'izao tontolo izao ka hitory ny filazantsara.

**ny iraka ambin'ny folo**

Ireo mpianatra iraka ambin'ny folo tavela rehefa lasa Jodasy.

**hamafin'ny fo**

Jesosy dia nibedy ireo mpianatra satria tsy nino Azy izy ireo. DH: "nandà ny hino"

**izao tontolo rehetra izao**

Eto ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia maneho ny olon-drehetra eran-tany. DH: "Mandehana any amin'izay rehetra misy olona"

**Izay mino sy atao batisa no ho vonjena**

Ny teny hoe: "Izay" dia maneho ny olon-drehetra. DH: "Andriamanitra dia hamonjy ny olon-drehetra izay mino sy hamela anao hanao batisa azy ireo"

**izay tsy mino kosa dia ho helohina**

Ny teny hoe: "izay" dia maneho ny olon-drehetra. DH: "Andriamanitra dia hanameloka ny olon-drehetra izay tsy mino"

## Mark 16:17

**Ireto famantarana ireto dia hanaraka ireo izay mino**

Marka dia miresaka ireo fahagagana toy ny hoe izy ireo no olona handeha hiaraka amin'ireo mpino. DH: "Ireo olona mijery ireo izay mino dia hahita ireo zavatra ireo hiseho ary hahafantatra fa Izaho dia miaraka amin'ireo izay mino"

**Amin'ny anarako no hanoahany izy ireo**

Ny mety ho dikany hafa: 1) Jesosy dia manome lisitra amin'ny ankapobeny: "Amin'ny anarako no hanaovan'izy ireo zavatra toy izany: Izy ireo dia" na 2) Jesosy dia hanome lisitra mazava: "Ireo zavatra ireo dia ho ataon'izy ireo amin'ny anarako: Izy ireo dia."

**Amin'ny anarako**

Eto ny hoe: "anarana" dia mifandray amin'ny fahefana sy herin'i Jesosy. DH: "Amin'ny alalan'ny fahefan'ny anarako" na "Amin'ny alalan'ny herin'ny anarako"

## Mark 16:19

**nampiakarina ho any an-danitra Izy ary nipetraka**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra naka Azy ho any an-danitra, ary Izy nipetraka"

**eo antanan-kavanan' Andriamanitra**

"any amin'izay hipetrahan'ilay iray izay nomen'Andriamanitra ny voninahitra sy ny hery lehibe indrindra"

**nanamafy ny teny**

"nampiseho fa ireo teniny, izay tenenin'izy ireo, dia marina"

